Smallholder Horticulture Empowerment and Promotion (SHEP)

# Torolalana ho an'ny Mpampiofana ny Fomba Fiasa SHEP



February 2024

## Torolàlana ho an'ny fampiharana ny Fomba Fiasa SHEP

Sampandraharaha Japone misahana ny Fiarahamiasa Iraisampirenena

# Torolalana ho an'ny Mpampiofana ny Fomba Fiasa SHEP

Fizahan-takelaka

Teny mialoha....................1
Ry mpamaky hajaina....................2
Ireo nandray anjara namolavola ny torolalana....................4
FIZARANA 1.FOTOKEVIDEHIBE....................6
1. Fotokevidehibe mahakasika ny Fomba Fiasa SHEP....................7
1.1. Andry roa fototry ny Fomba Fiasa SHEP....................7
1.2. Ny dingana efatra ilaina arahana amin'ny Fomba Fiasa SHEP....................11
1.3. Ny maha lahy na maha vavy ao amin'ny SHEP....................13
2. Ny tombontsoan'ny SHEP....................15
2.1. Inona no maha samy hafa ny SHEP amin'ny Fomba Fiasa hafa?....................15
2.2. Vokatra sy fiantraikan'ny Fomba Fiasa SHEP....................16
FIZARANA 2. FAMPIHARANA....................18
1. Dingana 1 – Fizarana ny tanjona miaraka amin'ny mpamokatra....................19
1.1. Atrikasa fanentanana....................19
2. Dingana 2 – Mahazo ny zavamisy ny mpamokatra....................23
2.1. Fanadihadiana fototra andraisan'ny rehetra anjara....................23
2 .2 Fihaonan'ny mpiaramiombonantoka（fampiharana tsy voatery atao）....................36
2.3. Fanadihadiana ny tsena....................43
3. Dingana faha 3 – Mandray fanapahankevitra ny mpamokatra....................56
3.1. Fisafidianana ny fihariana....................56
3.2. Fandrafetana ny tetiandrompamokarana....................64
4. Dingana faha 4 – Mahazo fahaizamanao ny mpamokatra....................72
4.1. Fiofanana eny ifotony....................72
5. Fanarahamaso (ahitana ny fanadihadiana farany andraisan'ny rehetra anjara)....................80
6. Ohatra amin'ny fiofanana fanentanana mahakasika ny maha lahy na maha vavy....................89
FIZARANA FAHA 3.TOROHEVITRA....................95
1. FAQs (Fanontaniana matetika mipetraka amin'ireo tompon'andraikitry ny Fomba Fiasa SHEP)....................96
1.1. Fanontaniana mahakasika ny fampiharana sy ny Fomba Fiasa SHEP....................96
1.2. Fanontaniana mahakasika ny fanamby eo amin'ny varotra....................98
1.3. Fanontaniana mahakasika ny endrika fanampiana....................99
1.4. Fanontaniana mahakasika ireo kendren'ny Fomba Fiasa....................100
1.5. Fanontaniana mahakasika ny mpampiofana sy ny rafitra fanapariahana....................101
1.6. Fanontaniana mahakasika ny ho entimanana ara-bola....................101
1.7. Fanontaniana mahakasika ny maha lahy na maha vavy....................102
2. Fitaovana nampiasaina....................103

Lisitry ny kisary

Kisary 1 Andry roa an'ny SHEP....................7
Kisary 2 Dingana efatra ilaina arahana....................11
Kisary 3 Fifampiankinan'ny risipo sy ny fivoaran'ny fahaizamanao....................13

Kisary 4 Fampiharana ny maha lahy na maha vavy ao amin'ny SHEP........................................14
Kisary 5 Fiovàna tsara taorian'ny SHEP.............................................................................16
Kisary 6 Fanadihadiana fototra hahasoa ny mpamokatra ...............................................................24
Kisary 7 Ireo asa mila atao ao amin'ny tetiandrompamokarana .....................................................65
Kisary 8 Fampitahana ny Fiofanana mitodika amin'ny tolotra sy ny tinady....................................73
Kisary 9 Kamishibai namboarina tany Kenya .....................................................................78
Kisary 10 Taratasy mivalona mahakasika ny famokarana (dépliants) tany Roanda, Nepal ary Etiopia .....79
Kisary 11 Petadrindrina tany Palestine ..........................................................................79
Kisary 12 Atao azo antoka ny "fiaingana" amin'ny alalan'ny fanarahamaso..................................81

Lisitry ny Efajoro

Efajoro 1 Fanehoana an-tsary ny famadihana ny maripandanjana ampiasaina mandritra ny fanadihadiana mialoha ..........................................................................28
Efajoro 2Fitaovana fikajiana ny masonkarena...................................................................28
Efajoro 3Mifanampy ny samy mpamokatra...........................................................................29
Efajoro 4 Fanadihadiana fototra mahakasika ny tanimboly iombonana sy an'olon-tokana..........29
Efajoro 5 " Fomba Fiasa« entimody» mandritra ny fanadihadiana fototra ....................................30
Efajoro 6Fihaonana eo amin'ny mpividy-mpivarotra...........................................................39
Efajoro 7Solontenan'ny mpamokatra maro nandray anjara tamin'ny fihaonan'ny mpiaramiombonantoka ..........................................................................39
Efajoro 8Fampirantiana fitaovana mampihena asa ..............................................................40
Efajoro 9 Fitsidihana orinasa sy fikambanana mandritra ny fanadihadiana ny tsena...................46
Efajoro 10Fanadihadiana andrana ataon'ny mpamokatra alohan'ny fanadihadiana ny tsena.....46
Efajoro 11 Tomponandraikitra mpanatanteraka ny tetikasa manomana mialoha ny fanadihadiana ny tsena..........................................................................47
Efajoro 12Misafidy voly mihoatra ny enina ho hadihadiana ny mpamokatra ................................47
Efajoro 13Ny mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra izay voafidy ho solontena mandritra ny fanadihadiana ny tsena ..........................................................................48
Efajoro 14Fanatanterahana fanadihadiana ny tsena eny amin'ny tsena ara-dalàna sy tsy ara-dalàna ..........................................................................48
Efajoro 15Misafidy fihariana roa ho an'ny vanimpotoana roa samy hafa.......................................59
Efajoro 16Fandrafetana tetibolampamokarana ...................................................................60
Efajoro 17 Famolavolana ny fafana mahakasika ny fotoana mahabetsaka ny filàna...................67
Efajoro 18 Tetiandrompamokarana ho an'ny tanimbolin'ny vondrona sy an'olontokana ..............68
**Efajoro 19Fanapariahana ny teknika famokarana ataon'ny samy mpamokatra**...................75

Efajoro 20Fametrahana vala fampisehoana / Sekolin'ny mpamokatra Mpandraharaha na STM na ny saha sekoly (CEP)....76
Efajoro 21Fiarahamiasa amin'ny sampandraharaha fanapariahana ara-pamokarana eo amin'ny sehatra tsy miankina....76

Lisitry ny lahatsoratra

Lahatsoratra 1: Tsy fisian'ny elanelana eo amin'ny mpisehatra amin'ny tsena....8
Lahatsoratra 2: Filàna telo hampiakatra ny risipo....10
Lahatsoratra 3: Filaharana samy hafa, tanjona samy hafa....42
Lahatsoratra 4: Ireo fitsipika telo mifehy ny fanadihadiana ny tsena ao anatin'ny Fomba Fiasa SHEP....51
Lahatsoratra 5: Fitaovana fanofanana isankarazany ho an'ny teknika famokarana....78
Lahatsoratra 6: Tantara iray mahakasika lehilahy iray avy amin'ny tokantrano mpamokatra....93
Lahatsoratra 7: Tantara iray mahakasika vehivavy iray avy amin'ny tokantrano mpamokatra....93

# Teny mialoha

*Ho lasa asa fanao amin’ny fanapariahana ara-pamokarana ny Fomba Fiasa SHEP.*

Tany amboalohany, ny SHEP dia niorina tamin'ny alalan'ny andrana sy fahadisoana teo amin’ny fanapariahana ara-pamokarana tao anatin’ny fiarahamiombonantoka ara-teknika teo amin'i Kenya sy Japana tamin'ny taona 2006. Fomba iray fanapariahana ara-pamokarana tohanan'ny fitsipika ara-toekarena sy ara-tsaina ny SHEP ka azo faritana ho fomba fiasa iray hanomezana lanja kokoa ny famokarana mitodika any amin'ny tsena ataon'ireo mpamokatra madinika. Nisy tetikasa iray nanatanteraka fanapariahana ara-pamokarana nampiasa io fomba io ka nitombo avo roa heny ny vola niditra tamin'ireo mpamokatra 2500 nokendrena tao anatin'ny roa taona monja.

Nandritra ny kabary fanokafana ny Fivoriana Iraisampirenena faha-5 mahakasika ny Fampandrosoana an’i Afrika tao Tokyo tamin'ny 2013, dia naneho ny faniriany hiala amin'ny “mamokatra sy hivarotra” mba ho tonga amin’ny “mamokatra mba hivarotra” ny Praiminisitra Japoney Shinzo Abe. Nanomboka teo, niara-niasa tamin'ny governemanta Keniana ny JICA mba hanapariaka ny Fomba Fiasa SHEP avy any Kenya. Nisitraka izany fanapariahana ny Fomba Fiasa izany ny mpitantana sy ny mpampiofana ny haitaompamokarana any amin'ny firenena afrikana hafa. Ankehitriny dia firenena afrikanina 20 eo ho eo no mampihatra ny SHEP.

Maninona no betsaka mampihatra manerana an'i Afrika tao anatin'ny fotoana fohy ny SHEP? Misy antony telo ny fahitako azy. Voalohany, ny teny filamatry ny SHEP dia tsotra, "Mamokatra sy mivarotra” ho lasa “Mamokatra mba hivarotra. Ny hafatra tsotra amin’ny hoe “sarotra ny mahazo tombony amin'ny famokarana tsy mihevitra izay filàn'ny tsena” dia hafatra mety eken’ny maro, misehatra amin’ny fanapariahana ara-pamokarana. Faharoa, misy ny rafitra eny rehetra eny izay mampitombo ny risipon’ ny mpamokatra sy ny mpampiofana ara-pamokarana amin'ny asany. “No Fun No SHEP” (Tsy misy SHEP raha tsy Mahay Mifaly) dia teny filamatra teo amin'ireo izay nisehatra tamin'ny SHEP. Maro ireo mpamokatra sy mpampiofana ara-pamokarana izay nampihatra ny SHEP no nizara ny fifaliany nanatanteraka ny asany. Ny fahatelo dia ny « coopération Sud-Sud » na “Fiaraha-miasa Atsimo-Atsimo” na fiaraha-miasa eo amin'i Kenya sy ny firenena afrikana hafa. Avy any Kenya no niatomboka ity Fomba Fiasa ity ka mora ampiasaina na ampiharina any amin'ny firenena Afrikana hafa ny fahalalàna sy ny traikefan'ny SHEP. Ho mora tanterahina araka izany ny “fiarahamiasa Atsimo-Atsimo”. Mandritra izany fotoana izany, ny JICA dia mikarakara atrikasa iraisampirenena mahakasika ny SHEP ary miantoka ny toerana hiofanan'ireo mpandray anjara mba ahazoana fahalalana mahakasika ny fanapariahana ara-pamokarana. Manasa antsika rehetra handray anjara mavitrika amin'ireny hetsika ireny izahay.

Izy ity dia torolàlana tsotra mora arahina hanatanterahana ny asa fanapariahana ara-pamokarana mampiasa ny Fomba Fiasa SHEP. Manantena izahay fa ho lasa “fanao” ny votoatiny asehon'ity boky ity ho an'ireo misehatra amin’ny asa fanapariahana ara-pamokarana. Ho avy ny andro handrenesana ny mpamokatra manerana izao tontolo izao hilaza hoe, “Mamokatra mba hivarotra ve? Mazava ho azy!”. Amin’izany tanjona izany indrindra, dia manohy ny fiaraha-miasa amin’ny rehetra izahay ho fanohanana ny mpamokatra madinika.

Marsa 2018

Kenichi Shishido

Tale Jeneraly
Sampan-draharaha misahana ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra
Sampandraharaha Japone misahana ny Fiarahamiasa Iraisampirenena (JICA)

# Ry mpamaky hajaina

Raha afaka manohana ireo mpamokatra amin'ny alalan'ny asa fanapariahana ara-pamokarana ianao, dia diniho ireto fanontaniana roa manaraka ireto.

1. Hanoro hevitra ny mpamokatra ve ianao mahakasika ny fomba famokarana izay tsy manome sehatra ny filàn'ny tsena?
2. Hampihatra fandaharanasa / tetikasa fanapariahana izay tsy mamparisika ny mpamokatra ve ianao?

Ny valiny, raha ny hevitro dia tsia. Raha toa ka fivelomanao ny famokarana, dia tena zavadehibe ny fifandraisana eo amin'ny vokatra (voamaina, legioma, voankazo ary biby fiompy) sy ny tsena hivarotanao ireny vokatra ireny. Raha afaka mamaly ny filàn'ny tsena ireo vokatry ny mpamokatra ireo, na ara-kalitao sy amin'ny fotoana itakian'ny tsena azy, dia farafaharatsiny hahazo tombotsoa izy. Etsy ankilany, raha manapakevitra hamokatra ny mpamokatra ka tsy mihevitra izay ilain'ny tsena dia tsy afaka manantena ny ho afaka hivarotra ny vokatra eny an-tsena amin'ny vidiny tiany. Azo heverina fa misy amin'ireo mpamokatra madinika any amin'ny tany andalam-pandrosoana mampiasa masomboly sy mampitsimoka/mamboly azy kanefa tsy mahafantatra tsara akory ny mahakasika ny tsena, ary ireo mpamokatra ireo dia manohy mampihatra ny famokarana toy izany hatrany.

Ankoatra izay, azo lazaina fa ny asa fanapariahana ara-pamokarana dia mifototra amin'ny serasera roa zotra miaraka amin'ny mpamokatra. Ny matetipitranga dia saika mifantoka amin'ny "teknika ara-pamokarana hampitaina" amin'ny maha mpisehatra azy ny adihevitra mahakasika ny fanapariahana ara-pamokarana. Na izany aza, zavadehibe kokoa ny fandraisana ny mpamokatra ho mpifanandrina. Azo antoka fa tsy fahita firy ny mpamokatra tsy resy lahatra fa ilainy ny teknika sy ny teknolojia ka hitohy hampiasa azy. Tsy misy fitomboan'ny vokatra na fihatsaran'ny kalitao azo antenaina raha mijanona amin'io toejavamisy io.

Ny Fomba Fiasa SHEP dia Fomba Fiasa fanapariahana ara-pamokarana. Ny mampiavaka azy dia ny fitohizan'ny asa famokarana - indrindra ny fampiroboroboana ny fizarana ny tsara ho fantatra eo amin'ny mpamokatra sy ny mpisehatra eo amin'ny tsena, ka mampihena ny elanelana misy eo amin'ny mpisehatra eo an-tsena - sy ny famolavolana karazana hetsika izay mamaly ny hetahetan'ireo mpamokatra. Ny Fomba Fiasa SHEP dia manatanteraka ireo dingana amin'ny fanapariahana ara-pamokarana araka ny tokony ho izy. Tsy zavabaovao be izany.

Io Fomba Fiasa io, izay novolavolaina tany Kenya tany am-piandohana, dia efa nampiharina tamina firenena nihoatra ny roapolo. Mirehareha sy mankasitraka ireo mpamokatra nahazo tohana tamin'ny alalan'ity Fomba Fiasa ity. Nanavao ny tranony, nividy fiara, nandefa ny zanany handrato fianarana lavitra kokoa ireny mpamokatra ireny, ka nanjary afaka nihinana sakafo voalanjalanja – nahatsapa fihatsarana tamin'ny fivelomany tokoa ry zareo.

Ity boky ity dia mifototra amin'ny traikefa fampiharana ny Fomba Fiasa SHEP izay hampiharina amin'ny asa fanapariahana ara-pamokarana. Izany dia natao mba hananan'ireo mpisehatra amin'ny fanapariahana ara-pamokarana fitaovana afaka hampiharana avy hatrany ny Fomba Fiasa SHEP. Na izany aza, ity boky ity dia mety misy latsaka amin'ny fanazavana ny teknika sy ny fomba fiasa. Manantena izahay fa ity fitaovana ity dia ho ampiasaina araka ny tokony ho izy. Azo atao koa ny manatsara sy mampifanaraka azy amin'ny toejavamisy eny ifotony. Ndao ary! Miandry anareo ny mpamokatra manerantany e!

Jiro Aikawa
Mpanolotsaina voalohany ao amin'ny JICA / Mpanolotsaina mahakasika ny Fomba Fiasa SHEP

## ・Fankasitrahana

Ity " Torolalana SHEP ho an’ny mpampiofana " ity dia novolavolaina nohon’ny fandraisan'anjaran'ireo mpiasan'ny Ministeran'ny Famokarana Kenyana nampiharina tao amin'ny Sampana Mpandrindra ny Tetikasa mampahaleo tena sy mampiroborobo ny mpamokatra legioma madinika (SHEP, SHEP UP ary SHEP PLUS). Tsy vitan'ny hoe nandray anjara tamin'ny famolavolana ny Fomba Fiasa SHEP ny mpiasa, fa nanatsara azy hatrany koa. Ankoatra izany, nanofana mpiasa maherin'ny roanjato (200) avy amin'ny firenena Afrikana roa amby roapolo (22) izay mampihatra ny Fomba Fiasa SHEP amin'izao fotoana izao ny Sampan-draharahan'ny Fandrindrana ny Tetikasa. Ankasitrahanay ny ezaka nataon'izy ireo tamin'ireo mpamokatra mpandray anjara Kenyana, ireo mpiara miombon’antoka sy ny fanohanan'ny mpitantana ny ministera.

| **Mpikambana ao amin’ny Sampana Mpandrindra ny Tetikasa SHEP UP / SHEP PLUS** | |
|---|---|
| Anarana sy fanampiny | Andraikitra ao amin’ny tetikasa |
| Rtoa Francisca Malenge | Mpandrindra Tetikasa Nasionaly |
| R. Stephen Kioko | Famokarana sy fanarahamaso ny kalitao |
| R. Collins Otieno | Famokarana sy fanarahamaso ny kalitao |
| R. Thomas Mumu | Fampiharana ny maha lahy na maha vavy sy fahaleovantenan’ny vondrona |
| Rtoa Florence Wambua | Fampiharana ny maha lahy na maha vavy sy fahaleovan -tenan’ny vondrona |
| R. Peter Orangi | Fandrindrana ny fampiofanana / fitantanana |
| Rtoa Elizabeth Mbuthia | Fanarahamaso sy fanombanana |
| R. Raymond Chelule | Fanarahamaso sy fanombanana |
| Rtoa Antonina Luta | Fitantanana ny angom-baovao |
| R. Stephen Nzioka | Fanatsarana mandalo nahazo fanampian'ny ny injeniera Do-nou |
| Rtoa Alice Nyaga | Injeniera amin’ny fanodinana sakafo avy amin’ny famokarana |
| R. Dishon Mkaya | Injeniera amin’ny fanangonana sy fampiasana rano |
| **Ekipa SHEP** | |
| R. James Ogolla Arim | Mpitarika ekipa lefitra |
| Rtoa Grace Mbuthia | Famokarana sy fanarahamaso ny kalitao |
| Rtoa Florence Mang'oli | Fahaleovantenan’ny vondrona sy ny fampiharana ny maha lahy na maha vavy |
| R. Zablon Oirere | Fahaleovantenan’ny vondrona sy ny fampiharana ny maha lahy na maha vavy |
| Rtoa Grays Kiplagat | Fotodrafitrasa / fitantanana ny any ambanivohitra |

## Ireo nandray anjara namolavola ny torolalana

Tanteraka tamin'ny alalan'ny hetsika niarahan'ny Japan International Cooperation Agency (JICA) sy ny firenena manatanteraka ny fandaharanasa SHEP ny famoahana ity tahirinkevitra ity, “Torolalana SHEP ho an'ny mpampiofana”. Voaangona tamin'ny alalan'ny andiana fitsidihana fanadihadiana firenena tahaka an'i Lesotho, Malawi, Afrika Atsimo ary Zimbabwe tamin'ny volana Aprily ka hatramin'ny oktobra 2017 ny fanazavana amin'ny antsipiriany. Vantany vao nomanin'ny ekipan'ny JICA ny vakiroaka, dia nodinihan'ny ekipa tonian-dahatsoratra ahitana ny solontenan'ireo firenena voalaza etsy ambony izany. Nomanina sy navoakan'ny ekipa JICA ny drafitra farany tamin'ny torolalana izay ahitana taratra ny fanehoan-kevitry ny ekipan'ny tonian-dahatsoratra. Indro ny lisitr'ireo mpikambana ao amin'ny ekipan'ny tonian-dahatsoratra sy ny JICA izay mpandray anjara lehibe tamin'ny famolavolana ny torolalana.



Fivorian’ny tonian-dahatsoratra tamin’ny 5 desambra 2017 tany Pretoria, Afrika Atsimo

[Mpandray anjara tamin’ny fivorian’ny tonian-dahatsoratra]

Rtoa Limakatso Makoae, Lehiben'ny Famokarana (legioma sy voankazo), Ministeran'ny famokarana sy ny fanjarian-tsakafo, Lesotho

Rtoa Martha Mokhatha, Mpitantana ny Famokarana legioma sy voankazo ao amin’ny Distrika, Ministeran'ny Famokarana sy ny fanjarian-tsakafo, Lesotho

Atoa Andrew Chamanza, Mpandrindra voalohany amin’ny Famokarana velontena, Sampandraharaha momba ny asa Fanapariahana ara-Pamokarana (DAES), Malawi

Atoa Japhet Chimbeta Zingani, Tompon'andraikitry ny Famokarana fa, Ministeran'ny Famokarana, Fampidirana rano sy fampivoarana ny rano - Sampandraharaha momba ny asa Fanapariahana ara-Pamokarana (DAES), Malawi

Rtoa Harue Kitajima, Mpanolotsaina Voalohany, Tetikasa Fampiroboroboana ny Famokarana legioma sy voankazo mitodika any amin’ny tsena sy Fahaleovantenan’ny mpamokatra (MA-SHEP), Malawi

Atoa Vongani Shivambu, Tale lefitra: Fanohanan’ny firenena ny fanapariahana, Ministeran'ny Famokarana, Ala sy Jono, Afrika Atsimo

Rtoa Mpho Mudau, Tale lefitra: Fanohanana ny fanapariahana, Sampan-draharahan'ny Famokarana, Ala sy Jono, Afrika Atsimo

Atoa Dayanand Chetty, Tale lefitra, Sampan-draharahan'ny Famokarana, Fampandrosoana ny tontolo Ambanivohitra KZN, Afrika Atsimo

Atoa. Blessing Lushaba, Mpanolotsaina voalohany amin’ny Famokarana, Sampan-draharahan'ny Famokarana, Fampandrosoana ny tontolo Ambanivohitra KZN, Afrika Atsimo

Dr. Khathu Tshikolomo, Tale: Famokarana, Sampandraharahan'ny famokarana sy ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra, Faritanin'i Limpopo, Afrika Atsimo

Rtoa Sibongile Gift Maswanganyi, Famokarana Mpahay Siansa Sokajy B, Sampandraharahan’ny Famokarana sy ny Fampandrosoana ny tontolo Ambanivohitra, Limpopo, Afrika Atsimo

M., Magadani Ailwei Thomas, Mpanolotsaina ambony, Sampandraharan'ny famokarana sy ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra any Limpopo, Afrika Atsimo

Dr. Mmantoa Sinky Kgaphola, Tale: Asa fanapariahana ara-pamokarana sy torohevitra, Sampandraharahan'ny famokarana, fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra, tany sy tontolo iainana any Mpumalanga, Afrika Atsimo

Rtoa Thandekile Mhlabane, Tale lefitra: Rohim-pihariana (Varotra), Ministeran'ny Famokarana, Fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra, tany sy tontolo iainana any Mpumalanga, Afrika Atsimo

Rtoa Matilda Sambo, Tale Lefitra: Rohim-pihariana (Macro Econ), Minisiteran’ ny famokarana, ny fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra, ny tany sy ny tontolo iainana any Mpumalanga, Afrika Atsimo

Mr. Assah Mudhefi, Tale lefitra, Minisitry ny tany, ny famokarana sy ny fampodiana any ambanivohitra - Sampandraharahan'ny asa famokarana, teknika ary fanapariahana ara-pamokarana (AGRITEX), Zimbaboe

Rtoa Hilda T. Manditsvara, Lehiben'ny Manampahaizana mahakasika ny fanapariahana ara-pamokarana - Famokarana legioma sy voankazo, Ministeran'ny tany, ny famokarana sy ny fampodiana any ambanivohitra - Sampandraharahan’ny asa famokarana, teknika ary fanapariahana ara-pamokarana (AGRITEX), Zimbaboe

[Ekipa JICA]

Dr. Jiro Aikawa, Mpanolotsaina ambony, JICA

Atoa. Keisuke Ito, Sampadraharahan'ny Fampandrosoana ny tontolo Ambanivohitra, JICA

Rtoa Risa Goto, Sampadraharahan'ny Fampandrosoana ny tontolo Ambanivohitra, JICA

Atoa Toshio Murakami, JICA Afrika Atsimo

Rtoa. Yurie Komine, JICA Afrika Atsimo

Rtoa. Eva Nderumaki, JICA Afrika Atsimo

Atoa. Takuya Oiwa, manam-pahaizana JICA any Afrika Atsimo

Dr. Kumiko Shuto, Mpanolo-tsaina mahakasika ny Fomba Fiasa SHEP, IMG Inc.

# FIZARANA 1.FOTOKEVIDEHIBE


Ny fizarana mitondra ny lohateny hoe “Fotokevidehibe” dia manazava ny fotokevidehibe amin’ny Fomba Fiasa SHEP sy ny tontolo manodidina azy, ny tombontsoa azo avy aminy sy ny vokatra azo tsapain-tanana ary ny fiantraikany eny ifotony.

# 1. Fotokevidehibe mahakasika ny Fomba Fiasa SHEP

## 1.1. Andry roa fototry ny Fomba Fiasa SHEP

***Andry roa iankinan'ny SHEP***

Ny Fomba Fiasa SHEP dia mikendry ny hampahaleo tena ireo mpamokatra madinika amin'ny ezaka ataon'izy ireo hamokarana legioma sy voankazo mitodika amin'ny tsena. Miezaka izy ny hanamafy ny fahaizamanaon'ny mpamokatra manatanteraka ny famokarana amin'ny fomba maharitra amin'ny fanomezana azy ireo ny fahaizamanao ilaina eo amin'ny varotra sy ny famokarana. Ato anatin'ity dingana ity, dia manome lanja manokana ny fahavononan'ny mpamokatra hahaleotena ny SHEP, satria io no singa iray tena ilaina amin'ny fanatratrarana ny fahavitantenany sy ny vokatra maharitra izay eritreretin'ny SHEP. Ny kisary eto ambany dia maneho ireo andry roa izay fototry ny SHEP ary miresaka mahakasika ny "fampiroboroboana ny famokarana ho toy ny asa velontena" («promotion de l'agriculture en tant que business» ) sy ny "fahaleovantena sy fandrisihana ireo mpamokatra" («l'autonomisation et la motivation des agriculteurs»). Ireo andry roa, izay iankinan'ny SHEP, dia tohanan'ny lahateny akademika sy ny fikarohana: ny voalohany dia tohanan'ny laminkevitra ara-toekarena antsoina hoe **"Tsena ahitana elanelana eo amin'ny mpisehatra eo amin'ny tsena" (théorie économique appelée «Marchés avec information asymétrique» ) ary ny faharoa dia tohanan'ny laminkevitra ara-tsaina antsoina hoe " laminkevitry ny antony manosika avy ao anaty" (théorie psychologique qu'on appelle «théorie de l'autodétermination»).**




Kisary 1 Andry roa an'ny SHEP

***Ny laminkevitra ara-toekarena: «Tsena ahitana elanelana eo amin'ny mpamokatra sy ny mpisehatra eo amin'ny tsena»***

Ny boribory havia dia maneho ny paikady fototry ny SHEP hanatanterahana ny famokarana mitodika amin'ny tsena, izay mifanohitra amin'ny famokarana mitodika amin'ny famokarana. Mino ny SHEP fa ny fisian'ny elanelana eo amin'ny mpamokatra madinika sy ny mpisehatra eo amin'ny tsena toy ny mpividy legioma, mpivarotra hanapamokarana, orinasa mpampindram-bola, sns. dia isan'ny lafin-javatra mila jerena manokana eo amin'ny fihariana eny ifotony. Manazava tsara izany toejavatra izany ny laminkevitra ara-toekarena antsoina hoe "tsena ahitana elanelana eo amin'ny eo amin'ny mpamokatra sy ny mpisehatra eo amin'ny tsena". Io laminkevitra io dia noforonin'ireo nahazo ny loka Nobel amin'ny toekarena tamin'ny 2001, dia George Akerlof, Michael Spence sy Joseph E. Stiglitz izany. Araka io laminkevitra io, ny fampihenana ny elanelana misy eo amin'ny mpamokatra sy ny mpisehatra eo amin'ny tsena no fanalahidin'ny fanovàna eo amin'ny tsy fifandanjan'ny fahefana eo amin'ny serasera ara-barotra ary ny famelomana ny toekarena mahomby eny ifotony. Mifototra amin'ny fahatakarana izany laminkevitra izany ny fanampian'ny SHEP ny mpamokatra hampihena ny elanelana eo amin'ny samy izy sy ny mpiaramiombonantoka ara-barotra. Izany dia tanterahina amin'ny alalan'ny fampianarana azy ireo ny fomba fanatanterahana fanadihadiana ny tsena sy ny fanampiana azy ireo hametraka fifandraisana ara-barotra eo amin'ny mpisehatra eo an-tsena (Lahatsoratra 1).

Lahatsoratra 1: Tsy fisian'ny elanelana eo amin'ny mpisehatra amin'ny tsena

**OLANA** nohon'ny fisian'ny elanelana eo amin'ny mpisehatra amin'ny tsena



- Ny varotra, izany hoe ny fividianana sy fivarotana ireo vokatra azo avy amin'ny famokarana legioma sy voankazo dia tsy mipetraka satria tsy afaka mahita mpamokatra ny mpividy, ary mety hiseho koa ny mifamadika amin'izany. Vokany, tsy mahafeno ny fepetra takian'ny tsena ny vokatra ary tsy ampy mandritra ny fotoana sasantsasany.
- Mety hiova be ny vidinjavatra satria tsy maintsy manaiky ny vidinjavatra mihoampampana sy ambany tsy ara-drariny ny mpamokatra nohon'ny tsy fahafantarany ny vidin'entana eny an-tsena.
- Ny fifampiraharahana dia tsy mitohy na tsy marintoerana satria ny mpividy sy ny mpamokatra dia tsy afaka mametraka tambajotra amin'ny fandraharahana misy fifampitokisana
- Ny vola lany amin'ny fifampiraharahana toy ny vola lany aminy fikarohana sy ny fifanarahana dia zavadehibe satria rehefa tsy misy fifandraisana marintoerana ara-barotra, dia tsy maintsy mitady mpiara-miasa aminy eo amin'ny varotra foana, ny mpividy sy ny mpamokatra.



Sary:Malawi

**VAHAOLANA** amin'ny alalan'ny fitaovana toy ny fanadihadiana ny tsena natomboky ny mpamokatra manaraka ny Fomba Fiasa SHEP sy ny fihaonana eo amin'ny mpiaramiombonantoka

- Mametraka fifandraisana eo amin'ny fandraharahana miaraka amin'ny mpisehatra eo amin'ny tsena ny mpamokatra.
- Mahazo fanazavana mahakasika ny fepetra takian'ny tsena ny mpamokatra
(voly tiany, karazana, habetsahana, kalitao, fotoana mahabetsaka ny vokatra , sns.

**VOKATRA** aorian'ny fanafoanana ny elanelana eo amin'ny mpisehatra amin'ny tsena

- Manitatra ny tambajotrany eo amin'ny fandraharahana ny mpamokatra ary manana safidy bebe kokoa

hatolotra ireo mpiaramiombonantoka ara-barotra.

- Ny mpamokatra sy ny mpisehatra eo amin'ny tsena dia mahatakatra ny toejavatra iainan'ny tsirairay ary miasa mba hametraka ny tontolo mpandresy-mpandresy.
- Mahita soa fanararaotra isankarazany hidirana amin'ny tsenan'ny famokarana legioma sy voankazo ny mpamokatra.
- Mametraka tontolo hanjakan'ny fifampitokisana amin'ny varotra tsy tapaka ny mpamokatra sy ny mpisehatra amin'ny tsena.

***Laminkevitra ara-tsaina: "laminkevitry ny antony manosika avy ao anaty"***

Ao anatin'ny lamin-kevitry ny risipon'ny olombelona antsoina hoe "lamin-kevitry ny antony manosika avy ao anaty", ny manampahaizana amerikana mahakasika ny ara-tsaina, Edward Deci sy Richard Ryan dia nanolo-kevitra filàna telo ara-tsaina mamparisika ny olona. **Araka io laminkevitra io, mahatsapa ho marisika ny olona rehefa voavaly ny filàn'izy ireo ho amin'ny fahaleovantena, ny fahaizamanao ary ny fahatsapana fa ilaina eo amin'ny fiarahamonina**. Raha mahakasika ny SHEP, karazana hetsika maro no natao hampiakarana ny risipon'ny mpamokatra hankany amin'ny famokarana mitodika amin'ny tsena, ka mijery ireo filàna telo ara-tsaina (Lahatsoratra 2). Ohatra, ireo mpamokatra dia tarihina hanao fanadihadiana ny tsena mba hahatsapan'izy ireo ny fifehezana ny asa ataony ka hamaly ny filàny eo amin'ny fahaleovantena. Rehefa nahavita tsara ny fanadihadiana ny tsena, dia mahatsapa ihany koa ny mpamokatra fa nahazo fahaizana (fahaizamanao sy fahalalana) tamin'ity asa manokana ity izy ireo ary nahazo traikefa vaovao, Farany, manasa ireo solontenan'ny mpamokatra izay nanao ny fanadihadiana ny tsena ny SHEP mba hiverina any amin'ny vondron'ny mpamokatra misy azy ireo ary hizara ny vokatry ny fanadihadiana amin'ny mpiara-mamboly aminy. Amin'ny alalan'ity dingana ity dia mahatsiaro fa ilaina sy mifandray akaiky ireo mpikambana ao amin'ny vondron'ny mpamokatra, izay manampy koa amin'ny famaliana ny filàny ara-tsaina izay ilaina ao anatin'ny fiarahamonina.

## FAHALEOVANTENA



Ny fitsapana fa mahaleo tena dia ny faniriana hiasa samirery - na ny marimarina kokoa, ny faniriana tsy hofehezin'ny hafa. Tsy te ho lalaovina, fa ho mpilalao.

Mba hamaly ny filàn'ireo mpamokatra amin' ny fahaleovantena dia asaina mitandrina tsara ny mpampiofana amin' ny fiteny ary tsy handidy na hanome baiko ireo mpamokatra hanao asa iray mihitsy. Mila mampita amin'ny mpamokatra ny antony hanatanterahany ny asa tsirairay ao amin'ny Fomba Fiasa SHEP ny mpampiofana. Manome safidy momba ny asa tokony ho atao izy ireo sy ny fomba hanaovana izany. Mihaino ny hevitry ny mpamokatra ihany koa izy ireo mahakasika ny fomba hanatanterahana ny asa. Zavadehibe ihany koa ny fanekena ny fahadisoampanantenana sy ny fanakianana ataon'ny mpamokatra eo am-panatanterahana ny asa. Ny antony dia satria ho tsapan'ny mpamokatra fa heverina ho manandanja ny fomba fijeriny. Ny vokatr'izany dia hahatsapa tena ny mpamokatra fa mahaleotena eo am-panatanterahana ny asa.

## FAHAIZAMANAO



Ny fahaizamanao dia ny fahafahana mifandray tsara amin'ny tontolony. Mahatsiaro ho mahay isika rehefa afaka manatontosa asa iray araka ny efa nomanina mialoha. Mahatsapa koa isika fa mihatsara ny fahaizantsika ary liana hanatanteraka ilay asa nofaritana.

Ny mpampiofana dia afaka mamaly ny filàn'ny mpamokatra amin'ny fahaizamanaony amin'ny alalan'ny famolavolana ny asa tsirairay ho tanterahana ao amin'ny Fomba Fiasa SHEP. Hitovy amin'izay fotoana izay ny famahan'ny mpamokatra ny olana sy ny fanombanany ny zavabitany. Hanome rafitra mazava mahakasika ny antony hanaovana ny asa ao anatin'ny Fomba Fiasa SHEP ny mpampiofana. Hampafantarin'ny mpampiofana ny mpamokatra ihany koa ny fotoana sy ny vola ilaina hanatanterahana ny asa mba hanatratrarana ny tanjona voafaritra izay napetraka isaky ny asa fanofanana SHEP.

## FAHATSAPANA FA ILAINA

Ny fahatsapana fa ilaina dia ny faniriana ny hanana fifandraisana tsara amin'ny hafa. Ny fifandraisana eo amin'ny olona izay manome ny asa sy izay mandray ny asa dia misy fiantraikany lehibe eo amin'ny risipo amin'ny fanaovana ilay asa. Amin'ny maha mpampiofana azy, ny fitokisana ny mpamokatra izay manatanteraka ny asa SHEP no zavadehibe indrindra hahatsara ny fifandraisana. Mba hametrahana ny fifampitokisana amin''ireo mpamokatra dia amporisihana ireo mpampiofana mba hihaino tsara izay lazain'ireo mpamokatra amin'ny fahavononany hanatanteraka ny asa voafaritra ao amin'ny Fomba Fiasa SHEP. Mila vonona ara-batana sy ara-tsaina ihany koa ny mpampiofana ka hitokian'ireo mpamokatra.



Sary:Lesotho

(Nampanarahana tamin'ny nataon'ny Sampandraharaha Japoney misahana ny Fiarahamiasa Iraisampirenena na JICA (2016) "*Fampidirana amin'ny hai-toetsain'ny fiarahamiasa iraisampirenena*")

*Mamaly fepetra roa maharitra*

Ny herijikan'ny SHEP dia mifototra amin'ny ireo fepetra roa voalaza ao amin'ny laminkevitra ara-toekarena sy ara-tsaina voalaza etsy ambony. Amin'ny teny hafa, miezaka mampihena ny elanelana misy eo amin'ny mpisehatra eny an-tsena ny SHEP no sady mamaly ny filàn'ny mpamokatra na ara-tsaina na ho amin'ny fahaleovantena, fahaizamanao na ho an'ny fahatsapana fa ilaina. Noho io Fomba Fiasa misy tanjona roa io, dia ho afaka hitantana ny fandraharahany eo amin'ny famokarana ataony amin'ny fandraisan'anjaran'izy ireo manokana ireo mpamokatra kendrena na dia tsy nisy aza ny fanampiana avy amin'ny governemanta, vantany vao vita ny fanarahana fiofanana mahakasika ny SHEP. Ny vinan'ny SHEP moa dia ny hanofanana ireo mpamokatra hahaleo tena hahafahan'izy ireo manohy, mampitombo ny asa famokarany sy manatsara ny fivelomany mba tsy hiankindoha lava.

## 1.2. Ny dingana efatra ilaina arahana amin'ny Fomba Fiasa SHEP

*Dingana efatra ilaina arahana amin'ny Fomba Fiasa SHEP*

Mikasika ny lamin-kevitry ny antony manosika avy ao anaty, manome azy ireo fanofanana mikasika ny fanamafisana ny fahaizamanaon'ireo mpamokatra kendrena manokana ny SHEP. Izany no natao dia mba hampiakatra ny risipony hamaly ny filàna telo ara-tsaina. Ny SHEP ohatra dia manolotra fiofanana isankarazany mirindra tsara. Io filaharana io no antsoina hoe "dingana efatra ilaina arahana amin'ny Fomba Fiasa SHEP", araka ny voalaza etsy ambany.

| Dingana 4 | Fampiharana |
|---|---|
| 1. Fizarana ny tanjona miaraka amin'ny mpamokatra | Atrikasa fanentanana |
| 2 Fanampiana ireo mpamokatra hahazo ny zavamisy (fahatongavantsaina) | -Fanadihadiana fototra andraisan'ny rehetra anjara<br>- Fihaonan'ny mpiaramiombonantoka (tsy voatery)<br>-Fanadihadiana ny tsena |
| 3. Fandraisan'ny mpamokatra fanapahankevitra | -Fisafidianana ny fihariana<br>- Fandrafetana ny tetiandrompamokarana |
| 4. Fampitomboan'ny mpamokatra ny fahaizamanao. | Fiofanana eny ifotony |
| Fanarahamaso (ahitana ny fanadihadiana farany andraisan'ny rehetra anjara) | |

Kisary 2 Dingana efatra ilaina arahana

**[Dingana 1. Fizarana ny tanjona miaraka amin'ny mpamokatra]** Voalohany indrindra, mametraka ny SHEP fa ny fizarana ny tanjony sy ny vinavinany amin'ireo mpamokatra misitraka ny Fomba Fiasa no dingana voalohany lehibe satria ireo mpamokatra mihitsy no miezaka manao izay hampanjary izany. Tsy maintsy resy lahatra ny mpamokatra ary manaiky ny tanjona izay ezahin'ny SHEP kendrena. Ny fikarakarana atrikasa fanentanana dia fomba iray manokana hizarana izany tanjona izany amin'ny mpamokatra kendrena

(Jereo ny “1.1.Atrikasa fanentanana” ao amin’ny Fizarana faha-2 amin'ity torolalana ity).

**[Dingana2. Fanampiana ireo mpamokatra hahazo ny zavamisy] Fanampiana ireo mpamokatra hahazo ny zavamisy]/** Fisarihana ireo mpamokatra hahatsapa ny zavamisy. Ny dingana faharoa dia ny fanentanana ny mpamokatra mikasika ny fahafahamanao sy ny mety fahazoana vokatra tsara amin’ny famokarana legioma sy voankazo. Tena zavadehibe tokoa ity dingana ity satria raha tsy misy ity fahazoana ny zavamisy ity, dia ho vitsy kokoa ny mpamokatra hanana risipo sy tena hanova ny fomba famokarana ho tsara kokoa. Ity dingana ity dia mifototra indrindra amin'ny fampahafantarana ny zavamisy eo amin’ny fandraharahana sy ny tsena amin’ireo mpamokatra. Ny hetsika ao amin’ny dingana faharoa dia ahitana ny fanadihadiana fototra andraisan’ny rehetra anjara, ny fihaonan’ny mpiaramiombonantoka (tsy voatery) ary ny fanadihadiana ny tsena izay ataon'ny mpamokatra (Jereo ny “**Erreur ! Source du renvoi introuvable.**.**Erreur ! Source du renvoi introuvable.**”, “2 ”, sy “2.3. ” ao amin'ny fizarana faharoa amin'ity torolalana ity). Tsara marihina fa ny fihaonan’ny mpiaramiombonantoka dia noheverina ho asa tsy voatery atao; izany hoe asa tsy maintsy atao raha toa ka tsy azo antoka ny hoentimanana ara-bola sy ny mpiasa. Ny fanatanterahana ireo anjara asa ireo dia voamarina fa mety sy mahomby araka ny toedraharaha ara-tsosialy sy ara- toekarena ao an-toerana any amin'ny faritra kendrena.

**[Dingana 3.** Fandraisan’ny mpamokatra fanapahankevitra**]**. Taorian’ny fahazoan’ny mpamokatra ny zavamisy, sy ny fahalalana vaovao azon'izy ireo tamin'ny dingana faharoa dia mandray fanapahankevitra izy ireo mba hitondra fanovàna. Izay no dingana fahatelo. Ity dingana ity dia ahitana ny fisafidianan’ny mpamokatra ireo vokatra kendrena ary ny famolavolana drafitra iray antsoina hoe tetiandrompamokarana mba hahafahan'izy ireo mametraka paikady amin’ny famatsiana ny vokatra nokendren'izy ireo any amin’ny tsena manokana izay nofidiny tamin’ny fotoana mahamety azy (jereo ny “**Erreur ! Source du renvoi introuvable.**.**Erreur ! Source du renvoi introuvable.**” sy ny “**Erreur ! Source du renvoi introuvable.**.**Erreur ! Source du renvoi introuvable.**” ao amin'ny fizarana faharoa amin'ity torolalana ity).


**[Dingana 4** Fampitomboan’ny mpamokatra ny fahaizamanao] Ity dingana farany ity dia manome vahaolana ara-teknika ho an'ny mpamokatra ny tomponandraikitra ao amin’ny SHEP, toy ny fiofanana eny ifotony ho an'ny voly izay nosafidian'ny mpamokatra, mba hahafahan'izy ireo mamokatra araka izay efa nomanina (jereo ny “3.1 Fisafidianana ny voly » et «3.2 Fandrafetana ny tetiandrompamokarana " ao amin'ny FIZARANA 2 amin'ity torolalana ity).

**[Fanarahamaso]** Rehefa vita ireo dingana efatra ireo, dia misy ny fanarahamaso mba hahazoana antoka fa hampihatra ny fahalalana azony amin'ny asa fanaony ny mpamokatra (jereo ny “**Erreur ! Source du renvoi introuvable.Erreur ! Source du renvoi introuvable.**” amin'ity torolalana ity).

***Fifandraisana eo amin’ny risipo sy ny fampiroboroana ny fahaizamanao***

Maninona ny Fomba Fiasa SHEP no mandany fotoana be amin’ny dingana efatra fa tsy tonga dia manatanteraka ny dingana faha-4, fiofanana eny ifotony ? Ny antony dia satria resy lahatra ny SHEP fa tokony marisika aloha ny mpamokatra hianatra sy hampitombo fahaizamanao vaovao. Ny SHEP dia mino fa ireo karazana fampiofanana ireo dia tokony handinika ny fifandraisana eo amin'ny mpamokatra sy ny fampitomboana ny fahaizamanao. Araka ny asehon'ny sary eto ambany, raha tsy marisika ny mpamokatra, dia ho sarotra ho azy ireo ny hianatra zava-baovao. Etsy ankilany, raha afaka mahatsapa izy ireo fa mihatsara ny

fahaizamanaony, dia hihamatanjaka ny fahatokisantenany ary harisika izy ireo handray fepetra hafa.




m

Kisary 3 Fifampiankinan'ny risipo sy ny fivoaran'ny fahaizamanao


Ny dingana efatra amin'ny SHEP, na ny lamina mety indrindra amin'ny asa nohalalinina sy nankatoavina tao Kenya, dia mandinika io fifandraisana eo amin'ny risipon'ny mpamokatra sy ny fampitomboana ny fahaizamanao io. Noho izany, ireo dingana ireo dia afaka mitondra vokatra tena tsara eny ifotony eo amin'ny fampitomboana ny fahaizamanao sy ny fampiakarana ny risipon'ny mpamokatra.

## 1.3. Ny maha lahy na maha vavy ao amin'ny SHEP

Ny Fomba Fiasa SHEP dia mihevitra fa ny **maha lahy na maha vavy dia manandanja sy ilaina amin'ny fitantanana ny fandraharahana eo amin'ny famokarana** ho an'ireo mpamokatra madinika legioma sy voankazo. Lafiny iray lehibe amin'ny fanatrarana ny tanjon'ny SHEP ny fanatsaràna ny velontenan'ny tokantrano. Raha tsy heverina ny fitovianjo eo amin'ny lahy sy ny vavy mandritra ny fanatanterahana ny tetikasa, dia mety tsy mitovy ny fanapahankevitry ny mpamokatra mpivady na mety hanatanteraka asa mavesatra kokoa amin'ny asa famokarana mandreraka sy mandany fotoana ny iray. Any Kenya, noresahana tamim-pitandremana ireo olana mikasika ny fitovian-jo isaky ny hetsika hany ka lasa mpisehatra mavitrika amin'ny fitantanana ny famokarana ny mpivady. Nitarika ho amin'ny fihatsaran'ny fiainany izany fiovàna izany.

Miovaova isaky ny firenena sy ny faritra ny fenitra sy ny olana mahakasika ny maha lahy na maha vavy. Ohatra, mety misy vondrompiarahamonina mihevitra fa ny lehilahy sy ny vehivavy dia tsy tokony hiara-mipetraka amin'ny fivoriana. Misy fiarahamonina hafa tsy manana afa-tsy vehivavy mamboly satria miasa amin'ny maha mpifindra monina any an-tanàn-dehibe ny vadin'izy ireo. Amin'ireo tranga roa ireo, ny

vady moa no tomponandraikitra amin'ny fitantanam-bola ao an-tokantrano. Noho izany dia zavadehibe ny mihevitra azy ireo ho toy ny mpandraharaha mpiaramiombonantoka amin'ny fampiroboroboana ny famokarana ho toy ny asa velontena. Araka izany dia amporisihina ireo tompon’andraikitry ny SHEP mba hijery akaiky ny fifandraisana eo amin'ny fitovian-jo sy ny rindram-piarahamonina kendrena ary hamolavola asa fanapariahana ara-pamokarana mifanaraka amin’ny zavamisy eny amin’ny fiarahamonina eny ifotony.




Kisary 4 Fampiharana ny maha lahy na maha vavy ao amin’ny SHEP

Araka ny hita ao amin'ny sary fahaefatra, ny SHEP ao Kenya dia miresaka mahakasika ny maha lahy na maha vavy avy amin’ny fomba fijery telo samy hafa: (1) fahazoana tombony mitovy, (2) fijerena ny anjara asan'ny lahy sy ny vavy ary (3) fandraisana fanapahankevitra iarahan’ny mpivady. Mba hampidirana ireo fomba fijery ireo ao amin'ny SHEP, dia zavadehibe ny mametraka ny fitovian-jo amin'ny dingana rehetra hampiharana ny SHEP. Ity torolalana ity dia manoro[1], ny fampiharana ny maha lahy na maha vavy. Ireo tondro ireo dia tafiditra ao anatin'ny "lisitra" isaky ny hetsika ataon'ny SHEP ao amin'ny toko “FIZARANA faharoa. FAMPIHARANA". Raha miaina toy ny zavamisy mitovy ny any Kenya ny fiarahamonina kendrena, dia mba ampiasao ireo tondro ireo.

[1] Ireo tondro voatanisa ao amin'ny torolalana ireo dia tondro amin’ny ankapobeny ary tsy voafaritra manokana amin'ny toejavatra misy any amin’ny firenena na faritra tsirairay. Noho izany, amporisihina ireo tomponandraikitra mba handinika tsara ny mahakasika ny maha lahy na maha vavy eo amin'ny fiarahamonina kendrena. Amporisihina ko aizy ireo hamaritra tondro tsara indrindra hanamora ny fampahafantarana ny mahazavadehibe ny fijerena ny lafiny maha lahy na maha vavy eo amin'ny fireneny na ny faritra misy azy.

## 2. Ny tombontsoan’ny SHEP

### 2.1. Inona no maha samy hafa ny SHEP amin’ny Fomba Fiasa hafa?

Sary: Kenya



Ny SHEP dia mampiasa fitaovana maro sy teknika samihafa izay tsy mitovy amin’ny Fomba Fiasa mahazatra. Ny fotokevidehiben’ny SHEP dia ny handrisika sy hampandray andraikitra ny mpamokatra mandritra ny fanatanterahana ireo asa sy hetsika, araka ny hazavaina ao amin'ny “**Erreur ! Source du renvoi introuvable.Erreur ! Source du renvoi introuvable.**”. Noho izany, ny SHEP dia mifantoka mandrakariva amin’ny fampandrosoana eo amin’ny fahafahana manatanteraka ny asa sy ny fiantraikany eny ifotony. Ireto misy ohatra mivaingana mahakasika izany Fomba Fiasa izany izay mifantoka amin'ny hetsika rehetra handraisan’ny SHEP anjara.

#### Atrikasa fanentanana

- Ampahafantarina ny mpamokatra fa fanampiana ara-teknika fotsiny ny SHEP ary tsy misy fanampiana mivantana toy ny vola na fitaovana ho azy ireo.
- Manaiky handray anjara amin’ny SHEP ny mpamokatra mba hahaleo tena ka hampivelatra ny fahaizamanaony ara-teknika.

#### Fanadihadiana fototra sy farany

- Ny mpampiofana sy ny mpamokatra dia miaraka manatanteraka fanadihadiana.
- Angonina izay tsara fantatra ary ny mpamokatra mihitsy no mameno ny fitaovana ampiasaina amin’ny fanadihadiana.

#### Fihaonan’ny mpiaramiombonantoka(Tsy voatery)

- Ireo tena mpisehatra ihany ao amin’ny sehatry ny famokarana legioma sy voankazo miaraka amin’ny mpamokatra madinika no asaina hanatrika ny fihaonana. Afaka miresaka asa milamina tsara amin’ny mpandray anjara ny mpamokatra tsirairay.

#### Fanadihadiana ny tsena

- Mitsidika ny tsena manodidina ny mpamokatra ary mahita ny fomba famarotana ny vokatra. Izy ireo dia tsy vitan'ny manadihady ny vidim-bokatra fotsiny ihany, fa mijery ihany koa ny filàn’ny tsena toy ny vokatra be mpitady sy ny kalitao ary ny habetsahana ilaina.
- Mianatra ihany koa ny mpamokatra hahafantatra ny filàn’ireo mpisehatra amin'ny tsena sy hanomboka hifandray amin’izy ireo.

#### Fisafidianana ny voly sy fandrafetana tetiandrompamokarana


- Rehefa avy nanaraka ny torolalana ara-teknika avy amin’ny mpampiofana ny mpamokatra dia manapakevitra samirery hisafidy ny voly hovokarina sy ny fotoana hamokarany azy araka izay vokatra azony tamin’ny fanadihadiana ny tsena.

**Fiofanana eny ifotony**

Mampiofana ny mpamokatra mahakasika ny voly nosafidiany ny mpampiofana, izany hoe fiofanana araka ny tinady.

## 2.2. Vokatra sy fiantraikan'ny Fomba Fiasa SHEP

Ny traikefa azo tany Kenya sy ireo firenena hafa mampihatra ny fandaharanasan'ny SHEP hatreto dia nanaporofo fa afaka ahazoana vokatra tsara ary misy fiantraikany amin'ny mpamokatra kendrena sy ny mpisehatra ao amin'ny tsena ny Fomba Fiasa SHEP. Ireto misy fiovàna mahazatra aorian'ny SHEP:




Kisary 5 Fiovàna tsara taorian'ny SHEP

**[Fiovàna eo amin'ny fomba famokarana]**

- Nampihatra teknika famokarana ny mpamokatra tao aorian'ny fahafantaran'izy ireo ny Fomba Fiasa SHEP.
- Nanova ny voly na ny karazana voly ny mpamokatra araka ny filàn'ny tsena.
- Nanomboka nampiasa masomboly voafantina ireo mpamokatra.
- Nanova ny fotoana famokarana ny mpamokatra mba ahafahan'izy ireo mahazo vokatra mandritra ny fotoana mahabetsaka ny vokatra sy ny mpividy.
- Nanitatra ny tany famokarana legioma sy voankazo ireo mpamokatra mba hamaly ny filàn'ny tsena.
- Mampiasa teknika hitantanana ny vokatra ny mpamokatra mba ho fanatsarana ny kalitao amidy.

**[Fiovàna eo amin'ny fitantanana sy ny varotra]**

- Nanomboka nanadihady ny tsena matetika ny mpamokatra.
- Nanomboka nanadihady izay ilain'ny tsena alohan'ny hanapahankevitra amin'ny voly vokarina ny mpamokatra
- Nanomboka mampiasa ny kaontim-pitantanam-bola amin'ny famokarana ny mpamokatra.

- Nanomboka namolavola drafitra mikasika ny asa famokarana ny mpamokatra.
- Nanomboka mifandray foana amin'izay mety ho mpividy sy mifanome vaovao tsy tapaka amin'ny finday ny mpamokatra.
- Manao famonosana ny vokatra sasany ny mpamokatra araka izay fangatahan'ny tsena.
- Mahazo mpanjifa tsy tapaka, azo antoka ary azo itokisana ny mpamokatra (mpaninjara, mpambongady, mpanelanelana, sns.)
- Nanomboka nanao fifanarahana amin'ny orinasa mpanondrana vokatra na orinasa mpanodina sakafo ny mpamokatra.
- Manome toky ny mpamokatra fa maro ireo mpikambana ao amin'ny vondrona no nanampy ireo mpaninjara mba hamatratra ny vokatra ao amin'ny kamiao rehefa tonga any amin'ny tanimboliny mba hividy ny vokany.

**[Fiovàna eo amin'ny asan'ny vondron'ny mpamokatra]**

- Nanomboka nihanatanjaka ny vondron'ny mpamokatra ary nipetraka ny fifampitokisana eo amin'ny samy mpikambana.
- Nanomboka nividy sy nivarotra vokatra amin'ny maha vondrona azy ny vondron'ny mpamokatra.
- Nifandamina ny samy mpikambana ao amin'ny vondrona mba hamatsy tsy tapaka ny tsena.
- Nampiasa vola tamin'ny fanorenana fotodrafitrasa fototra ny vondron'ny mpamokatra, toy ny fotodrafitrasa fitarihan-drano nohon'ny fidirambola avy amin'ny famokarana sy fiompiana.
- Nihabetsaka ny isan'ny mpikambana ao amin'ny vondron'ny mpamokatra ary niova ho kaoperativa amin'ny fomba ofisialy.

**[Fiovàna eo amin'ny fomba fivelomana]**

- Noho ny fitomboan'ny fidirambola, dia afaka nividy trano, môtô, fiara na tany ny mpamokatra.
- Nandefa ny zanany tany amin'ny sekoly tsy miankina na sekoly ambaratonga ambony ny mpamokatra.
- Nampiasa ny vola azo avy tamin'ny famokarana legioma sy voankazo ny mpamokatra mba ho amin'ny fandraharahana hafa ankoatran'ny famokarana toy ny toerana fikarakarana volo, trano fivarotana mba ho fidirambola fanampiny.

**[Fiovàna eo amin'ny fifandraisan'ny fianakaviana]**

- Nanomboka nifanakalo hevitra mahakasika ny fitantanana ny asa famokarana sy nandray fanapahankevitra miaraka ny mpivady.
- Nifampidinika ny asan'ny lahy sy ny vavy ny mpivady ary nahita ny fizaran'asa mahomby kokoa ao amin'ny famokarana sy ny asa an-trano.
- Nanomboka nitantana ny tetibolam-pianakaviany miaraka ny mpivady.
- Nanomboka nihena ny fisotroan'ny raimpianakaviana zavapisotro mahamamo ary nanokana fotoana bebe kokoa amin'ny famokarana, ka nampisy fifandraisana tsara tamin'ny vadiny.
- Nanomboka nanampy ny ray aman-dreniny any an-tsaha ny ankizy.
- Nanomboka nijanona sy namboly tao amin'ilay vondrompiarahamonina ireo tanora fa tsy nankany an-tanan-dehibe hitady asa.

# FIZARANA 2. FAMPIHARANA

Ny fizarana faharoa “Fampiharana” dia manazava ny amin’ny antsipiriany ny fitondrana ny asa amin’ny Fomba Fiasa SHEP.

# 1. Dingana 1 – Fizarana ny tanjona miaraka amin’ny mpamokatra

Ny dingana voalohany amin'ny Fomba Fiasa SHEP dia ny fizarana ny tanjon'ny SHEP miaraka amin'ny mpamokatra. Ny SHEP dia Fomba Fiasa tsy mikendry ny hanome fanampiana ara-pitaovana na ara-bola ho an’ny mpamokatra. Izy io dia miompana amin’ny fanamafisana ny fahaizamanao izay hilàna ny fahavononan’ny mpamokatra hanovo fahalalana vaovao sy hampitombo fahaizamanao amin’ny alalan’ny fandraisana anjara mavitrika amin’ireo asa. Ho an’ny SHEP, ny tanjona lehibe indrindra dia ny hampandray andraikitra ireo mpamokatra eo amin’ny lafiny ara-teknika sy ara-tsosialy mba hahafahan'izy ireo manohy mampihatra ny famokarana mitodika amin'ny tsena, na ny “famokarana ho toy ny asa velontena” miaraka amin'ny toe-tsaina maha mpandraharaha. Tokony hampitaina mazava amin'ireo mpamokatra kendrena ity hafatra ity mba hananan’izy ireo risipo hanatratra ny tanjon'ny SHEP.

## 1.1. Atrikasa fanentanana

| Dingana 4 | Fampiharana |
|---|---|
| 1. Fizarana ny tanjona miaraka amin’ny mpamokatra | Atrikasa fanentanana |
| 2 Fanampiana ireo mpamokatra hahazo ny zavamisy (fahatongavantsaina) | -Fanadihadiana fototra andraisan’ny rehetra anjara<br>- Fihaonan’ny mpiaramiombonantoka (tsy voatery)<br>-Fanadihadiana ny tsena |
| 3. Fandraisan’ny mpamokatra fanapahankevitra | -Fisafidianana ny fihariana<br>- Fandrafetana ny tetiandrompamokarana |
| 4. Fampitomboan’ny mpamokatra ny fahaizamanao. | Fiofanana eny ifotony |
| Fanarahamaso (ahitana ny fanadihadiana farany andraisan’ny rehetra anjara) | |

Eto isika izao.

### MANINONA ? - Tanjona

Ny tanjon'ny atrikasa fanentanana dia ny **hizara ny vina sy ny tanjon'ny SHEP miaraka amin'ny mpamokatra,** izay hanampy azy ireo hanana faniriana handraharaha ka ho tonga mpamokatra mahaleo tena.



### INONA ?- Famaritana

Raha vantany vao voafidy ireo mpamokatra kendrena dia tokony hazavaina amin'ny antsipiriany mandritra ny atrikasa fanentanana ny tetiandron'ny fiofanana SHEP ary koa ny tanjon' ny Fomba Fiasa SHEP.

## AHOANA ? – Tetikady hanatanterahana azy

- Ny atrikasa fanentanana dia fotoana manandanja voalohany izay **hifampizaran'ny tomponandraikitra mpanantanteraka sy ny mpamokatra ny vinan'ny SHEP**.
- Ny mpamokatra dia mahatakatra sy manaiky fa ny vina dia tsy ho vita raha tsy avy amin'ny **fandraisana andraikitra manokana avy amin'ny mpamokatra** mba hampiroboroboana ny famokarana mitodika amin'ny tsena.
- Ny mpamokatra dia mahatakatra fa ny SHEP dia **fanampiana ara-teknika ranoray fotsiny ihany, tsy misy fanampiana ara-bola na ara-pitaovana** avy amin'ny fanjakana.

**Mampiakatra ny risipo**



Faly izahay fa ny mpampiofana ara-tsosialy aty aminay dia mahatakatra ny olana atrehinay ary manampy anay hanatsara ny fiainana.

Tohana amin'ny fahatsapana fa ilaina



«Tompon'ny asanay» izahay mba hampiroborobo ny fandraharahana fambolena legioma sy voankazo.

Tohana amin'ny fahatsapana ho mahaleo tena



Tena faly izahay afaka mianatra zavabaovao hafa.

Tohana amin'ny fahaizamanao

## DINGANA – Ireo fomba hanatanterahana azy (Fotoana ilaina[2]: 1-2 ora)

1. Mampiantso fivoriana ao amin'ny toerana mora hihaonan'ny mpamokatra, toy ny tranompokonolona, fiangonana, sekoly, tranon'ny filohan'ny vondrona, sns.
2. Ny tomponandraikitra mpanatanteraka, anisan'izany ny mpampiofana miandraikitra ilay vondrona dia manazava ny fototry ny Fomba Fiasa SHEP mba hahafahan'ny roa tonta mizara ny vina.



Sary:Zimbabwe

3. Tsara ihany koa raha manome fanazavana fanampiny mahakasika ny antsipiriany amin'ny Fomba Fiasa SHEP sy ny fandaharampotoana amin'ny fanatanterahana ireo asa tafiditra amin'izany, ny anjara asa ary ny andraikitry ny mpamokatra mba hanatanterahana hatramin'ny farany ny fiofanana mahakasika ny SHEP.
4. Tokony hohamafisin'ny tomponandraikitra mpanantanteraka fa tokony handray anjara mitovy amin'ny fiofanana ny lehilahy sy ny vehivavy. Ankoatra izany, mandritra ny fampiharana ny SHEP, ireo mpikambana sy ny vadiny dia tokony handray anjara mavitrika amin'ny fandraisana fanapahankevitra sy ny fanatanterahana ny asa. Ireo tomponandraikitra mpanatanteraka dia tokony hanampy tsikelikely ireo

[2] Tsy tafiditra ao anatin'ny « fotoana ilaina» ny fotoana fanomanana toy ny fotoana hitadiavana efitrano, hifandraisana amin'ny mpamokatra, hanomanan'ny mpampiofana ny fampiofanana, sns.

mpamokatra handray anjara amin'ny adihevitra mahakasika ny maha zavadehibe ny hijerena ny maha lahy sy ny maha vavy, ny fampivoarana sy ny fahaleovantenan'ny vehivavy.

Hatramin'izay dia namokatra legioma foana aloha izahay dia avy eo vao mitady izay hivarotana azy. Izay ilay atao hoe «Mamokatra sy mivarotra»

Marina izany. Izay no nahatonga anay nanana olana foana tamin'ny fitadiavana mpandray ny vokatra. Afaka « Mamokatra mba hivarotra » izahay rehefa avy nanaraka ny …nba Fiasa SHEP.


Sary:Takeshi Kuno/JICA - Kenya

## IREO TSA… …aorian'ny fampiharana

- Takatr' ireo mpaboly kendrena ary eken'izy ireo ny tetiandro fampiofanana.
- Azon'ireo mpamokatra kendrena ary hainy hazavaina ireo anjara asany, ny andraikiny ary ny zo ananany amin'ny maha mpandray anjara amin'ny SHEP azy ireo.
- Aorian'ny fiofanana dia afaka mamaritra sy manazava ny tanjona tiany ho tratrarina ireo mpamokatra kendrena.
- Mifandanja ny isan'ny mpandray anjara lahy sy vavy.
- Nisy ny adihevitra mahakasika ny fitovian-jo eo amin'ny lahy sy ny vavy, ny fanomezana vahana ny fampivoarana sy fahaleovantenan'ny vehivavy. Nisy ihany koa ny fandraisana anjaran'ireo (1) mpikambana lahy sy vavy ary (2) ireo mpikambana sy ny vadiny.

## FAMAHANA NY OLANA - Vahaolana ho an'ny olana mateti-pitranga

F: **Manantena "fanomezana" ireo mpamokatra** Satria saika nanome fitaovana ho azy ireo ny tetikasa sy fandaharan'asa rehetra teo aloha, dia miandry fanomezana avy amin'ny SHEP ihany koa izy ireo. Hitsahatra tsy handray ny fiofanana ve izy ireo raha fantatr'izy ireo fa tsy hisy fanomezana vola na fitaovana avy amin'ny SHEP?

V: Tena zavadehibe tokoa ny hahazoan'ireo mpamokatra kendrena sy hanekeny dieny any am-piandohana, fa ny fanampiana ho azon'izy ireo dia fanampiana ara-teknika ihany fa tsy hahazo fanampiana ara-pitaovana izy ireo. Rehefa mifandray amin'ireo mpamokatra eritreretina kendrena, dia ataovy mazava tsara fa ireo mpamokatra izay vonona handray anjara amin'ny fiofanana sy hanamafy ny fahaizamanao tsy misy fanampiana ara-pitaovana ihany no hosafidiana.

F: **Inona no antony hiresahana ny maha lahy na maha vavy ao amin'ny atrikasa fanentanana?** – Maninona isika no mila miresaka mahakasika ny maha lahy na ny maha vavy mandritra ny atrikasa fanentanana? Tsy mety angaha raha any aoriana kokoa vao manao an'izany?

A: Jereo azafady ny fizarana 1.3 "Ny maha lahy na maha vavy ao amin'ny SHEP" raha te hahafantatra ny mahakasika ny fijerena ny maha lahy na maha vavy anatin'ny Fomba Fiasa SHEP. Mihevitra ny SHEP fa mba hanatrarana ny tanjony, izany hoe ny fanatsarana ny velontenan'ny mpamokatra amin'ny alalan'ny fitantanana mahaleo tena ny famokarana, dia anisan'ny zavadehibe tokony hanaovana ezaka manokana ny fijerena ny maha lahy na maha vavy. Tsy ho tratra io tanjon'ny SHEP io raha tsy mifandanja ny fandraisan'anjara sy ny fanapahankevitry ny lahy sy ny vavy mandritra ny fanatanterahana ny SHEP. Noho izany, dieny any ampiandohana, izany hoe mandritry ny atrikasa fanentanana, dia efa tokony ho tonga saina amin'izany toejavatra izany ireo mpamokatra kendrena. Amin'izay mantsy dia ho afaka handray anjara mavitrika sy handray fanapahankevitra iombonana ireo mpamokatra, lahy sy vavy, sy ny vadin'izy ireo avy rehefa manatanteraka ny Fomba Fiasa SHEP.

# 2. Dingana 2 – Mahazo ny zavamisy ny mpamokatra

Ny dingana faharoa amin'ny SHEP dia manome fahafahana ny mpamokatra hahazo ny zavamisy hiainany sy hahita lalana hamoahana ny vokatra azo avy amin'ny famokarana legioma sy voankazo. Io no dingana lalovan'ny mpamokatra SHEP hahazoan'izy ireo an-tsaina tsara ny zavamisy sy hampiakarany ny risipony handray fepetra mivaingana mba handrafetana ny famokarana mitodika amin'ny tsena. Noho izany, zavadehibe ity dingana ity ary ireo tomponandraikitry ny SHEP dia tokony hahazo antoka fa hanitatra ny famokarana legioma sy voankazo ataony ny mpamokatra ka hanao izany ho asa velontena amin'ny alalan'ny fanaovana ireo fampiharana isankarazany toy ny fanadihadiana fototra sy ny fanadihadiana ny tsena.

## 2.1. Fanadihadiana fototra andraisan'ny rehetra anjara

| **Dingana 4** | **Fampiharana** |
|---|---|
| 1. Fizarana ny tanjona miaraka amin'ny mpamokatra | Atrikasa fanentanana |
| 2 Fanampiana ireo mpamokatra hahazo ny zavamisy (fahatongavantsaina) | -Fanadihadiana fototra andraisan'ny rehetra anjara<br>- Fihaonan'ny mpiaramiombonantoka (tsy voatery)<br>-Fanadihadiana ny tsena |
| 3. Fandraisan'ny mpamokatra fanapahankevitra | -Fisafidianana ny fihariana<br>- Fandrafetana ny tetiandrompamokarana |
| 4. Fampitomboan'ny mpamokatra ny fahaizamanao. | Fiofanana eny ifotony |
| Fanarahamaso (ahitana ny fanadihadiana farany andraisan'ny rehetra anjara) | |

Eto isika izao.

### MANINONA ? - Tanjona

Ny fanadihadiana fototra andraisan'ny rehetra anjara dia manome fahafahana ho an'ireo mpamokatra handinika ny toejavatra hiainany ankehitriny eo amin'ny famokarana, ny fidirambola ary ny teknika mahakasika ny famokarana, mba hahafahana mamantatra mazava tsara ireo lafinjavatra mila fanatsarana. Mahatakatra ny mahazavadehibe ny fitanana antsoratra ny asa famokarana ihany koa ny mpamokatra. Io fotoana io dia ahafahan'ny tomponandraikitra hanangona fanazavana mahakasika ny teknikam-pamokarana tena fanaon'ireo mpisitraka voasafidy, izay hampiasainy any aoriana any hanarahamaso ny vokatry ny fiasan'ny SHEP.

### INONA ?- Famaritana


Ny fanadihadiana fototra andraisan'ny rehetra anjara dia mangataka an' ireo mpamokatra kendrena hameno karazana fanadihadiana roa: (1) Fanadihadiana fototra Fizarana 1: - Famokarana, Fidirambola ary fandaniana sy (2) Fanadihadiana Fototra Fizarana 2: – Teknikam-pamokarana. Mameno ny fafana miaraka amin'ny fanampian'ny mpampiofana ny mpamokatra raha ilaina izany. Angonina sy dinihin'ireo tomponandraikitra mpanatanteraka ny hevitra rehetra avy amin'ny mpamokatra. Aorian'ny famakafakana ireo angonkevitra ireo dia omena ireo mpamokatra ny vokatra azo avy amin'ny fanadihadiana fototra.

## AHOANA ? –

### Tetikady hanatanterahana azy

- Ny mpamokatra no tena **tokony hahita tombony amin'ny fanaovana ilay fanadihadiana noho ireo mpanatanteraka (Erreur ! Source du renvoi introuvable.**6).
- Ny fanadihadiana dia tokony hampandray anjara ny rehetra ka ny mpamokatra mihitsy no manao fanadihadiana fa tsy ny mpampiofana no manangona ny tsara fantatra samirery ho azy ireo.
- Ny mpampiofana dia manampy ny mpamokatra hanao kajy fototra toy ny vokatra azo, ny vola lany, ny tombony, sns izay zavadehibe amin'ny fitantanana ny famokarana.




Kisary 6 Fanadihadiana fototra hahasoa ny mpamokatra

## DINGANA – Ireo fomba fampiharana azy (Fotoana ilaina: 3-4 ora)

1. (Fanomanana) Mikaroha ireo fomba famarana fampiasa rehefa mivarotra legioma sy voankazo ary manomàna fitaovana, izany hoe fafana manova ny fomba famarana eo an-toerana ho kilao.
2. Miantsoa fivoriana ary hazavao amin'ny mpamokatra ny anton'ny fanadihadiana fototra. Asehoy ny mpamokatra ny fomba famenoana ireo karazana taratasy fanadihadiana roa ireo. Tetikady! Raha toa ka sahirana ny mpamokatra, indrindra ny mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra, ny amin'ny fahazoana sy famenoana ny taratasy fanadihadiana, mangataha fanampiana amin'ireo mpamokatra mahay mamaky teny sy manoratra
3. Raha sarotra ny fanovàna ny fomba famarana eo amin'ny varotra toy ny harona, kitapo, vata, sns. ho lasa kilao dia omena ilay fafana fanovàna izay efa nomanin'ny tomponandraikitra mialoha mifanaraka amin'ny zavamisy eny amin'ny tsena eny ifotony izy ireo.

4. Rehefa vita ny famenoan’ny mpamokatra ireo fitaovana ireo, dia amporisiho izy ireo hifanakalo hevitra mahakasika izay zava-baovao azo avy amin’ity fanadihadiana ity. Anisan’ny hevitra azo ifanakalozana ireto manaraka ireto nefa tsy voatery hijanona amin’ireo fotsiny:



- ✓ Ampy ve ny fomba fandraisana antsoratra ny asa ankehitriny? Ahoana no ahafahan'ny fandraisana antsoratra manampy antsika hitantana ny asantsika?
- ✓ Mahazo tombony araka izay irintsika ve isika? Ho an'ny voly sasany, lasa very vola ve isika fa tsy nahazo?
- ✓ Moa ve isika manome velarantany sahaza ho an'ny voly tena ilaina amin'ny varotra?
- ✓ Fantatsika tsara ve hoe tahaka ny ahoana ny vokatra arotsaka ao anaty gony iray (na vata, na toko, na siny, sns.)? Fantatry ny mpividy ve ny lanjany marina?
- ✓ Manana fahaizana teknika famokarana ampy ve isika? Inona ny fahalementsika?

5. Aorian'ny fivoriana, ampidiro ao anaty solosaina ny angonkevitra, fakafakao sy halalino ary zarao amin’ireo mpamokatra ny hevitra azo tsoahina. (Hamarino hoe iza no tomponandraikitra amin'ny fanangonana ny hevitra, ny fanadihadiana ary ny famakafakana ny angonkevitra ao anatin’ny vondrona misy anao). Ny valin’ny fanadihadiana dia mety ahitana ireto fanontaniana manaraka ireto saingy tsy voafetra amin'ireo ihany:
- ✓ Ahoana no atao mba ho ampy sy feno ara-dalàna ny fitanana an-tsoratry ny mpamokatra ahafahana manao fanadihadiana tsara mahakasika ny fitantanana ny famokarana?
- ✓ Inona no voly be mpanao matetika, inona no vokatra ahazoana tombony tsara, sns.
- ✓ Inona amin'ireo teknika famokarana ireo no tokony hohamafisin'ny mpamokatra.

Nihevitra aho fa mahazo vola amin'ny fampitomboana ity vokatra ity. Saingy raha ny marina dia very vola aho!



Sary: Kenya

« Mety hahasoa ahy ny manao fitanana an-tsoratra, mba ahafahako manaramaso ny zava-mitranga amin'ny asa ataoko. Ity no dingana voalohany amin'ny "fambolena ho asa velontena".

## FITAOVANA - Fafana ahitana ireo fanontaniana mandritra ny fanadihadiana fototra

Misy santionany fafana ahitana ireo fanontaniana mandritra ny fanadihadiana fototra ireto. Karazana roa no tsy maintsy fenoin'ny mpamokatra.

1. Fanadihadiana fototra Fizarana 1- Vokatra, Vola miditra ary masonkarena

| .Anara na sy karaza m-boly | 2.Haben'ny tany nambolena ilay voly amin'ny metatra x metatra (m2) na ha 100m2 =0.01ha 1,000m2=0.1ha 10,000m2=1ha | | 3. Vokatra lafo eny an-tsena amin'ny fomba famarana samy hafa (ohatra gony, kesika, fehezana, sns.) | 4. Vokatra lafo eny an-tsena amin'ny kilao (novaina kilao) | 5. Vokatra lafo eny an-tsena isaky ny ha | 6. Salam-bidy isaky ny refy (vola eo an-toerana isaky ny refy) | 7. Salam-bidy isaky ny kilao (novaina kilao) (amin'ny vola eo an-toerana) | 8.Totalin'ny vola miditra (amin'ny vola eto an-toerana) | 9.Totalin'ny masonkarena amin'ny famokarana (amin'ny vola eto an-toerana) (ahitana ny hanapamokarana, ny fitaterana, | 10.Vola niditra afakaratsaka (tombony) (amin'ny vola eto an-toerana) |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 2 a. | 2 b. | 3 | 4 | (4./2 b. | 6 | 6./refy fanovàna ao amin'ny efajoro | (3. x 6.)na (4. x7.) | 9 | 8. – 9. |
| Voly voalohany: | M x M (m2) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |
| | M x M (m2) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |
| Voly faharoa: | M x M (m2) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |
| | M x M ($m^2$) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |

**Mba soraty ao anatin'ity efajoro ambany ity ny fanovàna refy . (Ohatra.)** Gony 1 misy ovy avy any Irlande = 110 kilao, laisoa iray = 2 kilao

2. Fanadihadiana fototra, Fizarana faharoa – Teknikam-pambolena

| Manomboka eo amin'ny fanomanana ka hatrany aorian'ny fiakaram-bokatra | | Fanontaniana | Teknikam-pambolena legioma sy voankazo noeritreretina ho arahana | Eny | Tsia |
|---|---|---|---|---|---|
| **1** | Fanomanana ny famokarana | F 1 | Manao fanadihadiana mahakasika ny tsena ve ianao mba hamaritana ny vanimpotoana tsirairay hambolena izay voly nosafidiana? | | |
| | | F 2 | Manomana sy mampiasa tetiandrompamokarana mifototra amin'ny valin'ny fanadihadiana ny tsena ve ianao? | | |
| | | F 3 | Manao fitsirihana tany indray mandeha isaky ny roa taona ve ianao farafahakeliny amin'ny legioma/voninkazo fohy tsingerim-piaina; sa alohan'ny hambolena voly maharitra toy ny hazo fihinamboa/voninkazo? | | |
| | | F 4 | Manamboatra zezika komposta na mampiasa akora voajanahary isankarazany izay natoro ve ianao ka hahazo ireo otrikaina fototra: azoty (N), fosfora (P), Potasioma (K) amin'ny fanamboarana komposta/zezika? | | |
| | | F 5 | Moa ve ianao mampiasa fitaovana tsara kalitao amin'ny famafazana miaraka amin'ny iray na maromaro amin'ireto toetoetra manaraka ireto: famafazana mifanaraka amin'ny vanimpotoana famokarana, masomboly mahatohitra na mahazaka aretina, karazam-boly fohy tsingerim-piaina, tsara tsiro kokoa, vokatra lehibe ary ny faharetan'ny vokatra. | | |
| **2** | Fanomanana ny tany | F 6 | Mampiasa ny iray na maromaro amin'ireto fomba fanomanana ny tany natoro manaraka ireto ve ianao mba hifehezana ireo bibikely sy aretina: masoandro, fiasana tany amin'ny fotoana mahamety, halalin'ny asa mety tsara, ary ny fanaovana ambany asa mba hisorohana ny fiparitahan'ny tany izay mety hitondra bibikely sy aretina? | | |
| | | F 7 | Moa ve ianao mampiasa ambina voly teo aloha, fara fahakeliny 2 volana mialoha alohan'ny hiasana tany mba hanatsarana ny fiasan'ny akora fototra indray? | | |
| | | F 8 | Moa ve ianao mampiasa komposta/zezika na zezika organika toy ny fanaovana zezika ambany asa farafahakeliny herinandro iray na roa mialoha ny famafazana? | | |
| **3** | Fikarakarana ny famokarana (famafazana/fanetsana) | F 9 | Mampiasa zanaka legioma tanora ve ianao ho an'ireo famokarana fohy tsingerimpiaina na zanakazo avy amin'ny taninjanakazo manana fahazoandalana ho an'ny voly maharitra toy ny hazo fihinamboa? | | |
| | | F 10 | Mampiasa ny elanelana natoro ve ianao rehefa mamafy/manetsa? | | |
| | | F 11 | Manaja ny fatran-jezika tokony hatao amin'ny famafazana/fanetsana ve ianao? | | |
| **4** | Fitantanana ny famokarana | F 12 | Moa ve ianao afapo amin'ny fahazoana rano amin'ny fampiasana ireto fomba fampidiran-drano iray na maromaro manaraka ireto: siny fanondrahana, milina fanondrahana, "fanondrahana voly mitsitaitaika" (goutte à goutte) sy manaraka soritra mba hahazoana ny rano ilaina amin'ny famokarana? | | |
| | | F 13 | Vitanao amin'ny fotoana mahamety azy ve ny fiavana ary mampiasa fitaovana mifandraika amin'izany ve ianao? | | |
| | | F 14 | Mampiasa zezika ilaina araka ny tokony ho izy, amin'ny fotoana mahamety azy, ny karazany sy ny fatra natoro, ary araky ny fomba fampiasana azy ve ianao? | | |
| | | F 15 | Mampiasa ny iray na roa amin'ireto paikady hiadiana amin'ny bibikely mpanimba ny voly manaraka ireto ve ianao: natoraly, simika, teknikam-pambolena, atao tanana | | |
| | | F 16 | Manaraka ireto fepetra ireto ve ianao mba hampahomby sy hampahazo antoka ny fanafodimbiby ampiasainao: fatra mety tsara, karazana fanafody nahazo alalana, fotoana famendrahana alohan'ny fiotazana ny vokatra | | |
| **5** | Fiakaram-bokatra | F 17 | Mijery iray farafahakeliny amin'ireto fomba famaritana ny fiakaram-bokatra ve ianao: loko, habe, endrika ary havesarana? | | |
| **6** | Fikarakarana aorian'ny fiakaram-bokatra | F 18 | Mampiasa fitaovana fitehirizana/vata fitaterana/fitaovana famonosana manara-penitra ve ianao araka ireto fepetra manaraka ireto: azon'ny rivotra tsara, mora diovina ary malefaka ka manena ny mety ho fahasimbana? | | |
| | | F 19 | Mampiasa ny iray amin'ireto teknika fanampiny atoro ireto ve ianao: fanadiovana, fifantenana, fisafidianana, famonosana na fanodinana vokatra? | | |
| **7** | Fanadihadiana ny masonkarena sy ny vola miditra | F 20 | Mandray antsoratra ny masonkarena amin'ny famokarana sy ny varotra ve ianao ary mampitaha ny masonkarena sy miditra mba hikajiana ny tombony? | | |
| **8** | Asa iombonana | F 21 | Mividy hanapamokarana toy ny masomboly, zezika ary fanafodimbiby simika amin'ny maha fikambanana ve ianao (fividianana miaraka)? | | |
| | | F 22 | Mikarakara fitaterana vokatra miaraka ve ianao sa mivarotra ny vokatra miaraka (varotra miaraka)? | | |
| | | F 23 | Amin'ny maha fikambanana, misafidy izay voly hambolena ve ianareo, mandamina paikady famokarana/famarotana miaraka amin'ny mpikambana ao amin'ny fikambanana ve ianao? | | |

## HAIVAO – Fitondrana fiovàna hifanaraka amin'ny zavamisy any amin'ny firenena/faritra samihafa

Ireto misy ohatra mahakasika ny fitondrana fiovàna hifanaraka amin'ny zavamisy any amin'ny firenena/faritra samihafa mba hisosa tsara kokoa ny fanadihadiana fototra any amin'ny faritra misy azy ireo.

Efajoro 1 Fanehoana an-tsary ny famadihana ny maripandanjana ampiasaina mandritra ny fanadihadiana mialoha

## Fanamboarana an-tsary ny fanehoana ny famadihana ny maripandanjana hanamorana ny famadihana lanja (Malawi)

< Maninona?> Zatra mampiasa maripandanjana isankarazany toy ny gony, siny, toko ho an'ny voly manokana ny mpamokatra sy mpividy mba hifanakalozana eny an-tsena eny ifotony. Tsy mahalala ny lanja marina ny voly tsirairay ny mpamokatra.

< Ahoana?> Nitsidika ny tsena eny ifotony ireo tomponandraikitra miaraka amin'ny fandanjana sy ny fakantsary. Naka sary sy nandanja ireo legioma sy voankazo matetika amidy izy ireo. Ny fanehoana an-tsary ny famadihana ny maripandanjana dia novolavolaina sy nampiasaina hamadihana ny maripandanjana isankarazany ho kilao.

< Vokatra?> Ny famadihana ny maripandanjana ho kilao ampiasaina eny ifotony dia lasa mora kokoa ary ny mpamokatra dia nahatsapa ny maha zavadehibe ny varotra mampiasa lanja.




Fitaovana famadihana maripandanjana novolavolaina tany Malawi

Efajoro 2Fitaovana fikajiana ny masonkarena

## Famolavolana fitaovana fanampiny hikajiana ny masonkarena (Malawi)

< Maninona?> Sahirana ny mpamokatra mikajy ny masonkarena amin'ny hanapamokarana sy ny mpiasa mba hikajiana ny fandaniana rehetra ilain'izy ireo fenoina ao amin'ny fitaovana hanaovana fanadihadiana fototra.

<Ahoana?> Nanomana fitaovana fanampiny hikajiana ny fandaniana rehetra ny tomponandraikitra. Ahitana fanao mahazatra ao amin'ny faritra izany, tahaka ny vidin'ny zezika, ny masomboly, ny fanafodimbiby, ny famonoana ahidratsy, ny sarakantsaha, ny saram-pitaterana, sns. mba ahafahana manamora ny fanomezan'ny mpamokatra ny fanazavana rehetra ilaina hikajiana ny masonkarena rehetra.

<Vokatra?> Afaka nikajy ny totalin'ny masonkarena araka ny tokony ho izy ireo mpamokatra nefa tsy nikorontana na sahiran-tsaina.



Fitaovana novolavolaina tany Malawi

Efajoro 3Mifanampy ny samy mpamokatra

## Mpamokatra mahay mamaky teny sy manoratra manampy ireo mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra (Etiopia)

< Maninona?> Ireo vondrona mpamokatra kendrena dia ahitana taha ambany amin'ny fahaizana mamaky teny sy manoratra. Noeritreretina fa ho maro ireo mpamokatra kendrena no hanana olana amin'ny famenoana ny fitaovana fanadihadiana.



Sary: Etiopia

< Ahoana?> Nanasa ireo mpamokatra mahay mamaky teny sy manana faripahaizana tsara teo amin'ny folo teo ho eo ny tomponandraikitra avy amin'ny vondrona tsirairay hanatrika fampiofanana miaraka amin'ny mpampiofana mba hianatra ny fomba fitondrana ny fanadihadiana fototra andraisan'ny rehetra anjara amin'ny tetikasa modely iray. Ireo mpamokatra mahay mamaky teny sy manoratra ireo dia niara-niasa tamin'ireo mpampiofana mba hanampiana ireo mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra hameno ny fitaovana.

<Vokatra?> Afaka namita ny fanadihadiana tsy misy olana loatra ireo mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra nohon'ny fanampian'ireo mpamokatra mahay mamaky teny sy manoratra. Nihamafy orina ihany koa ny fahatsapan'ireo mpamokatra ny firaisankina, izay nanampy tamin'ny famaliana ny filàn'ny mpamokatra ara-tsaina amin'ny fahatsapana fa ilaina izy ireo.

Efajoro 4 Fanadihadiana fototra mahakasika ny tanimboly iombonana sy an'olon-tokana

## Manatanteraka fanadihadiana fototra eny amin'ny tanimboly iombonana sy an'olon-tokana (Rwanda sy El Salvador)

<Maninona?> Manana tanimboly karazany roa ny vondrona mpamokatra sasany kendrena; ny iray ikambanan'ny vondrona, ary ny iray an'ny mpikambana tsirairay ao amin'ny vondrona. Ireo izay tomponandraikitra amin'ny fampiharana azy dia tsy maintsy mahatakatra ny zavamisy amin'ireo karazana tanimboly roa ireo.



Mpamokatra avy any Rwanda ao amin'ny vondron'ny mpamokatra legioma

< Ahoana?> Koa satria ny endriky ny fitaovana hanaovana ny fanadihadiana fototra dia natao manokana ho an'ny tanimboly tantanan'ny tokantrano tsirairay, dia nanova ny fanontaniana sasany ary nitondra ny fanadihadiana amin'ny tanimboly iombonana sy amin'ny tanimboly mitokana an'ny mpikambana ny tomponandraikitra.

< Vokatra?> Afaka mahatakatra ny zavamisy eo amin'ny sehatra iombonana sy mitokana ny mpamokatra sy ny tomponandraikitra. Narisika ireo mpamokatra mba hanatsara ireo karazana tanimboly roa ireo.

Efajoro 5 “ Fomba Fiasa« entimody» mandritra ny fanadihadiana fototra

## Fampiharana ny “Fomba Fiasa entimody” ho fanangonana tsara kokoa ny antontankevitra sy ny fandraisana andraikitra bebe kokoa eo amin’ny mpivady (Malawi sy Nepal)



Sary:Malawi

< Maninona?> Nahatsapa ny tomponandraikitra mpanatanteraka fa maro ny mpamokatra no tsy manana antontanisa toy ny mahakasika ny masonkarena amin’ny famokarana sy ny fatran’ny vokatra afaka amidy mandritra ny fanadihadiana fototra. Tsy maintsy mody izy ireo mba hanamarina ny rakitsoratr'izy ireo na hangataka ny antontanisa marina any amin'ny fianakaviany. Sarotra ny mamita fanadihadiana fototra eny ifotony amin'ny fivoriana iray andro.

< Ahoana?> Nanatontosa fivoriana nandritra ny roa andro hanatanterahana ny fanadihadiana fototra ny tomponandraikitra. Ny andro voalohany, nanazava ny antontankevitra ilaina izy ireo, ary nanome azy ireo ny "asa entimody" mba ahazoana ny antontankevitra mazava alaina any an-trano. Tany Népal, nangataka tamin’ny mpamokatra ireo tomponandraikitra ny hanaovana « asa entimody » ka hiaraka hameno an’ilay fitaovana miaraka amin'ny vadiny any an-tranon’izy ireo. Nihaona indray ireo mpamokatra tamin'ny andro faharoa ary namerina ny fitaovana nanatontosana ny fanadihadiana.

< Vokatra?> Marina sy azo antoka kokoa ny antontankevitra nangonina. Niara-niasa ny mpivady mba hahatakatra ny zavamisy iainan’izy ireo amin’ny asa famokarana, ka mampitombo ny fahatsapana fiarahana sy fandraisana andraikitra miaraka amin'ny maha mpitantana ny famokarana azy ireo.

## IREO TSARA TADIDIANA - Ireo hevitra mila hamafisina aorian’ny fampiharana

- ❑ Mahatakatra ny zavamisy amin’izao fotoana izao mahakasika ny vokatra azony sy ny varotra ataony ireo mpamokatra kendrena sy mijery ny olana mila vahana.

  Mahatakatra ny faripahaizany ara-teknika mahakasika ny famokarana sy ny varotra amin'izao fotoana izao ny mpamokatra kendrena sy mijery ny olana mila vahana.
- ❑ Mahatakatra ny maha zavadehibe ny fitanana antsoratra ny asa ataony rehefa mikajy ny masonkarena amin’ny asa famokarana ireo mpamokatra kendrena, ary vonona ny hanomboka handray antsoratra.
- ❑ Mifandanja ny isan’ ny lehilahy sy vehivavy mpandray anjara.
- ❑ Nangonina sy nohadihadiana ny antontankevitra mahakasika ny lahy sy ny vavy.
- ❑ (tsy voatery) Mandray anjara ny vadin’ny mpikambana.

## FAMAHANA NY OLANA - Vahaolana ho an’ny olana mateti-pitranga

F: **Fitànana antsoratra tsy dia maro mpampiasa-** Tsy dia ampiasain’ny mpamokatra madinika loatra ny fitànana antsoratra. Afaka tena mianatra ny fanaovana fitanana antsoratra sy manararaotra izany ho amin'ny tombontsoany ve izy ireo?

V: Marina fa maro ireo mpamokatra madinika tsy manao fitanana antsoratra. Ny dingana voalohany nanoroana azy ireo dia ny fahatakarana ny maha zavadehibe ny firaketana antsoratra amin'ny alalan'ny traikefany tamin’ny fandraisana anjara tamin'ny fanadihadiana fototra. Asaina ireo tomponandraikitra mba hamporisika azy ireo handray antsoratra ny fanazavana fototra toy ny vidim-bokatra sy ny saran’ny masomboly, ny zezika ary ny fanafodimbiby, sns. amin'ny endrika tsotra amin'ny fitantanam-bola.

Tombontsoa ho an'ny mpamokatra ny mizatra mandray antsoratra ny asa famokarana sy ny fitantanam-bola.

F: **Moa ve ny mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra afaka manao izany? -** Na dia ireo mpamokatra mahay mamaky teny sy manoratra aza sahirana manao ny kajy izay ilaina mandritra ny fanadihadiana fototra. Afaka mamaly ny fanaontaniana mandritra ny fanadihadiana fototra ve ny mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra?

A: Ireo mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra dia mety hanana olana bebe kokoa amin'ny famaliana ny fanontaniana raha oharina amin’ireo namany mamaky teny sy manoratra. Na izany aza, tsy midika avy hatrany izany fa ambany kokoa ny fahaizana fitantanana ny famokarana raha oharina amin'ireo mpamokatra mahay mamaky teny sy manoratra. Tsy manana fahaizana mamaky teny sy manoratra fotsiny izy ireo mba hampihatra ny fahaizan'izy ireo. Mitadiava fanampiana avy amin'ny mpikambana ao amin'ny vondrona mahay mamaky teny sy manoratra na ny fianakavian'izy ireo, toy ny vadin'izy ireo na ny zanany, mba hanampy azy ireo hamaly ny fanontaniana. Afaka manohy ny fitanana antsoratra isan'andro miaraka amin'ny fanampian'ny olona ao amin'ny fianakaviany ihany koa ireo mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra.

F: **Tsy dia azo antoka loatra ny antontankevitra -** Na dia nanao izay ho afany aza ireo mpamokatra nanome ny angonkevitra, hitako fa misy angonkevitra sasany tsy azo avy amin’izy ireo na tsy tena marina. Tokony hajanoko ve ny fanangonan-kevitra avy amin'izy ireo io, satria tsy azo antoka sy tsy marina ny angonkevitra sady tsy avo lenta araka ny nantenaiko?

V: Ny fanadihadihana fototra ho an'ny SHEP dia manana tanjona roa: (1) fahazoan’ny mpamokatra ny zavamisy amin’ny fambolen’izy ireo sy (2) fanangonana ny hevitry ny mpamokatra mivantana. Tianay ho azonareo fa, voalohany indrindra, tena zavadehibe tokoa ny manatratra ny tanjona voalohany, ny fahazoan’ny mpamokatra ny zavamisy amin'ny alalan'ny fampiharana ny fanadihadiana. Etsy ankilany, ny fahazoana angonkevitra azo antoka sy marina araka ny fantatrao, dia fanamby foana rehefa manangona hevitra eny an-toerana. Sarotra ny tena mahazo marina, indrindra mandritra ny fanadihadiana fototra, satria maro ny mpamokatra tsy mbola manana rakitsoratra mazava tsara. Tokony hanam-paharetana isika ary hamporisika ny mpamokatra mba hanomboka handray antsoratra tsikelikely mba ho azo antoka sy marina kokoa ny angonkevitra amin'ny fotoana hanaovana ny fanadihadiana farany.

F: **Tsy te hanome antontankevitra ny mpamokatra -** Vonona ny hamaly ny fanontaniana ny mpamokatra. Na izany aza, tsy tian'izy ireo ny manambara ny antontankevitra mifandray amin'ny tombotsoany. Inona no tokony hataoko?

A: Tsy hevitra tsara ny hanery ny mpamokatra hizara ny angonkevitra raha tsy mazoto izy ireo hanao izany. Na dia tsy mizara angonkevitra aza izy ireo, dia mbola afaka misitraka ny fampianarana mahakasika ny fitantanana ny famokarana ihany. Noho izany, tratra farafahakeliny ny iray amin'ireo tanjona roa amin'ny fanadihadiana fototra, araka ny efa nohazavaina etsy ambony. Anontanio ny mpamokatra hafa raha toa ka vonona ny hizara ny angonkevitra izy ireo mba hahafahanao mahazo angonkevitra mivantana ho hohadihadiana sy hodinihana.

# Fanadihadiana fototra Tapany voalohany- Famokarana, Vola miditra sy masonkarena

Daty:/____/__
Anaran'ny Distrika: Anaran'ny kaominina:
Anaran'ny vondrona mpamokatra:
Anaran'ny mpamokatra: Lahy/Vavy: Laharan-tariby.:______

Mba soraty ny angonkevitra mahakasika ny voly legioma sy voankazo (tsy ampidirina ny voly hafa toy ny katsaka sy fary) tamin'ny taompambolena farany.

| .Anarana sy karazam-boly | 2.Haben'ny tany nambolena ilay voly amin'ny metatra x metatra (m2) na ha<br>100m2 =0.01ha<br>1,000m2=0.1ha<br>10,000m2=1ha | | 3. Vokatra lafo eny an-tsena amin'ny fomba famarana samy hafa<br>(ohatra gony, kesika, fehezana, sns.) | 4. Vokatra lafo eny an-tsena amin'ny kilao (novaina kilao) | 5. Vokatra lafo eny an-tsena isaky ny ha | 6. Salam-bidy isaky ny refy<br>(vola eo an-toerana isaky ny refy) | 7. Salam-bidy isaky ny kilao (novaina kilao) amin'ny vola eo an-toerana | 8.Totalin'ny vola miditra amin'ny vola eto an-toerana | 9.Totalin'ny masonkarena amin'ny famokarana amin'ny vola eto an-toerana<br>(ahitana ny hanapamokarana, fitaterana, | 10.Vola niditra afakaratsaka (tombony) amin'ny vola eto an-toerana |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 2 a. | 2 b. | 3 | 4 | 4./2 b. | 6 | 6./refy fanovàna ao amin'ny efajoro | (3. x 6.)na (4. x7.) | 9 | 8. – 9. |
| Voly voalohany: | M x M ($m^2$) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |
| Voly faharoa: | M x M ($m^2$) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |
| Voly fahatelo | M x M ($m^2$) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |
| Voly fahefatra | M x M ($m^2$) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |

Mba soraty ao anatin'ity efajoro ambany ity ny fanovàna refy. (Ohatra) Gony 1 misy ovy avy any Irlande = 110 kilao, laisoa iray = 2 kilao

# <Ohatra> Fanadihadiana fototra Tapany voalohany- Famokarana, Vola miditra sy masonkarena

Daty:/ /
Anaran'ny Distrika: Anaran'ny kaominina:
Anaran'ny vondrona mpamokatra:
Anaran' ny mpamokatra: Lahy/Vavy: Laharan-tariby.:

Mba soraty ny angonkevitra mahakasika ny voly legioma sy voankazo (tsy ampidirina ny voly hafa toy ny katsaka sy fary) tamin'ny taompambolena farany.

| .Anarana sy karazam-boly | 2.Haben'ny tany nambolena ilay voly amin'ny metatra x metatra (m2) na ha 100m2 =0.01ha 1,000m2=0.1ha 10,000m2=1ha | | 3. Vokatra lafo eny an-tsena amin'ny fomba famarana samy hafa (ohatra gony, kesika, fehezana, sns.) | 4. Vokatra lafo eny an-tsena amin'ny kilao (novaina kilao) | 5. Vokatra lafo eny an-tsena isaky ny ha | 6. Salam-bidy isaky ny refy (vola eo an-toerana isaky ny refy) | 7. Salam-bidy isaky ny kilao (novaina kilao) amin'ny vola eo an-toerana | 8.Totalin'ny vola miditra amin'ny vola eto an-toerana | 9.Totalin'ny masonkarena amin'ny famokarana amin'ny vola eto an-toerana (ahitana ny hanapamokarana, fitaterana, | 10.Vola niditra afakaratsaka (tombony) amin'ny vola eto an-toerana |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 2 a. | 2 b. | 3 | 4 | 4./2 b. | 6. | 6./refy fanovàna ao amin'ny efajoro | (3. x 6.)na (4. x7.) | 9 | 8.-9. |
| Voly voalohany: Voatabia Cal j | M x M ($M^2$) 20X100= 2,000m² | 0.2ha | 100 (refy: kesika) | 2,000kg | 10,000kg | $20 (refy:kesika) | $1 | $2,000 | $700 | $1,300 |
| Voly faharoa: | M x M (m²) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |
| Voly fahatelo | M x M (m²) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |
| Voly fahefatra | M x M (m²) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |

Mba soraty ao anatin'ity efajoro ambany ity ny fanovàna refy . (Ohatra.) Gony 1 misy ovy avy any Irlande = 110 kilao, laisoa iray = 2 kilao

Voatabia iray kesika = 20kg

# Fanadihadiana Fototra Tapany faharoa – Teknikam-pambolena

Daty:/ /
Anaran'ny Distrika: Anaran'ny kaominina:
Anaran'ny vondrona mpamokatra:
Anaran'ny mpamokatra: Lahy/Vavy: Laharan-tariby.:

* Mba valio "ENY" na "TSIA" ireto fanontaniana manaraka ireto. Soraty eo amin'ny sisiny ny antontankevitra fanampiny.

| Manomboka eo amin'ny fanomanana ka hatrany aorian'ny fiakaram-bokatra | | Fanontaniana | Teknikam-pambolena legioma sy voankazo noeritreretina ho arahana | Eny | Tsia |
|---|---|---|---|---|---|
| **1** | Fanomanana ny famokarana | F 1 | Manao fanadihadiana mahakasika ny tsena ve ianao mba hamaritana ny vanimpotoana tsirairay hambolena izay voly nosafidiana? | | |
| | | F 2 | Manomana sy mampiasa tetiandrompamokarana mifototra amin'ny valin'ny fanadihadiana ny tsena ve ianao? | | |
| | | F 3 | Manao fitsirihana tany indray mandeha isaky ny roa taona ve ianao farafahakeliny amin'ny legioma/voninkazo fohy tsingerim-piaina; sa alohan'ny hambolena voly maharitra toy ny hazo fihinamboa/voninkazo? | | |
| | | F 4 | Manamboatra zezika komposta na mampiasa akora voajanahary isankarazany izay natoro ve ianao ka hahazo ireo otrikaina fototra: azoty (N), fosfora (P), Potasioma (K) amin'ny fanamboarana komposta/zezika? | | |
| | | F 5 | Moa ve ianao mampiasa fitaovana tsara kalitao amin'ny famafazana miaraka amin'ny iray na maromaro amin'ireto toetoetra manaraka ireto: famafazana mifanaraka amin'ny vanimpotoana famokarana, masomboly mahatohitra na mahazaka aretina, karazam-boly fohy tsingerim-piaina, tsara tsiro kokoa, vokatra lehibe ary ny faharetan'ny vokatra. | | |
| **2** | Fanomanana ny tany | F 6 | Mampiasa ny iray na maromaro amin'ireto fomba fanomanana ny tany natoro manaraka ireto ve ianao mba hifehezana ireo bibikely sy aretina: masoandro, fiasana tany amin'ny fotoana mahamety, halalin'ny asa mety tsara, ary ny fanaovana ambany asa mba hisorohana ny fiparitahan'ny tany izay mety hitondra bibikely sy aretina? | | |
| | | F 7 | Moa ve ianao mampiasa ambina voly teo aloha, fara fahakeliny 2 volana mialoha alohan'ny hiasana tany mba hanatsarana ny fiasan'ny akora fototra indray? | | |
| | | F 8 | Moa ve ianao mampiasa komposta/zezika na zezika organika toy ny fanaovana zezika ambany asa farafahakeliny herinandro iray na roa mialoha ny famafazana? | | |
| **3** | Fikarakarana ny famokarana (famafazana/fanetsana) | F 9 | Mampiasa zanaka legioma tanora ve ianao ho an'ireo famokarana fohy tsingerimpiaina na zanakazo avy amin'ny taninjanakazo manana fahazoandalana ho an'ny voly maharitra toy ny hazo fihinamboa? | | |
| | | F 10 | Mampiasa ny elanelana natoro ve ianao rehefa mamafy/manetsa? | | |
| | | F 11 | Manaja ny fatran-jezika tokony hatao amin'ny famafazana/fanetsana ve ianao? | | |
| **4** | Fitantanana ny famokarana | F 12 | Moa ve ianao afapo amin'ny fahazoana rano amin'ny fampiasana ireto fomba fampidiran-drano iray na maromaro manaraka ireto: siny fanondrahana, milina fanondrahana, "fanondrahana voly mitsitaitaika" (goutte à goutte) sy manaraka soritra mba hahazoana ny rano ilaina amin'ny famokarana? | | |
| | | F 13 | Vitanao amin'ny fotoana mahamety azy ve ny fiavana ary mampiasa fitaovana mifandraika amin'izany ve ianao? | | |
| | | F 14 | Mampiasa zezika ilaina araka ny tokony ho izy, amin'ny fotoana mahamety azy, ny karazany sy ny fatra natoro, ary araky ny fomba fampiasana azy ve ianao? | | |
| | | F 15 | Mampiasa ny iray na roa amin'ireto paikady hiadiana amin'ny bibikely mpanimba ny voly manaraka ireto ve ianao: natoraly, simika, teknikam-pambolena, atao tanana | | |
| | | F 16 | Manaraka ireto fepetra ireto ve ianao mba hampahomby sy hampahazo antoka ny fanafodimbiby ampiasainao: fatra mety tsara, karazana fanafody nahazo alalana, fotoana famendrahana alohan'ny fiotazana ny vokatra | | |
| **5** | Fiakaram-bokatra | F 17 | Mijery iray farafahakeliny amin'ireto fomba famaritana ny fiakaram-bokatra ve ianao: loko, habe, endrika ary havesarana? | | |
| **6** | Fikarakarana aorian'ny fiakaram-bokatra | F 18 | Mampiasa fitaovana fitehirizana/vata fitaterana/fitaovana famonosana manara-penitra ve ianao araka ireto fepetra manaraka ireto: azon'ny rivotra tsara, mora diovina ary malefaka ka manena ny mety ho fahasimbana? | | |
| | | F 19 | Mampiasa ny iray amin'ireto teknika fanampiny atoro ireto ve ianao: fanadiovana, fifantenana, fisafidianana, famonosana na fanodinana vokatra? | | |
| **7** | Fanadihadiana ny masonkarena sy ny vola miditra | F 20 | Mandray antsoratra ny masonkarena amin'ny famokarana sy ny varotra ve ianao ary mampitaha ny masonkarena sy miditra mba hikajiana ny tombony? | | |
| **8** | Asa iombonana | F 21 | Mividy hanapamokarana toy ny masomboly, zezika ary fanafodimbiby simika amin'ny maha fikambanana ve ianao (fividianana miaraka)? | | |
| | | F 22 | Mikarakara fitaterana vokatra miaraka ve ianao sa mivarotra ny vokatra miaraka (varotra miaraka)? | | |
| | | F 23 | Amin'ny maha fikambanana, misafidy izay voly hambolena ve ianareo, mandamina paikady famokarana/famarotana miaraka amin'ny mpikambana ao amin'ny fikambanana ve ianao? | | |

## 2 .2 Fihaonan’ny mpiaramiombonantoka（fampiharana tsy voatery atao）

| Dingana 4 | Fampiharana |
|---|---|
| 1. Fizarana ny tanjona miaraka amin’ny mpamokatra | Atrikasa fanentanana |
| 2 Fanampiana ireo mpamokatra hahazo ny zavamisy (fahatongavan-tsaina) | -Fanadihadiana mialoha andraisan’ny rehetra anjara<br>- Fihaonan’ny mpiaramiombonantoka (tsy voatery)<br>-Fanadihadiana ny tsena |
| 3. Fandraisan’ny mpamokatra fanapahankevitra | -Fisafidianana ny fihariana<br>- Fandrafetana ny tetiandrompamokarana |
| 4. Fampitomboan’ny mpamokatra ny fahaizamanao. | Fiofanana eny ifotony |
| Fanarahamaso (ahitana ny fanadihadiana farany andraisan’ny rehetra anjara) | |

Eto isika izao.

**Fanamarihana:** Izy ity dia "fampiharana tsy voatery", izay midika fa tokony hatao io fampiharana io raha (1) mieritreritra ny tomponandraikitra fa tena mandaitra izany eo ampandinihana ireo toejavatra ara-tsosialy sy ara-toekarena any amin'ireo faritra kendrena ary (2) ampy hanaovana io fampiharana io ny mpiasa hanatanteraka azy sy ny vola.

### MANINONA? - Tanjona

Manana tanjona roa ny fihaonan’ny mpiaramiombonantoka: (1) **mampiseho ireo mpamokatra ny fotoana fanararaotana mety hitondra soa ho azy ireo hanaovana fandraharahana** mahakasika ny famokarana legioma sy voankazo, sy (2) manampy ny mpamokatra **mametraka fifandraisana eo amin'ny fandraharahana** miaraka amin'ny mpisehatra maro isankarazany eo amin'ny tsenan’ny legioma sy voankazo.

### INONA ?- Famaritana

Ny fihaonan’ny mpiaramiombonantoka dia manasa ny solontenan'ny vondron’ny mpamokatra kendrena amin’ny SHEP sy ny mpiaramiombonantoka tahaka ny mpamatsy ny hanampamokarana, ny mpividy (mpivarotra, mpanelanelana, mpambongady, mpaninjara, sns.), ny orinasa mpanodina vokatra, ny mpanondrana voka-pambolena, ny mpitatitra, ny orinasa mpampindram-bola, ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana sy ny sisa. Mitsidika ireo tranohevan’ny mpiaramiombonantoka ny mpamokatra ary mifanakalo hevitra amin'ny alalan'ny fifampiraharahana eo amin’ny varotra.

## AHOANA? –

### Tetikady hanatanterahana azy

- Tsy toy ny hetsika lehibe tahaka ny foara mahakasika ny famokarana na Andro ho an'ny famokarana ny fihaonan'ny mpiaramiombonantoka ka tokony ho ferana ny isan'ny mpandray anjara mba hanamora ny fifandraisana eo amin'ireo mpandray anjara voafantina.

- Tokony tsy hanasa afa-tsy ny mpisehatra amin' ny tsena isika, toy ny mpivarotra eny ifotony, izay mety ho lasa mpiaramiasa eo amin'ny varotra amin' ny vondrona mpamokatra ao aoriana ao.

- Ny mpampiofana dia tokony hanampy ny mpamokatra hanana fifanakalozankevitra mavitrika mahakasika ny fandraharahana miaraka amin' ny mpisehatra eo amin' ny tsena.

- Tokony atao mialoha ny fifankafantaran'ny mpandray anjara mba hahafahan'izy ireo manomboka ny fifanakalozankevitra mahakasika ny fandraharahana avy hatrany ka tsy handany fotoana be loatra.

**Mampiakatra ny risipo**



Tsy misy atahorako intsony satria voafetra ny isan'ny mpandray anjara.

**Tohana amin'ny fahatsapana fa ilaina**



Ny mpampiofana dia manampy antsika hifampiresaka tsara kokoa amin'ireo mpandray anjara.

**Tohana amin'ny fahatsapana ho mahaleo tena**



Afaka mifanakalo hevitra mahakasika ny fandraharahana miaraka amin'ny olona rehetra mandritra ny fihaonan'ny mpiraimiombonantoka izahay satria efa nanomana fanontaniana mialoha izahay.

**Tohana ho an'ny fahaizamanao**

## DINGANA - Ireo fomba fampiharana azy (Fotoana ilaina: 3-4 ora)

1. (Fanomanana) Mamandrika efitrano fivoriana hanatanterahana ny fihaonan'ny mpiaramiombonantoka. *Tetikady! Raha afaka ampiasaina ny tranom-panjakana iray hanatanterahana ny fihaonana dia hisy fihenana goavana ny saran'ny fanofana toerana.*
2. (Fanomanana) Fantarina ary asaina ireo mpiaramiombonantoka ao amin'ny tsena eny ifotony hanatrika ny fihaonana. *Tetikady! Ireo mpandray anjara liana hanomboka handraharaha amin'ny mpamokatra kendrena ihany no asaina.*
3. (Fanomanana) Asaina misafidy lehilahy roa sy vehivavy roa avy ny vondron'ny mpamokatra handray anjara amin'ny fihaonana ho solontenan'ny vondrona. *Tetikady! Ataovy azo antoka tsara fa ny lehilahy sy ny vehivavy mpamokatra dia voafidy ho solontena satria ny vondrona misy lehilahy sy vehivavy dia afaka manitatra ny fomba fijeriny rehefa mifampiresaka amin'ny mpisehatra eo amin'ny tsena.*
4. (Fanomanana) Asaina mifankafantatra ny mpandray anjara mialohan'ny fihaonana. Asaina mitondra santionany amin'ny vokatra azony ireo vondrona mpamokatra mandritra izany. Ny santionany dia tokony harantiny eo amin'ny tranohevany.
5. (Fanomanana) Any amin'ny toerana hanaovana ny fihaonan'ny mpiraimiombonantoka, toy ny efitranom-panjakana fanaovana fivoriana, manomàna toerana voatokana misy latabatra sy seza ampy ho

an'ny mpandray anjara rehetra. Tetikady! *Tokony ampy ny seza hipetrahan'ireo mpandray anjara amin'ny tranoheva tsirairay mba hahafahan'izy ireo mifantoka tsara amin'ny fifanakalozankevitra ataon'izy ireo sy tsy ho voahelingelina.*

6. Mandritra ny fihaonan'ny mpiraimiombonantoka, ny solontenan'ny mpamokatra, miaraka amin'ny mpampiofana, dia mitsidika ny tranohevan'ny mpisehatra amin'ny tsena mba hifanakalo hevitra sy hanomana dinidinika mahakasika ny fandraharahana.
7. Aorian'ny fihaonan'ny mpiraimiombonantoka dia mandamina fivoriana ny solontenan'ny vondrona mba hizara ny zavatra nianarany nandritra izany amin'ireo mpikambana hafa.


Namokatra ireto karazana voatabia ireto izahay tato anatin'ny taona vitsivitsy. Mahaliana anao ve izany?

Tsy fantatro hoe misy betsaka tahaka izao ny mpamokatra voatabia ao amin'io kaominina io. Nividy voatabia tany ivelany foana aho. Tsy maintsy hividy voatabia vaovao vokarina avy aminao eto an-toerana amin'izay aho.



Sary:Ethiopia

**Tsy fa… …hatra eo amin'ny tsena**



Mpamokatra

Tsy fantatray fa misy karazana masomboly maro voamarina hita amin'ny ny tsena eto an-toerana

Mivarotra masomboly avo lenta isika fa vitsy ny mpamokatra eto an-toerana mitsidika ny fivarotanay. Faly izahay fa nifankahalala tamin'ny mpanjifa mety hiaraha-miasa ao aoriana ao (Mpamatsy masomboly)

Tsy mahafantatra izahay fa nampindrana vola amin'ny resaka fambolena ny orinasa mpampindram-bola. Naseho anay ny fomba fangatahana fampindramam-bola madinika amin'ny maha vondrona anay.

Liana amin'ny fampindramam-bola eo amin'ny resaka fambolena izahay ary nahazo tombony izahay nifankahalala tamin'ny vondrona mpamokatra nomanina androany. (Orinasa mpampindram-bola)

Fantatro fa manana olana amin'ny fahazoana tongolo gasy eny ifotony ireo mpividy. Tokony hiezaka hamboly izany isika eto

Faly izahay maheno fa te-hamokatra tongolo gasy ny mpamokatra eto an-toerana . Te-hivarotra izany bebe kokoa amin'ny toerana fivarotanay izahay. (Mpaninjara)




Mpiaramiombonantoka eo amin'ny tsena

## HAIVAO - Fitondrana fiovàna hifanaraka amin'ny zavamisy any amin'ny firenena/faritra samihafa

Misy ireo firenena hafa nikarakara fihaonan' ny mpiaramiombonantoka amin'ny fomba hafa noho ny an'i Kenya. Misy ohatra vitsivitsy ireto.

Efajoro 6Fihaonana eo amin’ny mpividy-mpivarotra

## Fihaonana teo amin’ny mpividy-mpivarotra – Nanasa ny mpividy sy mpivarotra irery (Nepal sy Malawi)



Sary:Malawi

< Maninona?> Nisy ny tsy fahatokisana lalina sy tsy fifankahazoan-kevitra teo amin'ny mpamokatra sy ny mpividy ny vokatra azo avy amin'ny famokarana legioma sy voankazo.

<Ahoana?> Raha tokony handamina fihaonan’ny mpiaramiombonantoka ireo tomponandraikitra mpanatanteraka dia naleon’izy ireo nikarakara fihaonana eo amin’ ny mpividy sy mpivarotra fotsiny ihany.

<Vokatra?> Nahavita nifantoka tamin'ny fanakalozankevitra ny mpandray anjara ary nahafantatra tsara kokoa ny toerana misy ny tsirairay. Nandresy ny tsy fahatokisana sy ny tsy fifankahazoan-kevitra teo aloha izy ireo ary nanomboka nikaroka vahaolana amin’izay mety hahazoana tombotsoa ho an'ny roa tonta.

Efajoro 7Solontenan’ny mpamokatra maro nandray anjara tamin’ny fihaonan’ny mpiaramiombonantoka

## Solontenan’ny mpamokatra maro nandray anjara tamin’ny fihaonan’ny mpiaramiombonantoka

## (Malawi, Ethiopia)



Sary:Malawi

< Maninona?> Ny mpamokatra kendrena tany Malawi sy Etiopia dia tsy dia nanana fahatokisana amin’ny fifampiresahana tamin'ireo mpisehatra eo amin’ny tsena. Fanampin'izany, nahatsapa izy ireo fa tsy dia nahay nanazava tamin'ireo mpikambana hafa ao anaty vondrona ny zavatra nianarany nandritra ny fiofanana.

<Ahoana?> Nanasa solontena mihoatra ny efatra avy tamin'ny vondrona tsirairay ny tomponandraikitra mba handray anjara amin'ny fihaonan’ny mpiaramiombonantoka.

<Vokatra?> Nahatsapa fahatokisantena ny mpamokatra rehefa nifanerasera tamin'ireo mpisehatra eo amin'ny tsena. Taorian'ny fihaonana dia afaka nanazava amin'ny antsipiriany ny zavatra nianarany tamin'ireo mpikambana ao amin'ny vondrona izy ireo nandritra ny fivoriana nokarakaraina teo amin’ny fiarahamonina misy azy ireo.

Efajoro 8Fampirantiana fitaovana mampihena asa

## Fampirantiana fitaovana mampihena asa nandritra ny fihaonan'ny mpiaramiombonantoka (Palestina)



Sary:Palestine

< Maninona?> Olana goavana ao Palestina ny asa mafy indrindra ho an'ireo vehivavy mpamokatra.

< Ahoana?> Nanasa ireo orinasa izay nivarotra fitaovana mahakasika ny famokarana isankarazany ny tomponandraikitra.

< Vokatra?> Ny vondrona mpamokatra dia nanapa-kevitra ny hividy fitaovana mba hampahomby kokoa ny asa famokarana. Nahazo tombontsoa manokana tamin'ny fampahafantarana ny fitaovana fampihenana ny asa ireo vehivavy mpamokatra.

### IREO TSARA TADIDIANA - Ireo hevitra mila hamafisina aorian'ny fampiharana

- ❑ Nampahafantarin'ireo solontenan'ny mpamokatra tamin'ireo mpikambana ao amin'ny vondrona ny fehinkevitra sy ny vokatr'ilay fihaonan'ny mpiaramiombonantoka natrehin'izy ireo.
- ❑ Ny mpamokatra kendrena dia mahatakatra ny tombontsoa samihafa eo amin'ny varotra mahakasika ny famokarana legioma sy voankazo.
- ❑ Ireo mpamokatra kendrena dia manitatra ny tambajotran'ny fandraharahàny miaraka amin'ireo mpisehatra amin'ny tsena nasaina nanatrika ilay fihaonana.
- ❑ Mifandray tsy tapaka amin'ny mpisehatra amin' ny tsena izay nasaina tamin' ny fihaonan'ny mpiraimiombonantoka ny mpamokatra kendrena.
- ❑ Mifandanja ny isan'ny lahy sy ny vavy mpisehatra eo amin'ny tsena.
- ❑ Mifandanja ny isan'ny lahy sy ny vavy solontenan'ny vondrona.
- ❑ Mifandanja ny isan'ny lahy sy ny vavy avy amin'ny mpandray anjara amin'ny fivoriana fanaovana tatitra nokarakarain' ny vondrona mpamokatra.

### FAMAHANA NY OLANA - Vahaolana ho an'ny olana mateti-pitranga

F: **Finiavana handray anjara -** Ireo mpiaramiombonantoka amin'ny tsena toy ny mpivarotra, mpaninjara sy ny sisa dia toa tsy liana loatra amin'ny fandraisana anjara amin'ny fihaonan'ny mpiaramiombonantoka. Inona no nandrisika azy ho tonga ao amin'ilay fihaonana?

V: Ny tena nahatongavan'izy ireo tao amin'ilay fihaonana dia maniry hampivelatra ny tambajotran'ny fandraharany izy ireo. Aza adino fa olona be herehana ireo. Raha tsy mahita tombontsoa loatra amin'ny fandraisana anjara amin'izany izy ireo, toy ny fahafahana mihaona amin'ny vondron'ny mpamokatra, dia tsy ho liana. Amin'izay fotoana izay, ny fitsidihan'ny mpisehatra tsirairay ny tsena mandritra fanadihadiana ny tsena, fa tsy ny fikarakarana fihaonan'ny mpiaramiombonantoka, no mety ho tsara kokoa.

F: **Fifampiresahana tsy dia namokatra -** ny mpamokatra dia tsy dia mahavita miresaka amin'ny mpisehatra eo amin'ny tsena. Inona ny antony?


V: Misy antony maro no mahatonga izany. Mety ho sarokenatra loatra ireo mpamokatra, tsy dia mahatoky tena loatra na tsy zatra amin'ny fifampiresahana ofisialy amin'ny olona ivelan'ny fiarahamonina mahazatra azy. Tokony hanampy azy ireo hiatrika tranga tahaka izao ny mpampiofana mba ahafahan'ny roa tonta mandray anjara mifanakalo hevitra tsara.

F:**Adihevitra tsy mahasoa -** manomboka mitaraina ny mpividy sy ny mpamokatra fa "tsy mandoa vidiny ara-drariny ny mpividy" na "matetika manafina entana lo any amin'ny farany ambanin'ny gony ny mpamokatra". Tsy afaka manana adihevitra mahasoa mba hamahana ny olana. Inona no tokony atao?


V: Any am-piandohan'ny fihaonan'ny mpiraimiombonantoka dia asaina manazava amin'ireo mpandray anjara ny tomponandraikitra fa tsy fotoana hanomezana tsiny ny hafa izao fihaonana izao. Izy io dia fotoana iray ahafahana manome vahaolana ho an'ireo mpandray anjara. Tany Nepal ohatra, dia, nasain'ny tomponandraikitra hitanisa ireo olana eo amin'ny varotra ny mpandray anjara rehetra. Avy eo, nandritra ny dinidinika nifanaovana tamin'ny tsirairay, nangatahana ireo mpandray anjara mba hifantoka amin'ny vahaolana manoloana ireo olana ka hikendry hampivelatra ny fiarahamiasa mpandresy-mpandresy.

Tao Kenya, natao taorian'ny fanadihadiana fototra andraisan’ny rehetra anjara ny fihaonan’ny mpiraimiombonantoka, izany hoe tany amin'ny dingana voalohany tamin'ny fiofanana SHEP. Etsy ankilan'izany, nikarakara fihaonan’ny mpiraimiombonantoka ireo firenena sasany toa an'i Etiopia taorian'ny fisafidianan’ny mpamokatra ny fihariana kendreny. Raha toa ilay fihaonan’ny mpiraimiombonantoka ka nomanina tamin'ny vanimpotoana na filaharana samy hafa dia tsy mitovy koa ny tanjony, araka ny voalaza etsy ambany.

**[Fihaonan’ny mpiraimiombonantoka nomanina tany amin’ny dingana voalohany]**




**[Fihaonan’ny mpiraimiombonantoka nomanina taorian’ny fisafidianana ny fihariana]**




Fanamarihana: Satria efa nampahafantarina ireo mpisehatra eo amin’ny tsena ny fihariana nosafidian'ny mpamokatra ary ny mpamokatra koa efa liana amin’ny fihaonan’ny mpiraimiombonantoka dia efa samy vonona ny roa tonta hihaona sy hifampiresaka amin’izay fiaraha-miasa azo atao.

## 2.3. Fanadihadiana ny tsena

| Dingana 4 | Fampiharana |
|---|---|
| 1. Fizarana ny tanjona miaraka amin'ny mpamokatra | Atrikasa fanentanana |
| 2 Fanampiana ireo mpamokatra hahazo ny zavamisy (fahatongavantsaina) | -Fanadihadiana fototra andraisan'ny rehetra anjara<br>- Fihaonan'ny mpiaramiombonantoka (tsy voatery)<br>-Fanadihadiana ny tsena |
| 3. Fandraisan'ny mpamokatra fanapahankevitra | -Fisafidianana ny fihariana<br>- Fandrafetana ny tetiandrompamokarana |
| 4. Fampitomboan'ny mpamokatra ny fahaizamanao. | Fiofanana eny ifotony |
| Fanarahamaso (ahitana ny fanadihadiana farany andraisan'ny rehetra anjara) | |

Eto isika izao.

### MANINONA? – Tanjona

Ao anatin'ny Fomba Fiasa SHEP dia ny mpamokatra mihitsy no manatanteraka ny fanadihadiana ny tsena fa tsy ny mpiasam-panjakana na manam-pahaizana avy any ivelany. Ny tanjona lehiben'ny fanadihadiana ny tsena izay ataon'ireo mpamokatra mampihatra ny Fomba Fiasa SHEP dia ny hamporisihina azy ireo hahatakatra ny fiasan'ny tsena sy izay andrasan'ny tsena amin'ny mpamokatra. Rehefa manatanteraka ny fanadihadiana ny tsena dia mametraka fifandraisana amin'ny mpisehatra isankarazany amin'ny tsena avy hatrany toy ny mpambongady, mpaninjara, mpanelanelana, sns. Io koa ny fotoana hanitarana ny tambajotra manokana izay hahafahan'ny mpiantsehatra eo amin'ny tsena samy hivoaka mpandresy.

### INONA ?- Famaritana

Ny solontena nosafidian'ny vondrona mpamokatra dia manaraka fiofanana mba hianatra ny fanaovany fanadihadiana ny tsena. Ny fiofanana dia ahitana (1) fanazavana ny fitondrana fanadihadiana ny tsena sy (2) fanatanterahana ny fanadihadiana ny tsena izay omanina sy atao eny an-tsena eny ifotony. Aorian'ny fiofanana, ny solontenan'ny mpamokatra dia mampiseho amin'ny mpikambana hafa ao amin'ny vondrona ny vokatry ny fanadihadiana ny tsena sy ny fomba fitondrana azy ahafahan'izy ireo manatanteraka izany na aorian'ny fandraisana anjara amin'ny SHEP aza. Zavadehibe ny mampahatsiahy fa fahafahana hampihatra ny fanadihadiana ny tsena no omen'ny tomponandraikitry ny fanatanterahana ny fandaharanasa SHEP. Anjaran'ny mpamokatra no manantanteraka ny fanadihadiana ny tsena « tena izy » aorian'io fampiharana io. Tanterahiny tsy misy fanampiana avy amin'ny fanjakana izany.

## AHOANA ? - Tetikady hanatanterahana azy

- Ny fanadihadiana ny tsena **dia tokony tanterahin'ny mpamokatra**, fa tsy ny mpiasam-panjakana, miaraka amin'ny taratasy misy ny fanontaniana eo am-pelatanany.
- Ny tanjon'ny fanadihadiana ny tsena dia ny hanangona ny tsara ho fantatra rehetra fa tsy ny vidim-bokatra eny an-tsena fotsiny ihany fa eo koa ny kalitao sy ny habetsaky ny vokatra misy mitady, ny fiovaovan'ny vidim-bokatra sy ny habetsahany eny an-tsena arakaraka ny vanimpotoana , ny fomba fandoavam-bola, sns
- Mandritra ny fanadihadiana ny tsena dia amporisihana ny mpamokatra hanorina fifandraisana ara-pandraharahana amin'ny mpisehatra ny tsena izay mifanerasera aminy ao an-tsena
- Tokony ho takatry ny mpamokatra fa tokony hanatanteraka samirery ny fanadihadiana ny tsena amin'ny fomba mitohy izy ireo ary tsy hiandry fanampiana avy amin'ny fanjakana.

**Mampiakatra risipo**



Takatray ny maha zavadehibe ny fanadihadiana ny tsena izay tanterahanay samirery. Koa hanohy izany sy tsy iandrasana fanampiana avy amin'ny mpiasam-panjakana.

Tohana amin'ny fahatsapana fa ilaina



Nifanakalo hevitra hatrany amin'ny mpividy sy ny mpamatsy hanapamokarana izahay. Azontsika atao ny miantso azy ireo ary mangataka izay tiany ho fantarina.

Tohana amin'ny fahatsapana ho mahaleo tena



Fantatsika izao ny fanontaniana apetraka amin'ny mpivarotra satria manana fitaovana fanadihadiana mora arahina isika.

Tohana amin'ny fahaizamanao

## DINGANA - Ireo fomba fampiharana azy (Fotoana ilaina: 2-3 ora)

1. (Fiomanana) Anontaniana ny vondrona mpamokatra mba hisafidy ny solontenany (ny mpametraka fanontaniana, ny mpitantsoratra izay mandray antsoratra sy ny mpanaramaso ny ora, mitontaly mpikambana telo) izay handray anjara amin'ny fiofanana mahakasika ny fanadihadiana ny tsena.*Tetikady! Tokony asiana lehilahy sy vehivavy ireo solotena. Afaka safidiana ihany koa ireo mpamokatra mahay mamaky teny sy manoratra hanamora ny fiofanana. Na izany aza, ny traikefa niainana taloha dia nahazoana lesona fa afaka manao asa amin'ny maha solontenan'ny vondrona azy ireo ihany koa ireo mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra miaraka amin'ny fanampiana ampy avy amin'ireo namana mahay mamaky teny sy manoratra.*
2. (Fiomanana) Ilaina ny mangataka alalana hanatanteraka ny fanadihadiana ny tsena avy amin'ny lehiben'ny tsena izay hotsidihan'ny mpamokatra. Raha tsy dia zatra loatra amin'ny fomba ahatongavan'ny vokatra eny an-tsena ny tomponandraikitra sy ny mpampiofana ny SHEP, dia manao fanadihadiana mialoha eo amin'ny tsena alohan'ny hitondrany ny mpamokatra eny an-tsena. Manaova fanadihadiana ary safidio tsara ny andro mety amin'ny herinandro na ora ao anatin'ny andro iray mba hahafahan'ny mpamokatra manangona tsara izay tsara ho fantatra.

3. Mandamìna aloha fiofanana hampianarana ny fomba fanaovana fanadihadiana ny tsena ary manaova fampiharana avy eo.




4. Fintino ny fanazavana tsara fantatra rehetra azon'ny mpamokatra teny an-tsena. Asaivo mizara ny fanazavana azony amin'ireo mpikambana hafa ao amin'ny vondrona ao anatin'ny fepotoana voatondro izy ireo (ohatra, ao anatin'ny herinandro aorian'ny fanadihadiana ny tsena) mba hahazoana antoka fa ny mpikambana ao amin'ny vondrona rehetra dia hanana fahafahana hahazo ny vaovao tsara ho fantatra avy amin'ireo solontenan'izy ireo. Tetikady! *Tokony voafaritra tsara ny tetiandro hizarana ny tsara ho fantatra amin'ny mpamokatra hafa. Ny mpampiofana dia tokony hanampy ny solontena hikarakara an'io fivoriana fifampizarana ny tsara ho fantatra io.*

Karazany afaka tehirizina maharitra noho ireo fambolinareo ity. Tiako ity karazany ity. Izay no antony nampisalasala ahy hividy ny laisoanao.




Inona ity karazana laisoa ity? Tsy mitovy amin'ny fambolintsika izy izany.

## Tsy fanasiana elanelana eo amin'ny mpisehatra amin'ny tsena



Mpamokatra

Tsy fantatra hoe betsaka ny legioma avy amin'ny firenena manodidina. Amin'ny ho avy, hanandrana hamatsy ireo vokatra ireo izahay eto an-toerana

↔

Tsy fantatra hoe mamokatra legioma tsara kalitao tahaka izany ireo mpamokatra ao an-toerana. Afaka atomboka ny fividianam-bokatra eny ifotony fa tsy voatery hiankina amin'ny mpanafatr'entana foana.

Tsy misy ny ahiahy amin'ny fotoana ahafahana mitahiry ny vokatra. Ho alalinina kokoa io fanontaniana io hanome fahafahampo ny mpividy.

↔

Tsy afaka manome vidim-bokatra tsara amin'ny mpamokatra ao an-toerana izahay satria mora lo ny vokatr'izy ireo. Raha toa ka afaka mivarotra amintsika kalitao tsara kokoa izy ireo, dia ho faly tokoa izahay hampitombo tsara ny vidiny.




Mpisehatra eo amin'ny tsena

Teny an-tsena, nahita poavro lò tao amin'ny fanambanin'ny gony izahay. Tezitra mafy ny mpividy. Mila mitandrina tsara isika rehefa mametraka azy ireny any anaty fitoerany avy any amin'ny manaraka.

↔

Nahatsapa voambaka izahay satria matetika mametraka poivro lò tao amin'ny fanambanin'ny gony ny mpamokatra. Izay no antony mahatonga anay tsy mahatoky an'ireny mpamatsy ireny.

## FITAOVANA - Fafana ahitana ireo fanontaniana mandritra ny fanadihadiana ny tsena

Indro misy santionana fanontaniana mikasika ny fanadihadiana ny tsena. Ankoatra ny famenoana ny tsanganana eto ambany, dia ampirisihina ny mpamokatra hanangona izay ilaina fantatra manandanja ho azy ireo. Amin'izay fotoana izay, angatahana izy ireo hanoratra izay azony ao amin'ny toerana banga amin'ity tabiliao misy fanontaniana ity.

| Anarana sy laharana finday an'ny mpivarotra | Vokatra varotany sy karazany | Filàna eo amin'ny kalitao takian'ny tsena | Fotoana fiakaran'ny vokatra (volana) | Vokatra lafo (isanandro, herinandro) | Toerana fiavian'ny vokatra | Vidiny hakana azy (Ar/kg) | Fomba fandoavana ny vidim-bokatra | Fotoana fandoavana ny vidim-bokatra | Olana hita mandritra ny famarotana | Fahavononan'ny mpivarotra hividy ny entan'ny vondrona * |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | |

* Raha eny dia manomboka rahoviana? Raha tsia dia Maninona.

## HAIVAO – Fitondrana fiovàna hifanaraka amin'ny zavamisy any amin'ny firenena/faritra samihafa

Ireto misy ohatra mahakasika ny fitondrana fiovàna hifanaraka amin'ny zavamisy any amin'ny firenena/faritra samihafa izay tsy mitovy zavamisy ara-tsosialy sy ara-toekarena amin'i Kenya. Noho ireo fanovàna ireo dia nihoatra noho ny nantenaina ny vokatra azo.

Efajoro 9 Fitsidihana orinasa sy fikambanana mandritra ny fanadihadiana ny tsena

**Mitsidika orinasa sy fikambanana mandritra ny fanadihadiana ny tsena (Lesotho sy Tanzania ary Zimbabwe)**

< Maninona?> Nisy teritery lehibe ara-bola sy arak'olona nahazo ny ekipa mpanatanteraka ny SHEP. Sarotra nohon'ny teritery teo amin'ny vola sy ny mpiasa ny fikarakarana ny fihaonana teo amin'ny mpiaramiombonantoka.

<Ahoana?> Nandritra ny fanadihadiana ny tsena, ny tomponandraikitra mpanatanteraka dia nikarakara fitsidihana ny orinasa sy fikambanana isankarazany toy ny mpamatsy hanapamokarana, ny orinasa mpanondrana vokatra, ny hopitaly, ny sekoly, ny trano fandraisam-bahiny, ny toeram-pivarotana lehibe, sns, izay tsy voatery ho any amin'ny tsena eny ifotony, fa miorina ao na manodidina ny tanàna iray ihany. Nitsidika sy nihaona tamin'ireo tena mpisehatra tamin'ny tsena ny mpamokatra, ankoatra ireo mpividy eo an-tsena.

<Vokatra?> Voaray ny vokatry ny fihaonan'ny mpiraimiombonantoka nohon'ny fampiasana io fomba io ka tsy nampiasana vola na mpiasa fanampiny nikarakarana fihaonan'ny mpiraimiombonantoka ofisialy.

Efajoro 10Fanadihadiana andrana ataon'ny mpamokatra alohan'ny fanadihadiana ny tsena

## Fanadihadiana andrana nataon’ny mpamokatra alohan’ny fanadihadiana ny tsena (El Salvador)

< Maninona?> Ao amin'ny faritra kendrena, ny mpanelanelana tonga eny amin’ny tanimboliny ihany no hamarotan’ny ankamaroan’ny mpamokatra ny vokatra vokariny. Mbola tsy nifanerasera tamin’ny olon-kafa izy ireo taloha ka natahotra mafy nanontany ny olona teny an-tsena.



Sary: El Salvador


< Ahoana?> Rehefa avy nampianatra ny fomba fitondrana fanadihadiana ny tomponandraikitra dia nanontany ny solontenan'ny mpamokatra mba hizatra hametraka fanontaniana atao tsilalaon-teny. Ny sasany nitàna ny toeran'ny mpamokatra, ny hafa kosa naka ny toeran'ny mpividy eny an-tsena.

< Vokatra?> Nahazo aina sy matoky kokoa ny mpamokatra mametraka fanontaniana nandritra ny fanadihadiana ny tsena andrana. Afaka mahazo izay ilainy avy amin'ny mpivarotra izy ireo avy eo.

Efajoro 11 Tomponandraikitra mpanatanteraka ny tetikasa manomana mialoha ny fanadihadiana ny tsena

## Tomponandraikitra manomana mialoha ny fanadihadiana ny tsena (El Salvador, Afrika Atsimo)

< Maninona?> Tsy dia mahay loatra ny zavamisy teo amin’ny tsena teny an-toerana ny tomponandraikitra mpanatanteraka ny SHEP.




Rafitry ny tsena eny ifotony sy izay mety ho mpividy namboarin’ny ekipa mpanatanteraka ny SHEP tany El Salvador.

< Ahoana?> Nitsidika ny tsena mialoha ireo tomponandraikitra mpanatanteraka ary namantatra ireo mety ho mpividy, izany hoe ireo izay vonona ny hividy legioma avy amin'ireo vondrona mpamokatra madinika. Nanao kisary tsotsotra ny firafitry ny tsena izy ireo mba hahafahan'ireo mpamokatra mahita mora foana ireo mpividy ireo amin'ny alàlan'ny fanarahana ireo rafitra ireo.

< Vokatra?> Nahita sy nahavita namantatra ireo mpividy izay vonona hifampiraharaha amin’izy ireo tao anatin'ny fe-potoana voafetra ireo mpamokatra nandritra ny fampiharana ny fanadihadiana ny tsena.

Efajoro 12Misafidy voly mihoatra ny enina ho hadihadiana ny mpamokatra

## Misafidy voly mihoatra ny enina ho hadihadiana ny mpamokatra (El Salvador sy Afrika Atsimo)

< Maninona?> Tandindomin-doza amin’ny toetrandro sy ny biby mpanimba voly/aretina ny famokarana any amin’ny faritra kendrena. Ny famokarana voly isankarazany no isan’ny laharam-pahamehana voalohany ho an'ireo mpamokatra ao amin'ny faritra. Araka izany, liana ireo mpamokatra nokendrena hanao izay hampety ny famokarana voly isankarazany eo amin’ny lafiny ara-bola sy ara-teknika mba hiatrehana ny loza mananontanona.

< Ahoana?> Raha tsy maintsy nisafidy voly dimy nokendrena ireo mpamokatra mba hodinihana tany am-piandohana, dia notoroana hevitra izy ireo hisafidy voly mihoatra ny enina hodinihana mandritra ny fanadihadiana ny tsena rehefa avy nampihatra famokarana isankarazany ny tomponandraikitra.

< Vokatra?> Nahita ireo vokatra azo volena ireo mpamokatra na dia tsy voatery ireo famokarana mahazatra azy aza izany. Nanohana ireo mpamokatra ireo tomponandraikitry ny fampiofanana mahakasika ny teknika famokarana ny voly vaovao izay nofidian'ny mpamokatra hovokarina. Vokatr'izany dia afaka nanatanteraka famokarana voly isankarazany ny mpamokatra.



Sary:Kenya

Efajoro 13Ny mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra izay voafidy ho solontena mandritra ny fanadihadiana ny tsena

## Mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra izay voafidy ho solontena mandritra ny fanadihadiana ny tsena

## (Etiopia sy Afrika Atsimo)



Sary:Etiopia

< Maninona?> Tsy mahay mamaky teny sy manoratra ny ankamaroan'ireo mpamokatra mpisitraka fiofanana. Ireo mpikambana izay mazoto hitarika ny vondrona ihany koa dia tsy mahay mamaky teny sy manoratra.

< Ahoana?> Nifidy mpamokatra mahay mamaky teny sy manoratra ary mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra ny vondrona mpamokatra ho solontenan'izy ireo mandritra ny fanadihadiana ny tsena.

< Vokatra?> Samy naneho fomba fiasa mahomby na ireo mpamokatra mahay na sy tsy mahay mamaky teny sy manoratra. Ohatra, natoky tena kokoa ireo mpamokatra mahay mamaky teny sy manoratra rehefa nifandray tamin’ny olona tsy fantany. Tsy manana olana mihitsy izy ireo amin'ny fitanana antsoratra. Etsy ankilany, matetika ireo mpikambana tsy mahay mamaky teny sy manoratra no manana fitadidiana tsara ary mahay mandinika tsara ny manodidina ny tsena. Nifameno izy ireo ary lasa ekipa tsara afaka manao fanadihadiana. Fehiny izany, ny fisafidianana ireo mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra hisolo tena ny vondrona dia mametraka ao an-tsainy ny fandraisana andraikitra, tsy izy irery fa ireo namany hafa tsy mahay mamaky teny sy manoratra ao anatin’ny vondrona ihany koa.

Efajoro 14Fanatanterahana fanadihadiana ny tsena eny amin’ny tsena ara-dalàna sy tsy ara-dalàna

## Fanatanterahana ny fanadihadiana ny tsena eny amin’ny tsena ara-dalàna sy tsy ara-dalàna

## (Afrika Atsimo sy Zimbaboe)

< Maninona?> Ny toerana kendrena na tsena hohadihadiana dia tsena mizara roa samy hafa: ny tsena ara-dalàna toy ny toeram-pivarotana lehibe ary ny tsenam-barotra tsy ara-dalàna toy ny tsena ankalamanjana. Samy hafa be ny mpisehatra eo amin’ireo tsena ireo sy ireo filàna eo an-tsena amin’ireo karazana tsena roa ireo.

<Ahoana?> Ny tomponandraikitra mpanatanteraka dia nanokana fotoana roa hanadihadiana ny tsena; ny iray tany amin’ny tsena ofisialy ara-dalàna ary ny iray tany amin'ny tsena tsy ara-dalàna. Nanadihady ny tsena tany amin’ny tsena tsy ara-dalàna aloha izy ireo izay fantatry ny mpamokatra kokoa vao nankany amin’ny tsena ara-dalàna.



Sary:El Salvador

< Vokatra?> Manomboka mahalala ireo mpamokatra fa ny tsena samy hafa dia samy manana ny safidiny

manokana na eo amin’ny karazany, na ny kalitaony ary indrindra ny habetsahan’ny vokatra. Ireo izay tsy nahalala ny tsena ara-dalàna, dia nanomboka nandalina ny mety hidirana amin’ny tsena ara-dalàna toy ny toeram-pivarotana lehibe amin'ny alalan'ny fampitahana matotra ireo tombotsoa azo amin’ny tsena ara-dalàna sy tsy ara-dalàna.

## IREO TSARA TADIDIANA - Ireo hevitra mila hamafisina aorian’ny fampiharana

- ❑ Ny solontenan’ny mpamokatra nandray anjara tamin'ny fizarana ny zavatra nianarany sy ny vokatry ny fanadihadiana ny tsena dia mampafantatra ireo mpikambana ao amin'ny vondrona misy azy.
- ❑ Mahatsapa ireo mpamokatra mpisitraka fiofanana fa ny fanadihadiana ny tsena tamin'ity indray mitoraka ity dia atao “fomba fanao” ka tokony hanadihady marina ny tsena samirery matetika izy ireo ary tsy misy fanampiana avy amin’ny fanjakana.
- ❑ Ireo mpamokatra mpisitraka fiofanana kosa dia mifandray hatrany amin'ireo mpisehatra ao amin’ny tsena notsidihan'izy ireo nandritra ny fanadihadiana ny tsena.
- ❑ Ny tahapandraisan’anjaran'ny lahy sy ny vavy solontenan'ny vondrona dia mifandanja.
- ❑ Ny tahapandraisan’anjaran'ny lahy sy ny vavy avy amin'ny fivoriana fanaovana tatitra natao tao anatin’ny vondrona mpamokatra dia mifandanja.

## FAMAHANA NY OLANA - Vahaolana ho an’ny olana mateti-pitranga

F: Kely loatra ny tsena eny ifotony -Ny tsena eny ifotony akaikin'ny mpamokatra kendrena dia tena kely ary tsy mivarotra afa-tsy ovy sy tongolobe fotsiny. Rehefa avy nanao fanadihadiana ny tsena, dia diso fanantenana ireo mpamokatra satria tsy afaka nianatra zava-baovao. Ahoana no ahafahako mamaha izany olana izany?




V: Na dia ny tsena kely eo an-toerana aza dia mety afaka hanome angonkevitra mahasoa ho an'ny mpamokatra. Raha ohatra ka natao tsara ny fanadihadiana ny tsena, ny mpisehatra amin’ny tsena dia afaka hanome angonkevitra ho an’ny mpamokatra toy ny fiovàn'ny tinady manaraka ny vanimpotoana, ny fiovaovan'ny vidim-bokatra isan-taona, ny fiaviana samihafa eo amin’ny vokatra miankina amin'ny fotoana fahavokarany, ny endrika tian’ny mpividy, ny karazany, ny habeny, sns. Afaka manamafy orina ny fifandraisany amin'ny mpisehatra eo amin’ny tsena eny ifotony ihany koa ny mpamokatra amin'ny fanaovana fanadihadiana ny tsena matetika. Noho izany, amin'ny ankapobeny dia tsara ny manomboka ny fitsidihana ny tsena eo an-toerana akaiky indrindra mba hizarana amin’ny fanadihadiana ny tsena. Na izany aza, raha toa ianao sy ny mpamokatra mahatsapa fa ho tsara kokoa ny hitsidika tsena isankarazany, ohatra, ireo izay akaikin'ny tanàn-dehibe, dia afaka manao izany ianao. Rehefa avy nanatanteraka ny fanadihadiana ireny tsena ireny ireo mpamokatra, dia azo antoka fa mbola hanohy hitsidika ny tsena ihany ny mpamokatra raha resy lahatra izy ireo fa tsy nandany ny fotoanany sy tsy mahafaty antoka azy ny sara-pitaterana. Zavadehibe iray hafa dia ny hoe ny "tsena" dia tsy voatery ho tsena misy olona mifanaretsaka. Ny tsena dia mety ho mpivarotra mandehandeha na toerana samihafa toy ny sekoly, hopitaly, fonja, sns. Raha mihevitra ny mpamokatra fa tsy manome fanazavana betsaka araka izay ilainy ny tsena manodidina, dia asaina miezaka hifandray amin'ny mpividy mahazatra

izy ireo eo amin'ny toerana misy azy ireo.

F: Sarotra ny mahazo angonkevitra mahakasika ny vidim-bokatra - Ny mpivarotra dia tsy manome mazava ny vidiny amarotana na ividianana ny vokatra. Tsy dia mizara ny marina mahakasika ny tombombarotra azony izy ireo. Misy fomba ve ahazoana angonkevitra marina mahakasika ireo vidiny ireo?

V: Amin’ny ankapobeny ny mpandraharaha dia misalasala hilaza ny tombombarotra. Hialàna amin’izay fanontaniana izay dia afaka manontany mahakasika ny fiovaovan’ny vidimbokatra iray ao anatin’ny taona iray ianao. Azonao atao ihany koa ny manontany mpanjifa eny an-tsena ny amin’ny vidiny nividianan’izy ireo ny vokatra izay hadihadianao.

F: Risipo samy hafa ao amin'ny vondrona mpamokatra - Na dia mahafantatra tsara ny filàna sy ny fepetra takian'ny tsena aza ny solontenan'ny vondrona taorian'ny fahombiazan'ny fanadihadiana ny tsena, dia toa tsy marisika ireo mpikambana hafa ao amin'ny vondrona hafa. Fa maninona?


V: Azonareo antoka ve fa nizara ny angonkevitra azony nandritra ny fanadihadiana ny tsena ny solontenan'ny vondrona amin'ny mpikambana hafa ao amin'ny vondrona? Tsy maintsy manome angonkevitra ho an'ireo mpikambana hafa ao amin'ny vondrona ireo solontena ireo mba tsy "hitazona samirery" ny angonkevitra ilaina. Mametraha fitsipika iray, ohatra hoe ny solotenan’ny vondrona nanao fanadihadiana ny tsena dia tokony hitarika fivoriana mba hizaràna izay hitan’izy ireo nandritra ny fanadihadiana ny tsena herinandro taorian’izany.

# Lahatsoratra 4: Ireo fitsipika telo mifehy ny fanadihadiana ny tsena ao anatin'ny Fomba Fiasa SHEP




Ny fanadihadiana ny tsena ao anatin'ny Fomba Fiasa SHEP dia mampiseho ireo "fitsipika" telo tena manandanja izay mifantoka amin'ny fanohanana ny filàna ara-tsain'ireo mpamokatra mila fahaleovantena sy fahaizamanao. Ireo fitsipika telo ireo dia: manangona ireo angonkevitra (1) izay mety ilain'ny mpamokatra, (2) araka ny fomba fijerin'ny mpamokatra, ary (3) tanterahin'ny mpamokatra mba hitrandrahana izay azo safidiana hatao eo amin'ny fandraharahana. Tsy mitovy amin'ny fanadihadiana ny tsena mahazatra ny fanadihadiana ny tsena ao anatin'ny Fomba Fiasa SHEP izay tsy mijery afa-tsy ny vidim-bokatra eny an-tsena. Mifanohatra amin'izany no ataony izany hoe mikaroka izay azo atao sy safidiana eo amin'ny fandraharahana.

Ireo fitsipika telon'ny SHEP amin'ny fanadihadiana ny tsena dia aseho ao amin'ny sary etsy ambany ka hanazavana ny fampitahana eo amin'ny ohatra mitombina sy tsy mitombina ao amin'ny fitsipika tsirairay.




Amin'ireo fitsipika telo ireo, angamba ny fizarana mahakasika ny fanadihadiana "tanterahan'ny mpamokatra" no tena manandanja indrindra amin'izy rehetra. Ny fahaleovantenan'ny mpamokatra sy ny fifehezany ny fanadihadiana ny tsena dia tena zavadehibe ho amin'ny fahombiazan'ny ny asa atao ao amin'ny SHEP.




Ny fanadihadiana ny tsena manaraka ny Fomba Fiasa SHEP, izay miezaka ny tsy hifantoka amin’ny vidin-javatra fotsiny ihany, fa mijery ihany koa ny lafiny maro hafa eo amin’ny tsena, dia natao raha ny marina mba haneho ny “fahalalana lalina” hananan’ ny tsena. Mba hananana sy hahatsapana ary hahatakarana izany fahalalana lalina izany dia ilaina ny mizara ny traikefa sy mifanakalo hevitra amin'ireo izay manana izany fahalalana lalina izany. Amin’izay fotoana izay dia zavadehibe ho an'ny mpamokatra ny mandeha mivantana eny an-tsena ary mijery /miresaka mivantana amin'ny mpisehatra eo amin’ny tsena toy ny mpividy, mpanelanelana, mpanjifa sy ny sisa. Izany no antony lehibe tokony hanaovan’ny mpamokatra ny fanadihadiana ny tsena samirery.

Ny tanjon'ity fanadihadiana ny tsena manaraka ny Fomba Fiasa SHEP ity dia ny hahita ny fahalalana lalina mahakasika ny tsena, izay mifanaraka sy mahasoa ireo mpamokatra kendrena. Amin'ny teny hafa, ny fanadihadiana ny tsena manaraka ny Fomba Fiasa SHEP dia mampiasa sy mizara ny fahalalana lalina ananan’ireo mpamokatra amin'ny fahalalàna lalina mahakasika ny tsena. Ireo karazana fahalalana roa ireo tokoa dia hitambatra sy hiova ho fahalalana vaovao rehefa manadihady ny tsena.

Ireto misy fanehoan-kevitra vitsivitsy avy amin'ireo mpamokatra vitsivitsy izay nanatanteraka tamim-pahombiazana ny fanadihadiana ny tsena rehefa nanaraka ireo fitsipika telo:

- Tonga saina izahay fa tokony hangady ny karaoty mialoha ny fotoana mahazatra. Tsara kokoa ny tsirony sy ny vidin’ny karaoty kely raha oharina amin’ ny karaoty lehibe.
- Tsapanay fa tokony hangady ny karaoty maraina be vao mangiran-dratsy izahay. Maharitra kokoa ny karaoty rehefa hangadiana toy izany. Vonona ny mpividy hanjifa ny karoty toy izany ary hanome anay vidiny tsara kokoa.


Sary:Kenya


- Tsapanay fa tsy mahafaty antoka kokoa ny mamatsy tsikelikely ny tsena amin’ny fomba maharitra toy izay mitondra vokatra be dia be indray mandeha.
- Resy lahatra izahay fa ny masomboly voamarina sy ny masomboly safiotra dia ahazoana legioma tsara kalitao kokoa. Midika izany fa afaka mivarotra azy amin'ny vidiny tsara kokoa izahay.
- Azonay tsara ny maha zavadehibe ny fotoana famafazana. Tokony hamafy amin’ny fotoana mety na mampiasa masomboly karazany fohy tsingerim-piaina izahay mba hahafahana mahazo vokatra amin’ny volana maha betsaka mpitady azy.
- Nahita izahay fa eo amin'ny tsena ambongadiny dia nisy karazana laisoa be mpitia satria azo tehirizina maharitra. Etsy andanin’izany kosa anefa, misy karazana laisoa izay mamy sy matsiro, azo atao salady tian’ny mpividy eny amin’ny tsena atsinjarany na dia tsy azo tehirizina ela loatra aza.
- Nihaona tamin’ny mpanelanelana iray izahay nandritra ny fanadihadiana ny tsena. Lasa fantatray ny haben’ny ovy tiany. Taorian'izay, nanomboka tonga teo amin'ny tanimbolinay matetika ilay mpanelanelana mba hividy ovy amin’ny vidiny lafo kokoa.
- Nandritra ny fanadihadiana ny tsena, dia nahatsapa izahay fa eo amin'ny vokatra akondro isankarazany, ny biskia akondro no tena malaza eo amin’io toerana io. Taorian’izay dia namokatra fonosana bisky akondro kely izay tsy mbola hita eny an-tsena izahay. Lasa io fonosana bisky io no


Sary:Kenya

vokatra be mpividy indrindra tao amin'ny tsenambarotr'ilay vondrona misy anay ary betsaka ny ankizy tena tia azy.

- Nilaza taminay ny mpaninjara fa tsy te-hividy vokatra avy amin'ny mpamokatra madinika ry zareo satria tsy nanampy azy hamatratra ny vokatra rehefa handeha hividy azy eny an-tanimboly. Etsy ankilany, ny mpamokatra salasalany sy matanjaka dia manana olona foana manampy azy ireo. Rehefa avy naheno io tantara io izahay, dia nataonay azo antoka fa misy mpikambana maro ao amin'ny vondrona hanampy ny mpaninjara rehefa mamatratra entana. Mividy vokatra aty aminay ankehitriny ny mpaninjara.

Ho an'ny sasany, izay azon'ireo mpamokatra nandritra ny fanadihadiana ny tsena, araka ny voalaza etsy ambony, dia mety ho toa tsy misy dikany. Na izany aza, raha mandinika akaiky ireo karazana angonkevitra ianao, dia fantatrao fa afaka ampiasainao (1) avy hatrany izany (2) tsy mila asa fanampiny. Ireny karazana fanazavana ireny no mitarika mankany amin'ny fahombiazann'ny fandraharahan'ny mpamokatra. Ireny fahombiazana madinika ireny no mitambatambatra ary manampy amin'ny fanatrarana tanjona lehibe kokoa rehefa mandeha ny fotoana.



# Fitaovana ahitana ny fanontaniana hanadihadiana ny tsena

Daty:
Anaran'ny Distrika: Anaran'ny kaominina:
Anaran'ny vondrona mpamokatra:
Fanadihadiana ny tsena notontosain'i (anaran'ny solontenan'ny mpamokatra)

| Anarana sy laharana finday an'ny mpivarotra | Vokatra varotany sy karazany | Filàna eo amin'ny kalitao takian'ny tsena | Fotoana maha ambony ny filàna ara-bokatra (volana) | Vokatra lafo (isanandro, herinandro) | Vidiny hakana azy isaky ny kilao | Fomba fandoavana ny vidim-bokatra | Fotoana fandoavana ny vidim-bokatra | Olana hita mandritra ny famarotana | Fahavononan'ny mpivarotra hividy ny entan'ny vondrona |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | |

<Ohatra>

# Fitaovana ahitana ny fanontaniana hanadihadiana ny tsena

Daty:/ /

Anaran'ny Distrika: Anaran'ny kaominina:

Anaran'ny vondrona mpamokatra:

Fanadihadiana ny tsena notontosain'i (anaran'ny solontenan'ny mpamokatra)

| Anarana sy laharana finday an'ny mpivarotra | Vokatra varotany sy karazany | Filàna eo amin'ny kalitao takian'ny tsena | Fotoana maha ambony ny filàna ara-bokatra (volana) | Vokatra lafo (isanandro, herinandro) | Vidiny hakana azy isaky ny kilao | Fomba fandoavana ny vidim-bokatra | Fotoana fandoavana ny vidim-bokatra | Olana hita mandritra ny famarotana | Fahavonona n'ny mpivarotra hividy ny entan'ny vondrona |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Atoa. S. K. Mwai (0722-xxxxxx) | Voatabia (tsy mifidy karazany) | - habeny antonony<br>- masao | Marsa, avrily, ary May | 1,000 Kilao/herinandro | 1 dolara | Lelavola | Lelavola rehefa tong any entana | Fitoeram-bokatra tsy manarapenitra | Vonona |
| Rtoa. J. O. Ouma (0736-xxxxxx) | Voatabia (calj) | - habeny lehibe<br>- masao | Februoary sy marsa | 2,500 Kilao/herinandro | 1.20 dolara | Seky | Roa herinandro aorian'ny fahatongavan'ny entana | Fitoeram-bokatra tsy manarapenitra | Vonona |
| Rtoa. O. J. Aduu (0720-xxxxxx) | Voatabia (calj) | - habeny antonony<br>- masao | Desambra sy janoary | 2,500 Kilao/herinandro | 1.15 dolara | Lelavola | Herinandro aorian'ny fahatongavan'ny entana | Tsy misy | Tsy vonona |

# 3. Dingana faha 3 – Mandray fanapahankevitra ny mpamokatra

Rehefa avy nahita ireo karazana fandraharahana misy tao amin'ny dingana faha-2 ny mpamokatra, dia miditra amin'ny dingana manaraka, ny dingana faha-3, izay handraisany fanapahankevitra lehibe mahakasika ny asa famokarana legioma sy voankazo. Ny fanapahakevitra dia mahakasika ny drafitra hanatanterahana ny famokarana, karazany hovolena, fotoana famokarana, ny habetsahan'ny vokatra, ny hatsaran'ny vokatra, sns. Miorina amin'ny marimaritra iraisan'ny vondrona ny fanapahakevitra ary handinika sy hanapaka ireo asa iombonana hanamorana ny famokarana sy ny famarotana ny vokatra ny mpikambana ao anatin'ny vondrona. Ny andraikitra sahanin'ny tomponandraikitra mpampiofana ny SHEP dia tsy mandray fanapahankevitra ho an'ny mpamokatra, fa manampy azy ireo kosa handray fanapahakevitra tsara amin'ny fanomezana azy ireo torohevitra mifanaraka amin'ny tokony ho izy sy fahalalana manokana mahakasika ny famokarana.

## 3.1. Fisafidianana ny fihariana

| Dingana 4 | Fampiharana |
|---|---|
| 1. Fizarana ny tanjona miaraka amin'ny mpamokatra | Atrikasa fanentanana |
| 2 Fanampiana ireo mpamokatra hahazo ny zavamisy (fahatongavantsaina) | -Fanadihadiana fototra andraisan'ny rehetra anjara<br>- Fihaonan'ny mpiaramiombonantoka (tsy voatery)<br>-Fanadihadiana ny tsena |
| 3. Fandraisan'ny mpamokatra fanapahankevitra | -Fisafidianana ny fihariana ← Eto isika izao.<br>- Fandrafetana ny tetiandrompamokarana |
| 4. Fampitomboan'ny mpamokatra ny fahaizamanao. | Fiofanana eny ifotony |
| Fanarahamaso (ahitana ny fanadihadiana farany andraisan'ny rehetra anjara) | |

### MANINONA? – Tanjona

Ny fisafidianana ny fihariana dia atao amin'izay ahafahan'ny vondrona mpamokatra mamantatra miaraka ny karazana fihariana manokana tadiavin'ny tsena. Ny mpamokatra amin'ny maha vondrona azy dia mifanaraka hamokatra sy hivarotra ny fihariana nosafidiany.

### INONA ?- Famaritana

Ny vondrona mpamokatra dia misafidy ireo voly legioma sy voankazo hovolena arakaraka izay hitan'izy ireo tamin'ny fanadihadiana ny tsena. Ny vondrona dia mifampiresaka ireo voly tian'izy ireo ary mametraka marimaritra iraisana amin'izay voly hovolen'izy ireo anaty vondrona. Amin'ny maha matihanina ny mpampiofana amin'ny famokarana dia manoro hevitra ny vondrona izy mandritra ny dingana fisafidianana ny fihariana.

.

## AHOANA ? – Tetikady hanatanterahana azy

- Ny vondron'ny mpamokatra dia mifanakalo hevitra mahakasika ireo soa fanararaotra manoloana azy ireo ary **mandray fanapahankevitra mahakasika ireo voly hovokarina miorina amin'ireo fampiharana SHEP efa notanterahina, indrindra ny fanadihadiana ny tsena**.
- Ny mpampiofana dia **manome torohevitra sy sosokevitra ilaina, indrindra mahakasika ny fahafahan'ireo voly hiaina mifanaraka amin'ny tontolo manodidina,** ahafahan'ireo mpamokatra maka fanapahankevitra feno ny amin'ny voly hovokarina

**Mampiakatra risipo**



Nahazo fanazavana tena ilaina izahay nandritra ny fanadihadiana ny tsena. Faly izahay hisafidy ny amin'izay mety ho voly tsara indrindra ho ambolena.

Tohana amin'ny fahatsapana ho mahaleo tena



Afaka misafidy ny voly kendrena mety indrindra izahay satria ny mpampiofana mpiara-miasa aminay dia nanome angonkevitra siantifika izay tsy fantatray. Faly izahay mahazo torohevitra toy izany.

Tohana amin'ny fahaizamanao sy ny fahatsapana fa ilaina

## DINGANA - Ireo fomba fampiharana azy (Fotoana ilaina: 2-3 ora)

1. Manomàna fivoriana ary omeo fanasana izy ireo, raha mety dia, ireo mpikambana sy ny vadiny raha toa ka tena liana amin'ny famokarana legioma sy voankazo izy ireo. Tetikady! *Ny fanasana ny vadin'ny mpikambana dia manamora ny fandraisana fanapahankevitra mahomby satria ny vady ihany koa dia manana ny heviny manokana amin'ny fitantanana ny famokarana legioma.*
2. Angataho ny vondron'ny mpamokatra hifanakalo hevitra mikasika ny vokatra azo tamin'ny fanadihadiana ny tsena ary hampiditra ireo angonkevitra ilaina mahakasika ny voly hita fa mandeha ao amin'ny fafana fisafidianana ny voly hovokarina. Tetikady! *Ahafahana mameno ilay fafana, ny mpamokatra dia mety mila mijery ny vokatry ny fanadihadiana ny tsena sy ny fanadihadiana fototra. Omeo azy ireo izay tsara ho fantany mandritra ny fisafidianana ny voly hovokarina.*
3. Ny vondrona mpamokatra dia mifampiresaka ny tombotsoa sy ny tsy maha mety ny safidy mahakasika ireo lisitry ny voly izay hovokarina. Ireo voly hosafidiana dia tokony ho mora hambolena ary mifanaraka amin'ny zavamisy eo antoerana, tsy be masonkarena ary manana filàna ara-teknika mifanaraka amin'ny zavamisy. Tetikady! *Ny mpampiofana dia tokony hanome torohevitra mifanaraka amin'ny famokarana sy ny olana teknika mba tsy ahatonga ny mpamokatra hisafidy fotsiny ny voly araka ny tombombarotra mety ho azo.*

4. Ny mpikambana ao amin'ny vondrona tsirairay avy dia mifidy ny voly tiany kokoa amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina – soratana anaty taratasy ny safidy voalohany. Ny maro an'isa, izay tsara kokoa raha mihoatra ny 70 isan-jaton'ny mpikambana amin'ny vondrona, dia tokony handray anjara amin'ireo dingana ireo ahatongavana amin'ny marimaritra iraisana eo anivon'ny mpikambana. Manaraka izany, ho an'ny voly faharoa, averina ireo dingana teo aloha. Alahatra arakarak'ireo vokapifidianana ireo voly ary misafidy voly hovokarina roa na telo. *Tetikady!* *Ny mpampiofana dia manamarina fa ireo mpikambana manandanja kokoa eo anivon'ny vondrona, toy ny filohambondrona, ny zokiolona, na ireo mpikambana nahita fianarana, dia tsy tokony hanohintohina ny fanapahankevitry ny vondrona.*

Maninona isika tsy misafidy fotsiny ireto voly ireto satria ireo no ahazoana tombony betsaka indrindra?



Sary:Malawi

Andraso! Fantatrao ve fa tsy mitombo tsara io voly io rehefa mafana ny andro? Nahita mpamokatra maro ihany koa aho amin'ity faritra ity izay tratry ny katsentsitry ny vokatra. Mampidi-doza loatra ny misafidy ireo voly roa ireo.

## FITAOVANA - Fafana ahitana ireo fanontaniana isafidianana ny fihariana

Indro ny fafana mifandraika amin’ny fisafidianana ny voly hovokarina. Ny isan’ny voly/karazany ho hadihadiana dia miankina amin’ny vokatry ny fanadihadiana ny tsena. Na izany aza, mila lanjalanjaina ny fotoana. Mety mila fotoana betsaka ny fandinihana ny voly rehetra nohadihadian’ny mpamokatra tamin’ny fanadihadiana ny tsena. Raha toa ka mitranga izany dia ireo voly mety hahazoana tombony kokoa no fakafakao lalindalina kokoa.

| Voly/ Karazany | Ohanina eto an-toerana na tsia | Traikefa amin’ny famokarana azy | Volana fanetsana/fotoana fiakaram-bokatra | Olana lehibe eo amin’ny famokarana | Salam-bokatra lafo/ ha (kilao) | Salam-bidy ividianana (dolara/ kilao) | Totalin’ny vola miditra / ha (dolara) | Masokarena/ ha (ha) | Tombony afakaratsaka vinavinaina isaky ny ha (dolara) | Tsena lehibe | Filàn’ny tsena (kalitao /habetsany) | Fanamarihana | Filaharana |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | | |

## HAIVAO – fitondrana fiovàna hifanaraka amin’ny zavamisy any amin’ny firenena/faritra samihafa

Ireto ambany ireto ny ohatra sasantsasany amin'ny fitondrana fiovàna hifanaraka amin’ny zavamisy any amin’ny firenena/faritra samihafa tamin'ny fisafidianana ireo voly hovokarina.

Efajoro 15Misafidy fihariana roa ho an’ny vanimpotoana roa samy hafa

**Misafidy fihariana roa ho an’ny vanimpotoana roa samy hafa (Roanda)**

< Maninona?> Manana vanimpotoana roa lehibe amin'ny famokarana legioma i Rwanda ary ny voly ambolena isaky ny vanimpotoana dia tena samy hafa.

< Ahoana?> Niangavy ireo mpamokatra ireo tomponandraikitra hisafidy ireo voly kendrena isaky ny vanimpotoana.



Sary:Rwanda

< Vokatra?> Afaka nisafidy ny voly tsara indrindra hambolena isaky ny vanimpotoana ny mpamokatra. Afaka manomana ary mampirindra tsara kokoa ny famokarana noho ny teo aloha izy ireo izao.

Efajoro 16Fandrafetana tetibolampamokarana

**Fandrafetana tetibolampamokarana (Palestine)**

< Maninona?> Mba hisafidianana tsara ny voly hovokarina, ny mpamokatra dia naniry ny handinika amin'ny antsipiriany ny tombombarotra amin'ny voly sasany tena mandeha.

< Ahoana?> Ny vondron’ny mpamokatra, tohanan’ny mpampiofana, dia nikajy ny vola miditra sy ny fandaniana tamin’ny famokarana sasany arakaraky ny fahafahan’ny mpamokatra manoratra sy mikajy. Afaka nandrafitra tetibolampamokarana izy ireo ary namakafaka ny tombony mety ho azo.



Sary:Palestine

< Vokatra?> Lasa natoky tena kokoa ny mpamokatra tamin’ny fisafidianana ny vokatra mety tsara. Nampitombo ny fahaizan’ny mpamokatra amin’ny fitantanana ny fandraharany ihany koa ny fanaovana kajy.

## IREO TSARA TADIDIANA - Ireo hevitra mila hamafisina aorian’ny fampiharana

- ❑ Ny mpamokatra kendrena dia mahazo tsara ny fomba fisafidianana ny voly hovokarina.
- ❑ Ny mpamokatra kendrena dia tokony hahatsapa fa tsy ny fahazoana tombombarotra ihany no tokony ho raisina amin’ny fisafidianana ireo voly ho vokarina fa eo koa ny fepetra eo amin’ny famokarana sy ny tontolo iainaina toy ny fahaizamanao teknika sy ny fahafahana ara-bola.
- ❑ Ny mpamokatra kendrena dia mifanaraka fa ho ataon’izy ireo fahazarana ny hisafidy samirery izay hovokariny amin’ny ho avy.
- ❑ Mifandanja ny isan’ny lahy sy ny vavy. Azo antoka ny kalitaon’ny fandraisana anjaran’ny lahy sy ny vavy.
- ❑ (tsy voatery) Ny vadin’ny mpikambana dia afaka handray anjara amin’ny fanapahankevitra.

## FAMAHANA NY OLANA - Vahaolana ho an’ny olana mateti-pitranga

F:**Fitovian’ny vato** – Inona ny tokony ataoko raha mitovy ny vato azon’ny voly hovokarina samihafa?

V: Mangataka amin’ireo mpamokatra mba hamerina hifidy indray. Amin’izay, tsy hifidy afa-tsy ireo voly nahazo vato mitovy izy ireo.

F: **Miasa saina amin’ny tolotra mihoatra**.- Matahotra aho fa ny fisafidianana voly hovokarina 2 na 3 dia hampitobaka ny vokatra eny an-tsena anatiny, izay mampidina ny vidiny amin’ny farany.

V: Mandritra ny fanadihadiana ny tsena, dia manangona izay tsara ho fantatra amin’ny habetsaky ny vokatra mety ho lafo eny amin’ny tsena nokendrena ny mpamokatra.

Vokatr’izany, dia tokony hahalala ny fotoana mety mampitobaka ny vokatra izy ireo. Ny fisafidianana ny voly hovokarina vitsivitsy dia tsy mahatototra loatra ny tsena eo antoerana rehefa mahalala ny fotoana sy ny habetsahan’ny vokatra tokony ho amidy eny antsena ny mpamokatra.

F: **Vokatra tsy voasafidy** – Nanontany ahy ny mpamokatra raha afaka mamokatra ireo voly tsy voasafidin’ny vondrona izy ireo. Inona ny tokony ho avaliko.

V: Ny fisafidianana ny voly hovokarina dia midika fa afaka omen’ny mpampiofana fahalalana betsaka

mahakasika ny famokarana ireo voly ireo ny mpamokatra. Ny vondron'ny mpamokatra dia afaka mamaritra varotra iombonana ho an'ireo voly voasafidy. Etsy andaniny, ny mpamokatra dia malalaka amin'ny famokarana hafa araka izay tiany. Raha izay anefa no mitranga dia mety sarotsarotra ny mahazo fiofanana manokana sy fahafahana mamolavolava drafi-pamokarana ho an'ireo voly ireo.

# Fafana ahitana ireo fanontaniana isafidianana ny fihariana

Daty:/ /
Anaran'ny Distrika: Anaran'ny kaominina:
Anaran'ny vondrona mpamokatra:

| Voly/ Karazany | Jifaina eto an-toerana na tsia | Traikefa amin'ny famokarana azy | Volana famafazana /fotoana fiakaram-bokatra | Olana lehibe eo amin'ny famokarana | Salam-bokatra lafo/ ha (kilao) | Salam-bidy ividianana (dolara/kilao) | Totalin'ny vola miditra/ ha (Ariary) | Masokarena/ ha (ha) | Tombony afakaratsaka vinavinaina isaky ny ha (Ariary) | Tsena lehibe | Filàn'ny tsena (kalitao/habetsany) | Fanamarihana | Filaharana |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | | |
| | | | | | | | | | | | | | |

# Fisafidianana fihariana

<Ohatra>

Daty:/ /

Anaran'ny Distrika: Anaran'ny kaominina:

Anaran'ny vondrona mpamokatra:

| Voly/ Karazany | Jifaina eto an-toera na na tsia | Traikefa amin'ny famokarana azy | Volana famafazana /fotoana fiakaram-bokatra | Olana lehibe eo amin'ny famokarana | Salam-bokatra lafo/ ha (kilao) | Salam-bidy ividianana (dolara/kilao) | Totalin'ny vola miditra/ ha (Ariary) | Masokarena/ ha (ha) | Tombony afakaratsaka vinavinaina isaky ny ha (Ariary) | Tsena lehibe | Filàn'ny tsena (kalitao/habetsany) | Fanamarihana | Filaharana |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Karoty/ Nantes | Eny | Eny | Marsa sy Jolay/ 3volana | Lalitra manimba karaoty (bibikely manimba faka) | 10,000 | 0.20 | 2,000 | 825 | 1,175 | Tsena X Tsena Y | Tsena X: 300 kilao rehefa alakamisy Tsena Y:200kg rehefa alatsinainy | Ny karoty kely no afaka amidy eo amin'ny tanàna. Mahatohitra aretina | 3 |
| Épinard /Cornet | Eny | Eny | Marsa/ 3 volana | Masombo ly lafo vidy | 22,500 | 0.15 | 3,375 | 1,000 | 2,375 | Tsena Y Mpaninjara Z | Tsena Y: 500 kilao rehefa alatsinainy Mpaninjara Z:100 kilao rehefa alarobia | Ny mpaninjara Z tonga eny an-tanimboly | 1 |
| Tongolo maitso/ White Lisbon | Eny | Eny | Febroary sy jona/ 1 volana | Tsy misy | 5,000 | 0.10 | 500 | 75 | 425 | Tsena X Tsena Y | Tsena X: 600 kilao rehefa alakamisy Tsena Y:400kg rehefa alatsinainy | Mora ambolena | |
| Laisoa ngita/ Thousand Head | Eny | Eny | Marsa/ 3 volana | Pourriture noire | 20,000 | 0.15 | 3,000 | 1,000 | 2,000 | Tsena X Tsena Y | Tsena X: 600 kilao rehefa alakamisy Tsena Y:200kg rehefa alatsinainy | Afaka amidy eo an-tanàna | 2 |
| | | | | | | | | | | | | | |

## 3.2. Fandrafetana ny tetiandrompamokarana

| Dingana 4 | Fampiharana |
|---|---|
| 1. Fizarana ny tanjona miaraka amin'ny mpamokatra | Atrikasa fanentanana |
| 2 Fanampiana ireo mpamokatra hahazo ny zavamisy (fahatongavantsaina) | -Fanadihadiana fototra andraisan'ny rehetra anjara<br>- Fihaonan'ny mpiaramiombonantoka (tsy voatery)<br>-Fanadihadiana ny tsena |
| 3. Fandraisan'ny mpamokatra fanapahankevitra | -Fisafidianana ny fihariana<br>- Fandrafetana ny tetiandrompamokarana ⇐ Eto isika izao. |
| 4. Fampitomboan'ny mpamokatra ny fahaizamanao. | Fiofanana eny ifotony |
| Fanarahamaso (ahitana ny fanadihadiana farany andraisan'ny rehetra anjara) | |

### MANINONA? – Tanjona

Ny fandrafetana tetiandrompamokarana dia ahafahan'ny vondron'ny mpamokatra mandrafitra ireo asa ho avy amin'ny maha vondrona azy ireo mifandraika amin'ny famokarana sy famarotana ireo voly nosafidiana hovokarina.

### INONA ?- Famaritana

Ny vondron'ny mpamokatra dia mamolavola drafi-pamokarana sy famarotana ao anatin'ny taona amin'ny mahavondrona azy ireo ka mifantoka amin'ireo voly hovokarina nosafidiany nandritra ny asa fampiharana teo aloha. Ny drafitra dia ahitana asa iombonana ho an'ny famokarana, famarotana ny vokatra sy ny asam-bondrona hafa izay manamora ny asampamokarana ataon'ny vondrona.

### AHOANA? –

### Tetikady hanatanterahana azy

- Ny vondron'ny mpamokatra dia mifampidinika sy manapaka izay fomba mahomby indrindra hanatanterahana ny asa amin'ny fomba maharitra amin'ny alalan'ny famolavolana drafi-pamokarana sy famarotana manokana ho an'ny voly hovokarina mandritra ny taona . Ny drafitra dia ahitana ihany koa asa hafa ho atao amin'ny maha vondrona, mba hampitomboana kokoa ny vola miditra amin'ny famokarana legioma sy voankazo (**Erreur ! Source du renvoi introuvable.**).
- Ataon'ny mpampiofana azo antoka fa mifanaraka amin'ny zavamisy iainan'ny mpamokatra sy azo

**Mampiakatra risipo**



Ankehitriny dia tapakevitra ny hamokatra ny voly kendrena izahay. Afaka mamolavola drafi-pamokarana sy asam-barotra isankarazany izahay amin'ny maha vondrona anay.


Tohana amin'ny fahatsapana fa mahaleo tena



Manome torohevitra mahakasika ny fanaovana drafitra azo tanterahina ny mpampiofana miaramiasa aminay. Mahatoky azy izahay satria ilaina ny toroheviny. Afaka manao drafitra tsara isika.

Tohana amin'ny fahaizamanao sy ny fahatsapana fa ilaina


tanterahina tsara ilay drafitra.




Kisary 7 Ireo asa mila atao ao amin'ny tetiandrompamokarana

## DINGANA - Ireo fomba fampiharana azy (Fotoana ilaina: 2-3 ora)

1. Araky ny modelin'ny tetiandrompamokarana, dia manapakevitra aloha ny vondron'ny mpamokatra hoe inona ny fiovàna tiany entina amin'ireo voly hovokarina. Ny fanovàna eo amin'ny famokarana sy famarotana dia mahakasika ny fanovàna na fanatsarana ny fambolena, ny karazam-boly, ny kalitao, ny habetsany, ny fotoana fiakaran'ny vokatra, ny mpividy, sy ny hafa toy ny famonosana.
2. Rehefa avy nanapaka ny fanovàna tiana hatao ny vondron'ny mpamokatra dia mamolavola drafitra mandritra ny taona izay mamaritra ireo asa ho tanterahana isam-bolana eo amin'ny (1) famokarana, (2) famarotana sy fitantanana ny varotra ary (3) ireo asa hafa ataon'ny vondrona mahakasika ny voly hovokarina. *Tetikady!Ny mpampiofana dia manampy ireo vondron'ny mpamokatra hitadidy ireo zavatra hay nandritra ireo fampiharana SHEP teo aloha toy ny fahazoana ny zavamisy eo amin'ny tsena, ny fitanana antsoratra, sns. Afaka mampiasa ireo fahalalana ireo izy ireo handrafetana asa azo tanterahana avy hatrany.*




## Tsy fanasiana elanelana eo amin'ny mpisehatry ny tsena



Nanapa-kevitra ny hanelanelana ny tetiandrompamokarana eo amin'ny samy mpikambana izahay. Afaka mamatsy tsy tapaka tongolobe ny tsena amin'izay fotoana izay ny vondrona misy anay.

Mety ho tsara raha toa ka afaka mamatsy tongolobe mandritra ny taona ireo mpamokatra eny ifotony




Mpisehatra eo ami'ny tsena

Mpamokatra

Tany amboalohany, dia namafy masomboly karazany nentimpaharazana fotsiny izahay. Kanefa ankehitriny ny vondrona misy anay dia hanandrana ity karazany vaovao ity amina sehatra kely ho an'ny taom-pamokarana manaraka. Raha mandeha tsara izany, dia afaka manitatra ny faritra ambolena sy mamatsy masomboly bebe kokoa ny tsena izahay

Ity karazana ity dia mandeha kokoa noho ny karazany nentimpaharazana. Saingy ny mpamokatra azy dia tsy dia betsaka. Tsy maintsy mitady maro an'izany hatrany isika.

## FITAOVANA – Tetiandrompamokarana

Hitantsika eo ambany ny fitaovana handrafetana ny tetiandrompamokarana. Voalohany, ny vondrona dia manapaka izay tiany hovaina sy hatsaraina ary manamarika ny efajoro mifanaraka amin'izany eo amin'ny andalana voalohany amin'ity fitaovana fandrafetana tetiandrompamokarana ity. Avy eo, manoratra ireo asa manokana tokony ho atao isambolana izy ireo eo amin'ny famokarana sy famarotana ny voly hovokarina. Mamantatra izay asa rehetra tokony ho ataon'ny vondrona izy ireo ka manampy amin'ny famokarana sy famarotana ny voly hovokarina. Raha toa ka nikendry ny hamokatra voly mihoatra ny telo ny vondrona dia manampy laharana mitsivalana ahafahana manoratra ny voly rehetra izay mbola kendrena hovokarina.

**Manatsara sy/na manova izahay □Voly/Karazany, □Kalitao, □Habetsany, □Fotoana fiakaran'ny vokatra, □ Mpividy, □Hafa (soratana: ).**

| | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | **Volana** | | | | | | | | | | | | |
| **Famokarana** | **Voly voalohany ( )** | | | | | | | | | | | | |
| | **Voly faharoa ( )** | | | | | | | | | | | | |
| | **Voly fahatelo ( )** | | | | | | | | | | | | |
| **Varotra sy fitantanana ny fandraharahana** | | | | | | | | | | | | | |
| **Asan'ny vondrona/Hafa** | | | | | | | | | | | | | |

## IREO TSARA TADIDIANA - Ireo hevitra mila hamafisina aorian'ny fampiharana

- ❑ Ny mpamokatra kendrena dia mahay mandrafitra tetiandrompamokarana.
- ❑ Ny mpikambana tsirairay dia mahazo ny asa manokana sy ny andraikittra ho raisiny araka ny tetiandrompamokaran'ny vondrona.
- ❑ Ny vondrona kendrena dia manaiky handrafitra matetika samirery ny tetiandrompamokarana amin'ny ho avy.
- ❑ Mifandanja ny isan'ny lahy sy vavy.
- ❑ Azo antoka ny kalitaon'ny fandraisana anjaran'ny lehilahy sy ny vehivavy.
- ❑ (tsy voatery) Ny vadin'ireo mpikambana dia mandray anjara amin'ny fandraisana fanapahankevitra.

## HAIVAO – Fitondrana fiovàna hifanaraka amin'ny zavamisy any amin'ny firenena/faritra samihafa

Ireto ambany ireto misy ohatra vitsivitsy amin'ny fitondrana fiovàna hifanaraka amin'ny zavamisy any amin'ny firenena/faritra samihafa nandritra ny fandrafetana Tetiandrompamokarana.

Efajoro 17 Famolavolana ny fafana mahakasika ny fotoana mahabetsaka ny filàna

### Famolavolana ny fafana mahakasika ny fotoana mahabetsaka ny filàna (Tanzania)

< Maninona?> Mba hahatakarana ny fotoana hamokarana ny vokatra hahazoana vidiny tsara kokoa eny an-tsena, dia nandinika ny fiovaovan'ny vidin'ny vokatra tena mandeha isan-taona ny mpamokatra.

<Ahoana?> Ireo vondron'ny mpamokatra, notohanan'ny mpampiofana, dia namolavola tetiandro tsotra izay mampiseho ny volana mahatsara kokoa ny vidiny raha oharina amin'ny volana hafa. Nasongadin'izy ireo ny vanimpotoana mahabetsaka indrindra ny filàna/ mahatsara indrindra ny vidiny amin'ny tetiandro.

<Vokatra?> Tamin'ny fampirantiana an'io tetiandro io tao amin'ny biraon'ny fokontany iray, dia maro ny mpamokatra no afaka namaritra ny vokatra azo amidy mandritra ny herintaona, anisan'izany ny karazana voly hovokarina sy ny fotoana hiakaran'ny vokatra.

| JAN | FEV | MARS | AVR | MAY | JONA | JOLAY | AOG | SEPT | OKT | NOV | DES |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | karoty | karoty | | | | | | | | | |
| | broccoli | broccoli | | | | broccoli | broccoli | broccoli | broccoli | broccoli | broccoli |
| | soflera | soflera | | | | soflera | soflera | soflera | soflera | soflera | soflera |
| | salady | salady | salady | | | salady | salady | salady | salady | salady | salady |
| | korzety | korzety | | korzety | korzety | korzety | korzety | korzety | korzety | korzety | korzety |
| viazi | viazi | viazi | viazi | viazi | | | | | | | viazi |
| | voatabia | voatabia | voatabia | voatabia | voatabia | | | | | | |
| Pois mange-tout | Pois mange-tout | Pois mange-tout | Pois mange-tout | Pois mange-tout | Pois mange-tout | | | | | | Pois mange-tout |
| betiravy | betiravy | betiravy | betiravy | betiravy | | | | | | | |
| | | | poivrons | poivrons | poivrons | | | | | | |
| | | Haricot vert | Haricot vert | | | | Haricot vert | Haricot vert | | | |
| Poivrons mena | Poivrons mena | Poivrons mena | Poivrons mena | Poivrons mena | Poivrons mena | Poivrons | Poivrons | Poivrons | Poivrons | Poivrons | Poivrons mena |

| | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **sy mavo** | **sy mavo** | **sy mavo** | **sy mavo** | **sy mavo** | **sy mavo** | **mena sy mavo** | **mena sy mavo** | **mena sy mavo** | **mena sy mavo** | **mena sy mavo** | **sy mavo** |
| **Basilika sy solila** | **Basilika sy solila** | **Basilika sy solila** | **Basilika sy solila** | **Basilika sy solila** | **Basilika sy solila** | **Basilika sy solila** | **Basilika sy solila** | **Basilika sy solila** | **Basilika sy solila** | **Basilika sy solila** | **Basilika sy solila** |

Fafana mahakasika ny fotoana mahabetsaka ny filàna novolavolaina tao amin'ny Distrika Lozoto,Tanzania

Efajoro 18 Tetiandrompamokarana ho an'ny tanimbolin'ny vondrona sy an'olontokana

## Fandrafetana tetiandrompamokarana ho an'ny tanimbolin'ny vondrona sy an'olontokana

## (El Salvador sy Nepal)

< Maninona?> Ny vondron'ny mpamokatra any El Salvador sy Nepal dia samy nanana tanimbolin'ny vondrona sy an'olontokana ho an'ny famokarana legioma. Te hamolavola drafitra ho an'ireo tanimboly roa ireo ny mpamokatra.

<Ahoana?> Karazana tetiandrompamokarana roa no narafitr'ireo mpamokatra: ny iray ho an'ny tanimbolin'ny vondrona, ny iray ho an'ny tanimboly an'olontokana.



Sary:Nepal

<Vokatra?> Afaka nandamina sy nanatanteraka ny asa famokarana tamin'ny fomba mahomby ireo mpamokatra tamin'ny fampiasana ireo karazana tetiandrompamokarana roa ireo.

## FAMAHANA NY OLANA - Vahaolana ho an'ny olana mateti-pitranga

F: **Filàna hamokatra amin'ny fotoana iray?** –Ny fandrafetana tetiandrompamokarana ve midika fa ny mpikambana rehetra ao amin'ny vondrona dia tokony hanao drafitra amin'ny voly mitovy amin'ny fotoana iray?

V: Tsy voatery. Ny vondrona, ohatra, dia afaka manaiky ny hanelanelana ny fotoana famafazan'ny mpikambana ahafahan'izy ireo mahazo vokatra mitovy habetsaka hatrany mandritra ny fotoana maharitra. Io fanaovana drafitra io dia tokony ataon'ny mpikambana ao amin'ny vondrona mandritra ny fandrafetana ny tetiandrompamokarana ahafahan'izy ireo manome fahafahampo bebe kokoa ny tsena kendrena.

F: **Efa dila ny fotoam-pamafazana**. Raha mandrafitra ny tetiandrompamokarana ny mpamokatra nefa ny fotoam-pamafazana ny voly hovokarina sasany efa dila, inona no tokony ho teneniko ny mpamokatra mahakasika izay tokony hataony?

V: Ny tsara indrindra dia mandrafitra ny tetiandrompamokarana alohan'ny vanimpotoampamokarana. Na izany aza, mety tsy ho azo atao izany nohon'ny antony ara-panjakana na ara-teknika isankarazany. Hamporisihina ny mpamokatra hamboly amin'ny fotoampambolena manaraka raha toa ka tsy tratra intsony. Ataovy azo antoka ny fanomezana fiofanana mahakasika ny teknika famokarana ara-potoana ho an'ireo voly rehetra nosafidiana.

# Tetiandrompamokarana

Daty:/ /
Anaran'ny Distrika: Anaran'ny kaominina:
Anaran'ny vondrona mpamokatra:

**Manatsara sy/na manova izahay □Voly/Karazany, □Kalitao, □Habetsany, □Fotoana fiakaran'ny vokatra, □ Mpividy, □Hafa (soratana :__________________________________________).**

| | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | **Volana** | | | | | | | | | | | | |
| **Famokarana** | **Voly voalohany ( )** | | | | | | | | | | | | |
| | **Voly faharoa ( )** | | | | | | | | | | | | |
| | **Voly fahatelo( )** | | | | | | | | | | | | |
| **Varotra sy fitantanana ny fandraharahana** | | | | | | | | | | | | | |
| **Asam-bondrona/ Hafa** | | | | | | | | | | | | | |

## <Ohatra>

# Tetiandrompamokarana

Daty:/ /
Anaran'ny Distrika: Anaran'ny kaominina:
Anaran'ny vondrona mpamokatra:

**Manatsara sy/na manova izahay ❑ Voly/Karazany X, ❑Kalitao X, ❑Habetsany, ❑ Fotoana fiakaran'ny X vokatra, ❑ Mpividy , ❑ Hafa (soratana:** Famonosana, fifampiraharahana mahomby kokoa eo amin'ny fametrahana ny vidim-bokatra **).**

| | Volana | Jol | Aog | Sep | Okt | Nov | Des | Jan | Feb | Mar | Apr | May | Jon |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **Famokarana** | **Voly voalohany** (Voatabia) | | Fanomanana tany ↔ (Aog–Sep); Taninketsa ↔ (Aog) | Fanetsana ↔ (Sep) | Zezika voalohany ↔ (Okt); Fiadiana @aretina sy bibikely ↔ (Okt–Des); Fiadiana @ahidratsy ↔ (Okt–Nov) | Zezika faharoa ↔ (Nov) | | Fiakarambokatra/Fanadiovana/ Fanasokajiana/ Famonosana | | | | | |
| | **Voly faharoa** (Laisoa) | | | | | | | | | | | | |
| | **Voly fahatelo** (Vomanga) | | | | | | | | | | | | |
| **Varotra sy fitantanana ny fandraharahana** | | Fanadihadiana ny tsena tany amin'ny tsena X sy tsena Y | Nanomboka nandray antsoratra noho izay antony izay | Mifandray matetika amin'izay mety ho mpividy ↔ (Sep–Nov) | | | Mikarakara fitaterana; Fivarotana miaraka ↔ (Des–Jan) | Famakafakana ny tombony | | | | | |

| | | | | | | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| **Asam-bondrona/ Hafa** | Manovany tany nambolena katsakamba hambolena legioma | Fividianana miaraka ny masomboly sy zezika | Fanadiovana ny lakandrano | | | Manangona ny latsakemboka ao amin'ny fikambanana | | | | | | | |

# 4. Dingana faha 4 – Mahazo fahaizamanao ny mpamokatra

Ny dingana faha 4 no dingana farany izay ahazoan'ny mpamokatra fahalalana sy fahaizamanao ampy hamokarana ny voly izay ilain'ny tsena. Amin'io dingana io, ny mpamokatra dia tena manana fahavononana hahazo fahalalana sy handranto fahaizana vaovao satria efa resy lahatra ny amin'ny lalambarotra ho an'ireo voly hovokarina efa nosafidiana. Ny votoatin'ny fiofanana teknika dia tokony hifanaraka amin'ny filàn'ny mpamokatra ahafahan'izy ireo mandray sy mampihatra avy hatrany ireo haitaom-pambolena. Raha adika amin'ny fomba hafa izany, ny fanalahidin'ny fahombiazana dia ny fiofanana miompana bebe kokoa amin'ny tinady fa tsy amin'ny tolotra.

## 4.1. Fiofanana eny ifotony

| Dingana 4 | Fampiharana |
|---|---|
| 1. Fizarana ny tanjona miaraka amin'ny mpamokatra | Atrikasa fanentanana |
| 2 Fanampiana ireo mpamokatra hahazo ny zavamisy (fahatongavantsaina) | -Fanadihadiana fototra andraisan'ny rehetra anjara<br>- Fihaonan'ny mpiaramiombonantoka (tsy voatery)<br>-Fanadihadiana ny tsena |
| 3. Fandraisan'ny mpamokatra fanapahankevitra | -Fisafidianana ny fihariana<br>- Fandrafetana ny tetiandrompamokarana |
| 4. Fampitomboan'ny mpamokatra ny fahaizamanao. | Fiofanana eny ifotony<br>Eto isika izao. |
| Fanarahamaso (ahitana ny fanadihadiana farany andraisan'ny rehetra anjara) | |

### MANINONA? – Tanjona

Ny fiofanana eny ifotony dia natao hanapariahana ny fahaizamanao sy ny fahalalana ilaina amin'ny famokarana ireo voly hovokarina izay nosafidian'ny mpamokatra. **Fiofanana mitodika amin'ny tinady.**


### INONA ?- Famaritana


Ny mpampiofana dia mikarakara fotoampiofanana ahazoan'ireo mpamokatra kendrena fahaizamanao, teknika, sy fahalalana ilaina amin'ny famokarana voly nokendreny hovokarina. Ny fiofanana dia tokony hiompana amin'ny fampiharana izay atao eny antanimbolin'ny mpamokatra na eny amin'ny manodidina miaraka amin'ny fampisehoana sy fampiharana ampy tsara.

**AHOANA ?** -

## Tetikady hanatanterahana azy

- Tokony hamaly ny filàn'ny mpamokatra ny fiofanana. Mandany fotoana kokoa raha mila fanazavana misimisy kokoa ny mpamokatra ary fotoana fohy raha hain'ny mpamokatra ny zavatra resahana.
- Ny fiofanana dia tokony hampiasa fitaovana mora azo toy ny flipcharts, petadrindrina, taratasy mivalona mahakasika ny famokarana (dépliants), sns.
- Ny taham-pampiharana ny haitaompamokarana vaovao azo avy amin'ny fiofanana miompana amin'ny tinady dia tokony hanatombo raha oharina amin'ny fiofanana miompana amin'ny tolotra. (**Erreur ! Source du renvoi introuvable.**8).




Kisary 8 Fampitahana ny Fiofanana mitodika amin'ny tolotra sy ny tinady

**DINGANA - Ireo fomba fampiharana azy (Fotoana ilaina: 6-7 ora[3])**

1. (Fanomanana) Ny mpampiofana dia tokony ho ampy fitaovana sy fahalalana ary fahaizamanao hampianarana ireo mpamokatra. Raha toa ka mila fiofanana fanampiny izy ireo, dia tokony hikarakara fiofanana ho an'ny mpampiofana mialoha ny fanofanana mpamokatra ny tomponandraikitra mpanatanteraka.
2. Ny mpampiofana dia mandamina fiofanana ahitana famelabelarankevitra sy fampiharana ary

[3]Tsy hoe 6-7 ora ny fiofanana atao ao anatin'ny iray andro. Ny fotoam-piofanana fohy, toy ny fotoam-piofanana adiny iray, dia atao mandritra ny andro maromaro ary ny totalin'ny ora fanofanana dia lasa 6-7 ora.

fampisehoana isaky ny lohahevitra ny mpampiofana amin'ny alalan'ny fampiasana fitaovana enti-mampianatra mahomby. Tetikady! _Asaina ny vadin'ny mpamokatra mpikambana hamonjy fiofanana raha miara-mamboly legioma sy voankazo izy ireo._

3. Ny lohahevitry ny fiofanana dia tokony hifanaraka tsara amin'ny filàn'ny famokarana kendrena sy ny fahaizamanao tian'ny mpamokatra hampitomboina. Amin'ny ankapobeny, azo tsinjaraina ny lohahevitry ny fiofanana amin'ny sehatra telo samy hafa. (1) ny famokarana legioma sy voankazo amin'ny ankapobeny sy ny teknika fitaomana azy aorian'ny fiotazana, (2) ny teknika famokarana manokana ho an'ny voly, ary (3) ny fahaizamanao amin'ny fitantanana toy ny fitantanambola, ny fitanana antsoratra ny famokarana.

Tena mazoto mianatra sy mampihatra teknika vaovao aho satria haiko ny hivarotana ny vokatra.

Na dia tsy mahay mamaky teny sy manoratra aza aho, dia azoko mora foana ilay fiofanana satria azo ampiharina sy ahitana fanehoana maro.



Nentiko niaraka tamiko ny vadiko mba hanatrika ny fiofanana satria mifampizara andraikitra izahay amin'ny famokarana legioma.

## Fana… …isehatra eo amin'ny tsena



Mpamokatra

Nahaliana anay ny namokatra karazana voatabia vaovao saingy tsy fantatray hoe ahoana ny fambolena azy. Ankehitriny rehefa nianatra ny fomba fambolena azy ireo izahay dia afaka mamatsy azy ireo eny an-tsena.

Nahazo fahalalana sy fahaizamanao izahay mba hitantana tsara kokoa ny olana eo amin'ny bibikely sy ny aretina amin'ny famokarana laisoa. Nihatsara ny kalitaon'ny laisoanay.

Misy filàna betsaka amin'ny karazana voatabia vaovao saingy tsy ampy ny famatsiana. Maniry izahay mba hividy ity karazana ity amin'ny mpamokatra eny ifotony.

Mividy laisoa amin'ny mpamokatra eny ifotony izahay fa matetika misy raviny simba. Tsy afaka manome vidiny ambony hividianana azy ireo izahay nohon'ny tsy fahampian'ny kalitao.




Mpisehatra eo amin'ny tsena

## OHATRA – Ohatra amin'ny taranja fampiofanana

Ity misy ohatra iray amin'ny taranja Fampiofanana eny ifotony ho an'ny vondron'ny mpamokatra izay nikendry hamokatra voly roa.

| | |
|---|---|
| Taranja 1 | **Famokarana kendrena 1**: teknika manokana amin'ny voly voalohany |
| Taranja 2 | **Famokarana kendrena 2**: teknika manokana amin'ny voly faharoa |
| Taranja 3 | **Fanomanana mialoha ny famokarana**: fitiliana ny tany, fanaovana komposta sy fitaovana tsara kalitao ampiasaina amin’ny famokarana |
| Taranja 4 | **Fanomanana ny tany**: fomba fanomanana ny tany (fampiasana masoandro), mampiasa ny sisam-bokatra sy ny zezika fototra |
| Taranja 5 | **Fanatanterahana ny famokarana**: fikarakarana ny taninketsa, elanelan’ny voly, tahan’ny fatran-jezika |
| Taranja 6 | **Fitantanana ny famokarana**: fiavana, zezika fanampiny, fomba famonoana bibikely, fampiasana fanafodimbiby azo antoka sy mahomby |
| Taranja 7 | **Fikarakarana ny fiakarambokatra sy ny aorian’ny fiakarambokatra**: tahambokatra, kaontenera/fitaovana famonosana & teknika nohatsaraina |
| Taranja 8 | **Fahaizana mitantana**: fitahirizambola, tetibola mahakasika ny famokarana, fitanana antsoratra mahakasika ny famokarana |

## IREO TSARA TADIDIANA - Ireo hevitra mila hamafisina aorian’ny fampiharana

- ❑ Ny mpamokatra kendrena dia mahazo ary manovo fahaizamanao ara-teknika ampianarina ao anatin’ny fiofanana.
- ❑ Tsy manana olana ara-teknika, ara-bola, ara-tsosialy amin’ny fampiharana ny teknika nampianarina tao anaty fiofanana. (Raha toa misy izany dia fantarina ny olana, hanontaniana izy ireo, ary homena torohevitra mifanaraka amin’izany. Ankoatra izay, homena ny tomponandraikitry ny fampiharana ny SHEP ny hevitrao ahafahan’izy ireo manatsara ny fitaovana fampiofanana amin’ny ho avy.)
- ❑ Mifandanja ny isan’ny lahy sy ny vavy.
- ❑ Hamporisihina ny fandraisana anjaran’ny vadin’ny mpikambana.
- ❑ Azo antoka ny kalitaon’ny fandraisana anjaran’ny lahy sy ny vavy amin’ny fakana fanapahankevitra
- ❑ Jerena manokana ireo mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra amin’ny fanomanana ny fomba fampiofanana.
- ❑ Hampidirina ny teknika/ fitaovana mampihena ny heritsandry ilaina indrindra ho an’ny vehivavy.

## HAIVAO – Fitondrana fiovàna hifanaraka amin’ny zavamisy any amin’ny firenena/faritra samihafa

Ireto misy ohatra vitsivitsy nitondrana fiovàna hifanaraka amin’ny zavamisy any amin’ny firenena/faritra samihafa teo amin’ny fampiofanana teknikam-pamokarana.

**Efajoro 19Fanapariahana ny teknika famokarana ataon’ny samy mpamokatra**

### Fiofanana manaraka ny Fomba Fiasan’ny Sekolin’ny mpamokatra Mpandraharaha na STM na ny Sekolin’ny mpamokatra Mpandraharaha na STM na ny saha sekoly (CEP)

### (Roanda, Etiopia)

< Maninona?> Ny governemanta Roanda dia mampiroborobo ny Fomba Fiasan’ny Sekolin’ny mpamokatra Mpandraharaha na STM na ny saha sekoly (CEP)amin'ny fanaparitahana ny teknika famokarana amin'ny mpamokatra. Nisy ihany koa ny olana mahakasika ny tsy fahampian'ny mpampiofana hiandraikitra ireo mpamokatra rehetra kendrena.



Sary: Lesotho

< Ahoana?> Solontenan'ny mpamokatra maromaro isaky ny vondrona no nivory ary nianatra fahaizamanao vaovao. Niverina tany amin'ny fiarahamonina nisy azy izy ireo avy eo ary nampita fahalalana tamin'ireo mpamokatra hafa teny amin'ny vala fampisehoana.

< Vokatra?> Na dia teo aza ny fanamby amin'ny tsy fahampian'ny mpampiofana,

dia afaka nianatra teknika famokarana avy amin'ny solontenan'ny mpamokatra ireo mpamokatra kendrena.

Efajoro 20Fametrahana vala fampisehoana / Sekolin'ny mpamokatra Mpandraharaha na STM na ny saha sekoly (CEP)

**Fametrahana vala fampisehoana / Sekolin'ny mpamokatra Mpandraharaha na STM na ny saha sekoly (CEP)**

**(Nepal, Roanda, Etiopia, Afrika Atsimo, Zimbaboe)**



Sary:Kenya

< Maninona?> Ny traikefan'ny governemanta dia nahitana fa ny mpamokatra dia mety hampiasa haitaompamokarana vaovao raha mahita sy niaina izany voalohany tamin'ny vala fampisehoana na fanofanana.

< Ahoana?> Nametraka vala teo anivon'ny vondron'ny mpamokatra kendrena ireo tomponandraikitra ary nampiseho teknika vaovao tao. Ny mpamokatra no niandraikitra ny fikarakarana ny vala manomboka amin'ny fanomanana ny tany ka hatramin'ny fiakarambokatra. Any amin'ny firenena sasany, ny governemanta dia nanasa fikambanana tsy miankina mba hanangana vala fampisehoana.

< Vokatra?> Rehefa nahita ny vokatra tsara avy amin'ny vala fampisehoana/tanimbolyfanofanana ny mpamokatra dia nanomboka nandray ny teknika vaovao nianarany nandritra ny fiofanana.

Efajoro 21Fiarahamiasa amin'ny sampandraharaha fanapariahana ara-pamokarana eo amin'ny sehatra tsy miankina

**Fiarahamiasa amin'ny sampandraharaha fanapariahana ara-pamokarana eo amin'ny sehatra tsy miankina**

**(Lesoto, Afrika Atsimo, Zimbaboe)**

< Maninona?> Fahita any amin'ny firenena sasany ny tolotra fanapariahana ara-pamokarana ataon'ny sehatra tsy miankina toy ny ataon'ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana, fikambanan'ny mpamokatra, orinasa mpamokatra masomboly, mpanondrana vokatra, sns. Vonona izy ireo hanome tolotra fanapariahana ara-pamokarana ho an'ny mpamokatra amin'ny famokarana legioma sy voankazo.



Sary:Kenya

<Ahoana?> Nanasa ireo fikambanana tsy miankina ireo tomponandraikitra hanao ny sasany amin'ireo fiofanana ho an'ny mpamokatra ao anatin'ny fiofanana SHEP eny ifotony.

<Vokatra?> Ny governemanta dia afaka nanetsika ireo loharanonkarena misy eny ifotony amin'ny fanatanterahana fiofanana ary tontosa haingana ny fotoampiofanana sasany.

## FAMAHANA NY OLANA - Vahaolana amin'ireo olana mateti-pitranga

F: **Manana olana amin'ny fahatakarana ny teknika ny mpamokatra** – Hita fa manana fahasahiranana amin'ny fahatakarana ireo teknikampambolena izay vaovao aminy ny mpamokatra sasany. Ahoana ny hahatakarany izany moramora kokoa?

V: Ezahina ho betsaka fampiharana araka izao atao ny fanofanana. Ohatra amin'izany ny fampiasana teny mora azo, fampiasana fitaovampiofanana mahafinaritra. Aseho amin'ny alalan'ny fampiharana mivantana sy fampisehoana ny teknika fa tsy fampianarana fotsiny izany. Jerena daholo ireo fomba fampianarana ary indrindra hanontaniana ny mpamokatra amin'izay hitiavany hitondrana ny fiofanana.

F: **Tsy manam-potoana hanarahana fiofanana loatra ny mpamokatra** – Na maniry hanaraka ny fiofanana aza ny mpamokatra dia sahirana tanteraka amin'ny asa famokarana; Tsy dia ambony loatra ny taham-pandraisana anjara.


V: Tsara kokoa raha mialoha ny fanombohana ny famokarana legioma no hanaovana ny fiofanana teknikampamokarana. Mazoto manatrika ny fiofanana izy ireo amin'izay fotoana izay ary mampihatra avy hatrany ny teknika nianarany any amin'ny misy azy ireo. Rehefa tsy azo atao ny fandaminana toy izany dia andramana ny mandamina fiofanana rehefa betsaka ny fahafahan'ny mpamokatra.

# Lahatsoratra 5: Fitaovana fanofanana isankarazany ho an'ny teknika famokarana

Ny fitaovampampianarana amin'ny famokarana legioma sy voankazo dia novolavolaina tany amin'ny firenena maro nanatanteraka SHEP. Ny fitaovana dia natao amin'ny fomba mifanaraka amin'ny filàn'ny mpamokatra kendrena any amin'ny firenena tsirairay avy. Ireto misy ohatra vitsivitsy.

### 1. *Kamishibai* (Takelaka misy sary voalamina A4) tany Kenya

Kamishibai dia teny japoney midika takelaka misy sary, izay mitovy amin'ny fafana taratasy. Namorona karazana fitaovana kamishibai miloko feno sy voalamina tsara i Kenya manaraka ny toetr'andro rehetra. Ny pejy voalohany dia hojeren'ny mpamokatra ary misy sary maro. Ny pejy aoriana dia misy famaritana ny sary mba ahafahan'ny mpampiofana mamaky azy ireo amin'ny feo avo amin'ny mpamokatra.





Pejy voalohany Pejy ao aoriana


Kisary 9 Kamishibai namboarina tany Kenya

### 2. Bokikely sy taratasy mivalona mahakasika ny famokarana (dépliants) tany Nepal, Palestina,Rwanda ary Ethiopia

Ny firenena toa an'i Nepal, Palestina, Roanda ary Etiopia dia namolavola bokikely na taratasy mivalona mahakasika ny famokarana (dépliants). Ny tomponandraikitry ny SHEP any amin'ireo firenena ireo dia nanaparitaka ireo fitaovana ireo amin'ireo mpamokatra kendrena mba hahafahan'izy ireo mitondra azy ireo mody sy mijery izany aorian'ny fiofanana. Ireo mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra izay nahazo ireo fitaovana dia mazàna mangataka amin'ny fianakaviany mamaky teny sy manoratra mba hamaky izany any an-trano rehefa ilaina izany.








Dépliants tany Rwanda Dépliants tany Nepal Dépliants tany Etiopia

Kisary 10 Taratasy mivalona mahakasika ny famokarana (dépliants) tany Roanda, Nepal ary Etiopia

### 3. Petadrindrina tany Palestine

Nanamboatra petadrindrina sy taratasy mivalona (dépliants) ny tomponandraikitry ny SHEP tany Palestina. Ampiasaina mandritra ny fiofanana ireo peta-drindrina ireo ary aseho ihany koa any amin'ny biraom-panjakana izay ahitan'ny mpamokatra mora foana rehefa mitsidika ny birao izy ireo.




Kisary 11 Petadrindrina tany Palestine

### 4. Fitaovana elektronika sy tahirinkevitra mampiasa aterineto (internet) any Afrika Atsimo

Afrika Atsimo dia manana fitaovana elektronika efa mirindra tsara sy tahirinkevitra ampiasana aterineto mahakasika ny famokarana antsoina hoe "Extension Suite Online". Ireo mpampiasa ny rafitra, ao anatin'izany ny tomponandraikitra eny ifotony sy ny mpampiofana, dia afaka mampiasa fitaovana fampianarana isankarazany avy amin'ity sehatra hifaneraserana ampiasana aterineto ity. Noho izany, raha tokony hamolavola fitaovam-piofanana hatrany am-boalohany ho an'ny SHEP irery ihany ny tomponandraikitra tany Afrika Atsimo, dia mampiasa ireo fitaovana efa misy ireo fotsiny izy ireo.

## 5. Fanarahamaso (ahitana ny fanadihadiana farany andraisan'ny rehetra anjara)

| Dingana 4 | Fampiharana |
|---|---|
| 1. Fizarana ny tanjona miaraka amin'ny mpamokatra | Atrikasa fanentanana |
| 2 Fanampiana ireo mpamokatra hahazo ny zavamisy (fahatongavantsaina) | -Fanadihadiana fototra andraisan'ny rehetra anjara<br>- Fihaonan'ny mpiaramiombonantoka (tsy voatery)<br>-Fanadihadiana ny tsena |
| 3. Fandraisan'ny mpamokatra fanapahankevitra | -Fisafidianana ny fihariana<br>- Fandrafetana ny tetiandrompamokarana |
| 4. Fampitomboan'ny mpamokatra ny fahaizamanao. | Fiofanana eny ifotony |
| Fanarahamaso (ahitana ny fanadihadiana farany andraisan'ny rehetra anjara) | Eto isika izao. |

### MANINONA? – Tanjona

Ny fitsidihana fanarahamaso ireo mpamokatra kendrena dia hiantoka ny fampiharana ny teknika sy ny fahalalana ampianarina ny mpamokatra. Ny fitsidihana dia tsy mijery fotsiny ny fomba famokarana ataon'ny mpamokatra fa manombana ny fandrosoan'izy ireo amin'ny varotra sy ny asa iombonana hafa amin'ny maha vondrona azy.

### INONA ?- Famaritana

Ny fanarahamaso sy ny fitsidihana dia atao amin'ny fotoana voafaritra mba hahazoana antoka fa ny mpamokatra dia mampihatra ny fahalalana nianarany nandritra ny fiofanana SHEP. Manaramaso ny fandrosoan'ny hetsika voalaza ao amin'ny tetiandrompamokarana ihany koa ireo tomponandraikitra. Taorian'ny fepotoana voafaritra dia natao ny fanadihadiana farany andraisan'ny rehetra anjara izay mitovy endrika amin'ny fanadihadiana fototra andraisan'ny rehetra anjara. Ny angonkevitra azo tamin'ny fanadihadiana dia nodinihina mba hampitahaina amin'ny valin'ny fanadihadiana fototra.

### AHOANA ? –

### Tetikady hanatanterahana azy

- Ny fitsidihana fanarahamaso dia tokony **hanampy ny vondron'ny mpamokatra "hiova" ho lasa mpamokatra mahaleo tena ka afaka mampihatra ny famokarana mitodika amin'ny tsena amin'ny alàlan'ny asa ataon'izy ireo manokana** (**Erreur ! Source du renvoi introuvable.**12).
- Tokony hanome fahafahana ny mpamokatra hanamarina ny fihatsaran'ny asan'izy ireo amin'ny

**Mampiakatra risipo**



Ampatsiahivina antsika ny tanjon'ny SHEP mandritra ny fitsidihana fanarahamaso. Hiasa mafy isika hanatratra ny tanjona ka hahazo fahombiazana.


Tohana amin'ny fahatsapana ho mahaleo tena



Nandritra ny fanadihadiana farany dia nahatsapa izahay fa nihatsara tokoa ny fahaizamanao ara-teknika sy ara-barotra. Faly izahay mahita fihatsarana.

Tohana amin'ny fahaizamanao

alalan'ny traikefany fandraisana anjara amin'ny SHEP
ny fanadihadiana farany andraisan'ny rehetra anjara.




Kisary 12 Atao azo antoka ny "fiaingana" amin'ny alalan'ny fanarahamaso

## DINGANA - Ireo fomba fampiharana azy (Fotoana ilaina: 3-4 ora)

1. Ny mpampiofana sy ny ekipa tomponandraikitra dia mitsidika tsindraindray ireo vondron'ny mpamokatra mba hanome torohevitra sy hanaramaso ny fivoaran'ny fanatanterahana ny asa.
2. Jereo ny valin'ny "Fanadihadiana fototra Fizarana 2- Teknika mahakasika ny famokarana" ary tsarao ny fivoaran'ny fanatsarana nataon'ny mpamokatra amin'ny fampiasana teknika. Raha mbola misy ny fahalemena dia omeo fanohanana ireo mpamokatra izay mbola sahirana amin'ny fampiasana teknika vaovao.
3. Jereo ny tetiandrompamokarana nataon'ireo mpamokatra kendrena sy araho maso ny fivoaran'ny fanatanterahana ny asa. Omeo torohevitra izy ireo raha ilaina.
4. Angony izay tsara ho fantatra mahakasika ny maha lahy na maha vavy, izany hoe ny tantaram-pahombiazana, hahitana ny fomba nahatonga ny fitovian-jon'ny lahy sy ny vavy ary ny fanomezan-danja ny vehivavy nanampy nanatratra ny tanjon'ireo vondrona.
5. Aorian'ny fepotoana voafaritra araka ny nosoritan'ny ekipa tomponandraikitra, dia manaova Fanadihadiana farany andraisan'ny rehetra anjara amin'ny alalan'ny fampiasana (1) ny Fanadihadiana Farany Fizarana 1- Famokarana, fidirambola ary masonkarena sy (2) Fanadihadiana Farany Fizarana 2- Teknikam-pamokarana, izay mitovy endrika amin'ny Fanadihadiana fototra afa-tsy ny tsanganana izay angatahana ny mpamokatra hanoratra izay fiovàna tsapany taorian'ny SHEP.
6. Ny angonkevitra dia tsy maintsy adika anaty solosaina, alamina, ary hodinihin'ny tomponandraikitra. Ny mpampiofana dia manome tatitra ho an'ny mpamokatra indrindra amin'ny sehatry ny fandrosoana sy fivoaran'ny mpamokatra nanomboka tamin'ny fanadihadiana fototra.

Mandray anjara amin'ny fanaovana komposta ve ianao? Tadidinao ve ianao nianatra izany nandritra ny fiofanana?

Andao ary hojerentsika ... Azoko antoka fa vitanao io! Hasehoko anao ny fomba hanaovana izany.



Sary:Zimbabwe

Te hanao komposta aho fa tsy mahita izay akora ilaina amin'izany. Azoko ampiasaina ve raha ny eritreritrao iretsy akora organika iretsy fa tsy ireto?

## FITAOVANA - Fafana ahitana ireo fanontaniana ampiasaina amin'ny fanadihadiana farany

Mitovy amin'ny an'ny Fanadihadiana Fototra andraisan'ny rehetra anjara ny fitaovana ho an'ny Fanadihadiana farany andraisan'ny rehetra anjara afa tsy ireo tsanganana izay angatahana ny mpamokatra hanoratana izay fiovàna tsapany taorian'ny SHEP.

## IREO TSARA TADIDIANA - Ireo hevitra mila hamafisina aorian'ny fampiharana

- ❑ Ny mpamokatra kendrena dia mahatakatra ny tanjany sy ny fahalemeny ary omena taridalana sy torohevitra manokana hanatsarana bebe kokoa ny famokarana sy ny varotra
- ❑ Ny mpamokatra kendrena dia mahatakatra ny fotoana sy ny fomba ahafahany "mahazo maripahaizana" amin'ny fanarahana ny SHEP.
- ❑ Ny vondrona kendrena dia manaiky, ary vonona ny hanao hetsika toy ny fanadihadiana ny tsena, ny fifidianana ny voly hovokarina, ny fandrafetana tetiandrompamokarana, ary ny fampiharana tsy tapaka ny teknika famokarana azo amin'ny ho avy.
- ❑ Mifandanja ny tahan'ny lehilahy sy ny vehivavy amin'ny mpandray anjara.
- ❑ Averina jerena ny kalitaon'ny fandraisan'anjaran'ny lehilahy sy vehivavy
- ❑ Angonina sy hadihadiana ny antontankevitra mahakasika ny lahy sy ny vavy amin'ny fanadihadiana farany.
- ❑ Averina jerena ny fiovàn'ny anjara asa eo amin'ny maha lahy na maha vavy amin'ny mpivady.
- ❑ Averina jerena ny fiovàna eo amin'ny fanapahankevitra eo amin'ny mpivady

## FAMAHANA NY OLANA - Vahaolana ho an'ny olana mateti-pitranga

F: **Ny tsy fahombiazan'ny famokarana ve tonga any amin'ny tsy faharisihana?**– Inona no tokony hataoko raha lasa tsy marisika ny mpamokatra nohon'ny tsy fahombiazan'ny famokarana?

V: Ny Fomba Fiasa SHEP dia manohana ny filàna ara-tsain'ny mpamokatra hahaleo tena, ankoatry ny filàna

ara-tsaina hafa, ary manampy azy ireo hanohy hatrany ny fandraharahana eo amin’ny famokarana. Amin'ny alalan'ny traikefa azo tamin’ny fanatanterahana ny SHEP, dia mahatsapa ny mpamokatra fa "mahafehy" ny dingana manontolo amin'ny drafitra, ny fandraisana fanapahankevitra, ny fandraisana risika ary ny fandraisana andraikitra mivaingana amin'ny famokarana sy ny varotra legioma sy voankazo. Noho izany, tsy mora kivy izy ireo satria efa ambony tsara ny rispon’izy ireo ka tsy ho kivy amin'ny fahasahiranana mahazatra toy ny tsy fahombiazana eo amin’ny famokarana.

F: **Tsy nampiharina tsara ny teknika famokarana** – Nandritra ny fanarahamaso dia nahatsikaritra aho fa misy vondron'ny mpamokatra kendrena mbola tsy nampihatra ny teknika famokarana nampianariko nandritra ny fiofanana.

V: Ny dingana sy ny fotoana takiana amin'ny mpamokatra tsirairay mba hampiasa teknika vaovao dia miovaova arakaraka ny toetra sy ny tontolo manodidina azy. Ny mpamokatra sasany dia mety haka fotoana bebe kokoa noho ny hafa mba hahatakarana tsara sy hampihatra ireo teknika. Ny fahitana ny tantaran'ny fahombiazan'ny mpiara-monina dia iray amin'ireo fomba mahomby handresena lahatra ny mpamokatra hampihatra ny fahaizamanao sy haitaompamokarana vaovao. Mifantoka amin'ny fahenoana tantara toa izany izahay ary  mitady ny fomba rehetra hianaran’ny mpamokatra. Ny tanjona amin’ny fanarahamaso dia ny fanampiana ireo mpamokatra ireo handroso. Tohano hatrany izy ireo, hanontanio azy ireo ny antony, ary omeo torolalana fanampiny na fanofanana raha ilaina.

**F: Miparitaka ny vondrona. Inona no azontsika atao mahakasika izany?**

V: Andramo ny mandinika izay tsy nety sy ny fotoana izay nisehoan’izany. Tsara ihany koa ny mandinika ny fomba ahafahan'ny vondrona mikaroka hevitra hahazoana tombony bebe kokoa hatrany. Zavadehibe ho an'ny mpamokatra ny fahatakarana fa ny fitandroana ny habetsahan'ny vokatra dia zavadehibe ho an'ny mpamokatra madinika mba hampitomboana ny tombombarotra amin'ny fandraharahana eo amin’ny famokarana. Atao tsapany hatrany fa ilaina izy ao amin'ny vondrona raha toa ka tena ilaina ny handaminana ny vondrona aorian'ireo fifanakalozankevitra rehetra ireo.

# Fanadihadiana farany Tapany voalohany- Famokarana, Vola miditra sy masonkarena

Daty:/ /
Anaran'ny Distrika: Anaran'ny kaominina:
Anaran'ny vondrona mpamokatra:
Anaran'ny mpamokatra: Lahy/Vavy: Laharan-tariby.:______

Mba soraty ny angonkevitra mahakasika ny voly legioma sy voankazo (tsy ampidirina ny voly hafa toy ny katsaka sy fary) tamin'ny taompambolena farany..

| .Anarana sy karazam-boly | 2.Haben'ny tany nambolena ilay voly amin'ny metatra x metatra (m2) na ha 100m2 =0.01ha 1,000m2=0.1ha 10,000m2=1ha | | 3. Vokatra lafo eny an-tsena amin'ny fomba famarana samy hafa (ohatra gony, kesika, fehezana, sns.) | 4. Vokatra lafo eny an-tsena amin'ny kilao (novaina kilao) | 5. Vokatra lafo eny an-tsena isaky ny ha | 6. Salam-bidy isaky ny refy (vola eo an-toerana isaky ny refy) | 7. Salam-bidy isaky ny kilao (novaina kilao) amin'ny vola eo an-toerana | 8.Totalin'ny vola miditra amin'ny vola eto an-toerana | 9.Totalin'ny masonkarena amin'ny famokarana amin'ny vola eto an-toerana (ahitana ny hanapamokarana, fitaterana, | 10.Vola niditra afakaratsaka (tombony) amin'ny vola eto an-toerana |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 2 a. | 2 b. | 3 | 4 | 4./2 b. | 6 | 6./refy fanovàna ao amin'ny efajoro | (3. x 6.)na (4. x7.) | 9 | 8. – 9. |
| Voly voalohany: | M x M ($m^2$) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |
| Voly faharoa: | M x M ($m^2$) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |
| Voly fahatelo | M x M ($m^2$) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |
| Voly fahefatra | M x M ($m^2$) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |

**Mba soraty ao anatin'ity efajoro ambany ity ny fanovàna refy . (**Ohatra.) Gony 1 misy ovy avy any Irlande = 110 kilao, laisoa iray = 2 kilao

**Soraty azafady izay fiovàna tsapanao taorian'ny SHEP. (**oh: Nahita mpividy vaovao nividy betsaka. Nanomboka nividy masomboly voamarina ny vondrona mba hampihenana ny masonkarena)

## <Ohatra> Fanadihadiana farany Tapany voalohany- Famokarana, Vola miditra sy masonkarena

Daty:/ /
Anaran'ny Distrika: Anaran'ny kaominina:
Anaran'ny vondrona mpamokatra:
Anaran'ny mpamokatra: Lahy/Vavy: Laharan-tariby.:______

Mba soraty ny angonkevitra mahakasika ny voly legioma sy voankazo (tsy ampidirina ny voly hafa toy ny katsaka sy fary) tamin'ny taompambolena farany.

| .Anarana sy karazam-boly | 2.Haben'ny tany nambolena ilay voly amin'ny metatra x metatra (m2) na ha<br>100m2 =0.01ha<br>1,000m2=0.1ha<br>10,000m2=1ha | | 3. Vokatra lafo eny an-tsena amin'ny fomba famarana samy hafa<br>(ohatra gony, kesika, fehezana, sns.) | 4. Vokatra lafo eny an-tsena amin'ny kilao (novaina kilao) | 5. Vokatra lafo eny an-tsena isaky ny ha | 6. Salam-bidy isaky ny refy<br>(vola eo an-toerana isaky ny refy) | 7. Salam-bidy isaky ny kilao (novaina kilao) amin'ny vola eo an-toerana | 8.Totalin'ny vola miditra amin'ny vola eto an-toerana | 9.Totalin'ny masonkarena amin'ny famokarana amin'ny vola eto an-toerana (ahitana ny hanapamokarana, fitaterana, | 10.Vola niditra afakaratsaka (tombony) amin'ny vola eto an-toerana |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 2 a. | 2 b. | 3 | 4 | 4./2 b. | 6. | 6./refy fanovàna ao amin'ny efajoro | (3. x 6.)or<br>(4. x7.) | 9 | 8.-9. |
| Voly voalohany:<br>Voatabia<br>Cal j | M x M ($M^2$)<br>20X100=<br>2,000$m^2$ | 0.2ha | 100<br>(refy: kesika) | 2,000kg | 10,000kg | $25<br>(refy: kesika) | $1.25 | $2,500 | $600 | $1,900 |
| Voly faharoa: | M x M ($m^2$) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |
| Voly fahatelo | M x M ($m^2$) | ha | (refy: ) | kilao | kilao | (refy: ) | | | | |
| **Voly fahefatra** | **M x M ($m^2$)** | **ha** | **(refy: )** | **kilao** | **kilao** | **(refy: )** | | | | |

**Mba soraty ao anatin'ity efajoro ambany ity ny fanovàna refy** . (Ohatra.) Gony 1 misy ovy avy any Irlande = 110 kilao, laisoa iray = 2 kilao

| |
|---|
| Voatabia iray kesika = 20kg |

**Soraty azafady izay fiovàna tsapanao taorian'ny SHEP. (**oh: Nahita mpividy vaovao nividy betsaka. Nanomboka nividy masomboly voamarina ny vondrona mba hampihenana ny masonkarena)

| |
|---|
| Nanomboka namokatra karazana voatabia, Cal j, izay tian'ny tsena aho. Io karazana voatabia manokana io dia azo amidy amin'ny vidiny ambony.<br>Nanomboka nandamina ny fitaterana niaraka tamin'ireo mpikambana ao amin'ny vondrona aho mba hampihenana ny saran'ny fitaterana. |

# Fanadihadiana Farany Tapany faharoa – Teknikam-pambolena

Daty:/ /
Anaran'ny Distrika: Anaran'ny kaominina:
Anaran'ny vondrona mpamokatra:
Anaran'ny mpamokatra: Lahy/Vavy: Laharan-tariby.:

* Mba valio "ENY" na "TSIA" ireto fanontaniana manaraka ireto. Soraty eo amin'ny sisiny ny angonkevitra fanampiny.

| **Manomboka eo amin'ny fanomanana ka hatrany aorian'ny fiakaram-bokatra** | | **Fanontaniana** | **Teknikam-pambolena legioma sy voankazo noeritreretina ho arahana** | **Eny** | **Tsia** |
|---|---|---|---|---|---|
| **1** | Fanomanana ny famokarana | F 1 | Manao fanadihadiana mahakasika ny tsena ve ianao mba hamaritana ny vanimpotoana tsirairay hambolena izay voly nosafidiana? | | |
| | | F 2 | Manomana sy mampiasa tetiandrompamokarana mifototra amin'ny valin'ny fanadihadiana ny tsena ve ianao? | | |
| | | F 3 | Manao fitsirihana tany indray mandeha isaky ny roa taona ve ianao farafahakeliny amin'ny legioma/voninkazo fohy tsingerim-piaina; sa alohan'ny hambolena voly maharitra toy ny hazo fihinam-boa/voninkazo? | | |
| | | F 4 | Manamboatra zezika komposta na mampiasa akora voajanahary isankarazany izay natoro ve ianao ka hahazo ireo otrikaina fototra: azoty (N), fosfora (P), Potasioma (K) amin'ny fanamboarana komposta/zezika? | | |
| | | F 5 | Moa ve ianao mampiasa fitaovana tsara kalitao amin'ny famafazana miaraka amin'ny iray na maromaro amin'ireto toetoetra manaraka ireto: famafazana mifanaraka amin'ny vanimpotoana famokarana, masomboly mahatohitra na mahazaka aretina, karazam-boly fohy tsingerim-piaina, tsara tsiro kokoa, vokatra lehibe ary ny faharetan'ny vokatra. | | |
| **2** | Fanomanana ny tany | F 6 | Mampiasa ny iray na maromaro amin'ireto fomba fanomanana ny tany natoro manaraka ireto ve ianao mba hifehezana ireo bibikely sy aretina: masoandro, fiasana tany amin'ny fotoana mahamety, halalin'ny asa mety tsara, ary ny fanaovana ambany asa mba hisorohana ny fiparitahan'ny tany izay mety hitondra bibikely sy aretina? | | |
| | | F 7 | Moa ve ianao mampiasa ambina voly teo aloha, fara fahakeliny 2 volana mialoha alohan'ny hiasana tany mba hanatsarana ny fiasan'ny akora fototra indray? | | |
| | | F 8 | Moa ve ianao mampiasa komposta/zezika na zezika organika toy ny ny fanaovana zezika ambany asa farafahakeliny herinandro iray na roa mialoha ny famafazana? | | |
| **3** | Fikarakarana ny famokarana (famafazana/fanetsana) | F 9 | Mampiasa zanaka legioma tanora ve ianao ho an'ireo famokarana fohy tsingerimpiaina na zanakazo avy amin'ny taninjanakazo manana fahazoandalana ho an'ny voly maharitra toy ny hazo fihinamboa? | | |
| | | F 10 | Mampiasa ny elanelana natoro ve ianao rehefa mamafy/manetsa? | | |
| | | F 11 | Manaja ny fatran-jezika tokony hatao amin'ny famafazana/fanetsana ve ianao? | | |
| **4** | Fitantanana ny famokarana | F 12 | Moa ve ianao afapo amin'ny fahazoana rano amin'ny fampiasana ireto fomba fampidiran-drano iray na maromaro manaraka ireto: siny fanondrahana, milina fanondrahana, "fanondrahana voly mitsitaitaika" (goutte à goutte) sy manaraka soritra mba hahazoana ny rano ilaina amin'ny famokarana? | | |
| | | F 13 | Vitanao amin'ny fotoana mahamety azy ve ny fiavana ary mampiasa fitaovana mifandraika amin'izany ve ianao? | | |
| | | F 14 | Mampiasa zezika ilaina araka ny tokony ho izy, amin'ny fotoana mahamety azy, ny karazany sy ny fatra natoro, ary araky ny fomba fampiasana azy ve ianao? | | |
| | | F 15 | Mampiasa ny iray na roa amin'ireto paikady hiadiana amin'ny bibikely mpanimba ny voly manaraka ireto ve ianao : natoraly, simika, teknikam-pambolena, atao tanana | | |
| | | F 16 | Manaraka ireto fepetra ireto ve ianao mba hampahomby sy hampahazo antoka ny fanafodimbiby ampiasainao: fatra mety tsara, karazana fanafody nahazo alalana, fotoana famendrahana alohan'ny fiotazana ny vokatra | | |
| **5** | Fiakaram-bokatra | F 17 | Mijery iray farafahakeliny amin'ireto fomba famaritana ny fiakaram-bokatra ve ianao: loko, habe, endrika ary havesarana? | | |
| **6** | Fikarakarana aorian'ny fijinjana | F 18 | Mampiasa fitaovana fitehirizana/vata fitaterana/fitaovana famonosana manara-penitra ve ianao araka ireto fepetra manaraka ireto: azon'ny rivotra tsara, mora diovina ary malefaka ka manena ny mety ho fahasimbana? | | |
| | | F 19 | Mampiasa ny iray amin'ireto teknika fanampiny atoro ireto ve ianao: fanadiovana, fifantenana, fisafidianana, famonosana na fanodinana vokatra? | | |
| **7** | Fanadihadiana ny masonkarena sy ny vola miditra | F 20 | Mandray antsoratra ny masonkarena amin'ny famokarana sy ny varotra ve ianao ary mampitaha ny masonkarena sy miditra mba hikajiana ny tombony? | | |
| **8** | Asa iombonana | F 21 | Mividy hanapamokarana toy ny masomboly, zezika ary fanafodimbiby simika amin'ny maha fikambanana ve ianao(fividianana miaraka)? | | |
| | | F 22 | Mikarakara fitaterana vokatra miaraka ve ianao sa mivarotra ny vokatra miaraka (varotra miaraka)? | | |
| | | F 23 | Amin'ny maha fikambanana, misafidy izay voly hambolena ve ianareo, mandamina paikady famokarana/famarotana miaraka amin'ny mpikambana ao amin'ny fikambanana ve ianao? | | |

**Soraty azafady izay fiovàna tsapanao taorian'ny SHEP.** (ohatra, nanomboka nanao komposta. Nanomboka nandray antsoratra ny asa famokarana.)

| |
|---|
| |

# 6. Ohatra amin’ny fiofanana fanentanana mahakasika ny maha lahy na maha vavy

Tao Kenya, ny “Fiofanana SHEP dia mihevitra ny fomba fijery Maha lahy na Maha vavy” ka tafiditra tao anatin’ny fotoam-piofanana ary natolotra ho an’ireo vondron'ny mpamokatra rehetra kendrena[4]. Ny fahafantarana ny maha lahy na maha vavy tany Kenya dia nampidirina teto natao ho ohatra [5].Ny fiofanana fampahafantarana ny maha lahy na maha vavy tany Kenya dia nandraisan’ny rehetra anjara ary nahitana fampiharana efatra lehibe: (1) fijerena ny anjara asa sy andraikitra, (2) fampiasana sy fifehezana ny fananana, (3) fananganana ny tetiandron’ny asa isan’andro, ary (4) famolavolana ny tetibolan'ny fianakaviana. Niainga tamin’ireo olana fototra amin’ny maha lahy na maha vavy amin'ny alalan'ireo fampiharana efatra ny famolavolana sy ny fampiharana ny (5) drafitrasa mahakasika ny maha lahy na maha vavy.

*Tetikady!* Raha sarotra ny miresaka mahakasika ny olan'ny maha lahy na maha vavy nohon’ny lalàna sosialy eo amin’ny fiarahamonina eny ifotony, dia azo heverina ny fampandraisana anjara amin'ny fanofanana ireo olona manana ny maha izy azy eo an-toerana toy ny mpitondra fivavahana eo amin'ny fiarahamonina. Ampahafantarina tsara azy ireo mialoha izany hahafantarany ny tena fototry ny fiofanana.

*Tetikady!* Mandritra ny fifanakalozankevitra ao amin'ny vondrona dia zavadehibe ho an'ny mpampiofana ny mamorona hetsika fanentanana ahafahan’ny mpandray anjara tsirairay mandray fitenenana mavitrika, tsy hifanameloka sy hifanilika ka hampisy disadisa.

### (1) Fampiharana mahakasika ny anjara asa sy andraikitra

Zaraina vondrona roa ny mpamokatra lahy sy vavy mba hamantatra izay anjara asa-pamokarana (amin'ity tranga ity, famokarana legioma sy voankazo) sy asa ao an-tokantrano ka omena marika efatra isaky ny andalana. Rehefa vita ny asa ao amin'ny vondrona amin'ny fampiasana ireo fafana aseho etsy ambany, dia asehon’ireo vondrona lahy sy vavy ny valin'ny fifanakalozankevitra ary mampitaha ny fomba fijerin'ny lehilahy sy ny vehivavy mahakasika ny anjara andraikitry ny lahy sy ny vavy amin'ny asa-pamokarana sy ny asa ao an-tokantrano izy ireo. Avy eo izy ireo dia hifanakalo hevitra mahakasika izay mety fiovàna amin'ny andraikitry ny lahy sy ny vavy azo atao mba hitantanana sy hampirindra ny famokarana sy ny tokantrano amin'ny fomba mahomby kokoa. Raha maro ny mpandray anjara tsy mahay mamaky teny sy manoratra, dia azo atao ny mampiasa kisarisary fa tsy soratra ao amin’ny toerana misy ny asa atao.

Anjara asa eo amin’ny famokarana <Ohatra>

| Laharana | Asa | Lehilahy | Vehivavy |
|---|---|---|---|
| 1 | Fanamboarana taniketsa | ✓ | ✓✓✓ |
| 2 | Fanomanana ny tany | ✓✓✓ | ✓ |

[4] Ny mpamokatra mpivady ao amin’ny tokantrano mpamokatra izay kendrena tany Kenya dia saika nifototra tanteraka amin’ny fambolena legioma sy voankazo. Ny fikarakarana fiofanana mahakasika ny maha lahy na maha vavy miampy ny fanofanana hafa mahasoa dia mampiakatra ny antony manosika avy ao anatin’ny mpamokatra sy manatsara ny fahombiazan'ny fandraharahana eo amin’ny asa fambolena.

[5] Mifandraisa amin'ny biraon'ny JICA akaiky indrindra raha te hahazo ny fandaharam-piofanana feno sy ny fitaovana novolavolaina tany Kenya.

| | | | |
|---|---|---|---|
| 3 | Famindrana voly | ✓✓ | ✓✓ |
| 4 | Fitondrana zezika | ✓ | ✓✓✓ |
| 5 | Famonoana bibikely | ✓✓✓✓ | |
| 6 | Fiavana | | ✓✓✓✓ |
| 7 | Fiotazana | ✓ | ✓✓✓ |
| 8 | Fanadiovana, fanasokajiana, famonosana | ✓ | ✓✓✓ |
| 9 | Famarotana | ✓✓✓ | ✓ |
| 10 | Fanarahamaso ny fidirambola | ✓✓✓✓ | |

Anjara asa ao an-tokantrano <Ohatra>

| Laharana faha | Asa | Lehilahy | Vehivavy |
|---|---|---|---|
| 1 | Mahandro sakafo | | ✓✓✓✓ |
| 2 | Manasa lamba | | ✓✓✓✓ |
| 3 | Maka kitay | ✓ | ✓✓✓ |
| 4 | Maka rano/Matsaka | | ✓✓✓✓ |
| 5 | Mikarakara ny ankizy | ✓ | ✓✓✓ |
| 6 | Mikarakara ny marary | ✓ | ✓✓✓ |
| 7 | Mitoto vary | | ✓✓✓✓ |
| 8 | Manamboatra trano | ✓✓✓ | ✓ |
| 9 | Fiarovana | ✓✓✓✓ | |

**(2) Fampiharana mahakasika ny fampiasana sy ny fandraisana fanapahankevitra amin'ny fananana** [6]

Ny vondrona lahy sy vavy dia manohy miasa mameno ireo fafana roa hita manaraka ireo. Izy ireo no hamaritra hoe iza amin'ny lahy sa ny vavy no hamaritra ny fomba fampiasana ireo harena lehibe. Ho faritan'izy ireo amin'izany ny mifehy ny fananana. Hampitahaina ny valin'ny fifanakalozana eo amin'ny lahy sy vavy. Hiady hevitra izy ireo ny amin'ny voka-dratsy eo amin'ny fitantanana famokarana na famerana manokana atao amin'ny lahy na vavy amin'ny fampiasana sy fifehezana ny fananana. Raha maro ny mpandray anjara tsy mahay mamaky teny sy manoratra, dia azo atao ny mampiasa sary fa tsy soratra ao amin'ny tsanganana misy ny fananana.

Fampiasana[7] ny Fananana <Ohatra>

| Laharana faha | Fananana | Lehilahy | Vehivavy |
|---|---|---|---|
| 1 | Tany | ✓✓ | ✓✓ |
| 2 | Fitaovam-pamokarana | ✓✓✓ | ✓ |
| 3 | Omby vavy be ronono nohatsaraina | ✓✓✓ | ✓ |
| 4 | Osy zana-tany | ✓ | ✓✓✓ |
| 5 | Akoho zana-tany | ✓ | ✓✓✓ |
| 6 | Fanofanana mahakasika ny famokarana/famokarana | ✓✓✓ | ✓ |
| 7 | Voatabia (atao voly fototra) | ✓✓ | ✓✓ |
| 8 | Dipoavatra (atao voly fototra) | ✓✓ | ✓✓ |

Fanapahankevitra[8] amin'ny Fananana <Ohatra>

| Laharana faha | Fananana | Lehilahy | Vehivavy |
|---|---|---|---|
| 1 | Tany | ✓✓✓✓ | |
| 2 | Fitaovam-pamokarana | ✓✓✓✓ | |
| 3 | Omby vavy be ronono nohatsaraina | ✓✓✓ | ✓ |
| 4 | Osy zana-tany | ✓✓✓ | ✓ |

[6] Fananana : Izay rehetra azo ananana sy ampiasain'ny mpamokatra, toy ny tany, fitaovana, voly, biby, sns mba hahazoana tombony amin'izany.
[7] Fampiasana ny fananana: Fahafahana mampiasa ny fananana.
[8] Fanapahan-kevitra: Ny fahefana hanapa-kevitra ny fomba ampiasana ny fananana iray, iza no mampiasa azy, rahoviana no azo amidy.

| | | | |
|---|---|---|---|
| 5 | Akoho zana-tany | ✓✓ | ✓✓ |
| 6 | Fanofanana mahakasika ny famokarana/famokarana | ✓✓✓✓ | |
| 7 | Voatabia (atao voly fototra) | ✓✓✓✓ | |
| 8 | Dipoavatra (atao voly fototra) | ✓✓✓✓ | |

### (3) Fampiharana mahakasika ny fitsinjarana ny fotoam-piasana mandritra ny tontolo andro

Ny lahy sy ny vavy dia samy mamolavola tetiandro izay ataony isan'andro amin'ny andro fiasana mahazatra. Tafiditra ao anatin'izany ny asa-pamokarana, ny asa an-trano toy ny fandrahoan-tsakafo, ny fanadiovana, ny fialan-tsasatra, ny fatoriana, sns. Ao anatin'ny dinika iarahan'ny rehetra dia mampitaha ny tetiandro fanaony andavanandro ny lehilahy sy ny vehivavy ary mieritreritra ny fampiasana amin'ny fomba mahomby ny fotoana ho an'ny mpivady.

Fandaharam-potoanan'ny lehilahy eo amin'ny asa mandritra ny tontolo andro <Ohatra>




Fandaharam-potoanan'ny vehivavy eo amin'ny asa mandritra ny tontolo andro <Ohatra>




### (4) Fampiharana mahakasika ny fandrafetana ny tetibolam-pianakaviana

Ny vondrona lahy sy vavy dia samy mameno ny vola lany isam-bolana eo amin'ny "Fafana maneho ny tetibolam-pianakavian'ny mpamokatra", mifototra amin'ny fomba fandaniany fanao isan-taona. Raha manana olana amin'ny fanoratana isa ny mpamokatra nohon'ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra, dia azon'izy ireo atao ny mampiasa vatomamy, vato kely, sns mba hanehoana ny vola. Rehefa vita ny fampiharana, dia mifanakalo hevitra ny vondron'ny lehilahy sy vehivavy. Avondrona mandritra izany ny olana ateraky ny tsy fahampian'ny fifampiresahana eo amin'ny mpivady mahakasika ny tetibola ao an-tokantrano, ny tsy fahampian'ny fampiasana ny ho entimanana eo amin'ny vola, sy ny sisa. Amin'io dingana io dia tarihina ny vondrona handinika izay azony atao mba hitantanana tsara kokoa ny tetibolam-pianakaviana.

Fafana mahakasika ny tetibolam-pianakaviana ho an'ny mpamokatra

| | Fandaniana | JAN | FEB | MAR | APR | MAY | JON | JOL | AOG | SEP | OKT | NOV | DES | Totaly |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | | | | | | | | |
| 2 | | | | | | | | | | | | | | |
| 3 | | | | | | | | | | | | | | |
| 4 | | | | | | | | | | | | | | |
| 5 | | | | | | | | | | | | | | |
| 6 | | | | | | | | | | | | | | |
| 7 | | | | | | | | | | | | | | |
| 8 | | | | | | | | | | | | | | |
| 9 | | | | | | | | | | | | | | |
| 10 | | | | | | | | | | | | | | |
| | Totaly | | | | | | | | | | | | | |



Sary: Kenya

### (5) Fananganana drafitrasa mahakasika ny maha lahy na maha vavy

Ny olana eo amin'ny fanatontosan'ny lahy sy ny vavy ny anjara asa, ny fifandanjan'ny fanapahankevitra, ary ny fifampitokisana sy ny fifandraisana eo amin'ny mpivady dia ilàna fifanakalozankevitra misimisy kokoa eo amin'ny vondrona. Ilaina ny fananganana drafitrasa mahakasika ny maha lahy na maha vavy araka ny aseho etsy ambany mba hanampiana azy ireo amin'ny fandraisany fepetra mazava mifototra amin'ny fahafantarany ny zavamisy betsaka kokoa. Ny drafitrasa dia mametraka karazana laminasa hanampy ny sasany hamaha ireo olana efa fantatra tamin'ny alalan'ireo fampiharana efatra teo aloha. Antenaina hampihatra ny drafitrasa amin'ny alalan'ny fanatontosana ny SHEP ireo vondron'ny mpamokatra.

Drafitrasa mahakasika ny maha lahy na maha vavy <Ohatra>

| Tanjona | Asa mafy indrindra | Laminasa | Hoentimanana | Fandaharam-potoana | Tomponandraikitra | Tondro fanarahamaso | Fanarahamaso | Fanamarihana |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Mihena ny enta-mavesatry ny vehivavy. | Maka kitay | Fividianana fatana fandrahoana nohatsaraina | Vola (….Ar) Mpiasa hanamboatra lakozia | Des 2018 | Ny mpikambana tsirairay | Maherin'ny 70%-n'ny mpikambana ao amin'ny vondrona no nampihatra | Mpampiofanana ao amin'ny Vondrona Komity Mpanatanteraka | Rehefa vita ny fivarotana ny vokatra legioma sy voankazo amin'ny vanimpotoana manaraka |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |

### Soso-kevitra: Mikarakara fivoriana manome lanja ny fifanakalozankevitra ary afaka mampiasa tantara kely mahasoa

Ireo taranja-piofanana nohazavaina manomboka amin'ny (1) ka hatramin'ny (5) hatreto dia mahakasika ny fanofanana mahakasika ny fahatakarana ny maha lahy na maha vavy tany Kenya. Na izany aza, ny firenena sasany dia mety ho tojo tsy fahampiana vola sy olona amin'ny fikarakarana fiofanana toy izany. Amin'ny toejavatra toy izany, raha tokony hikarakara fanofanana mahakasika ny maha lahy na maha vavy izay toy ny tany Kenya, dia mahomby ny fanaovana fivoriana arahana adihevitra eo anivon'ireo mpamokatra kendrena

amin'ireo lohahevitra fototra mahakasika ny maha lahy na maha vavy. Ohatra amin'izany fihaonana izany ny fanolorana ireo mpamokatra ireo tantara an-tsehatra tena misy toy ny aseho etsy ambany mba ho takatry ny mpamokatra mora foana ny maha zavadehibe ny fiarahan'ny mpivady mavitrika amin'ny fandraisana fanapahankevitra mahakasika ny fitantanana ny famokarana. Raha afaka mikarakara fotoam-pifanakalozan-kevitra ny tomponandraikitra aorian'ny fampahafantarana ireo tantara ireo, dia mety hahatonga saina ny mpamokatra ny fotoana toy izany.

Lahatsoratra 6: Tantara iray mahakasika lehilahy iray avy amin'ny tokantrano mpamokatra

Indray andro, niainga avy tao an-trano aho ny maraina hitady tsena ho an'ny voatabia izay efa masaka ka vonona hotazana. Raha sahirana nitady tsena iny aho, nisy mpividy iray nankany an-tranoko ary ny vadiko no nandray azy sy nifampiresaka taminy. Nanontany izy raha afaka mivarotra voatabia aminy ny vadiko. Ity farany anefa tsy nanana fahefana hanapakevitra ary tsy nahafantatra ny hevitro. Noho izany, tsy raikitra ny varotra.
Tsy nahomby ny fitadiavana tsena ary nandeha nody aho. Nitantara ahy ny vadiko ny zavanitranga tamin'io andro io. Nahatsiaro tena ho meloka aho ary simba ny voatabiako satria tsy nahita toerana hamarotana azy ireo aho.



Fanontaniana apetraka amin'ny mpamokatra:

- ✓ Efa niaina toejavatra toa izany ve ianao?
- ✓ Inona ny antony mahatonga an'io olana io raha araka ny hevitrao?
- ✓ Inona no azo atao hisorohana io karazana toejavatra io?

Lahatsoratra 7: Tantara iray mahakasika vehivavy iray avy amin'ny tokantrano mpamokatra

Hoy ny vadiko tamiko: "Naheno aho fa ahazoana tombony ny famokarana soflera. Ndao isika hamboly soflera amin'ny tanimbolintsika rehetra. " Nanohitra azy aho ka nanao hoe: "Eny, fa tokony ho ny antsasaky ny tanimbolintsika ihany fa tsy ny rehetra", satria hitako fa maro ireo mpamokatra hafa no efa namboly azy ary naheno olona maro niteny aho fa te hamboly soflera. Haiko fa rehefa miakatra ny vokatra dia hihena ny vidiny. Tsy nihaino ahy ny vadiko fa nataony ihany izay tiany. Matiantoka be izahay tamin'ny faran'ny taom-pambolena. Taorian'io toejavatra mampalahelo io, nanomboka nanontany ahy ny vadiko hoe: "Inona no voly tsara hambolena amin'ity taom-pambolena ity araka ny hevitrao?"



Sary:Afrika Atsimo

Fanontaniana apetraka amin'ny mpamokatra:

- ✓ Efa niaina toejavatra toa izany ve ianao?
- ✓ Inona ny antony mahatonga an'io olana io raha araka ny eritreritrao?
- ✓ Inona no azo atao hisorohana io karazana toejavatra io?



# FIZARANA FAHA 3.TOROHEVITRA

“Ny fizarana faha-3. TOROHEVITRA” dia manome fanazavana fanampiny ilaina amin'ny fampiharana ny Fomba Fiasa SHEP.

# 1. FAQs (Fanontaniana matetika mipetraka amin'ireo tompon'andraikitry ny Fomba Fiasa SHEP)

Ireto misy fanontaniana matetika mipetraka amin'ny tomponandraikitry ny SHEP manerana izao tontolo izao izay nifototra tamin'ny traikefa isankarazany nataon'ireo mpanorina sy mpandrafitra ny SHEP tao Kenya sy firenena hafa. Misy valim-panontaniana sasantsasany voavaly etsy ambany. Tsy misy arak'izany ny valinteny "tokana". Entanina ny mpamaky hitady ny valinteniny amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ireo mpamokatra eny ifotony.

## 1.1. Fanontaniana mahakasika ny fampiharana sy ny Fomba Fiasa SHEP

F1. Natokana ho an'ny famokarana legioma sy voankazo ihany ve ny Fomba Fiasa SHEP? Azo ampiharina amin'ny asa hafa toy ny famokarana voamaina sy fiompiana ve izany?

V1. Ny Fomba Fiasa SHEP dia azo ampiharina amin'ny sehatra famokarana hafa. Ny JICA dia mampiroborobo ny Fomba Fiasa SHEP amin'ny sehatra famokarana isankarazany any amin'ireo firenena ivelan'i Afrika. Eto Madagasikara ohatra dia misy tetikasa mahakasika ny vary mampiasa ny Fomba Fiasa SHEP. Ao Namibia, ny fampiroboroboana ny fiompiana izao dia nomanina tamin'ny alalan'ny Fomba Fiasa SHEP. Ny mpamokatra kendrena ao Pakistan dia miezaka ny hahatakatra ny filàn'ny tsenan'ny fiompiana sy hanatsara ny fomba fandraharahana hifanaraka amin'ny filàn'ny tsena. Ny sehatra hafa toy ny fampiroboroboana ny voamaina isankarazany, ny jono, na ny fanodinana ny voka-pambolena dia mety hampiasana ny Fomba Fiasa SHEP avokoa. Ny tanjona dia ny tsy fisian'ny elanelana eo amin'ny mpamokatra sy ny mpisehatra eo amin'ny tsena. Maro tamin'ireo mpamokatra tao anatin'ny fandaharanasa SHEP no nampihatra ny fahalalana voarainy tany amin'ny asa hafa fivelomana ka mampitombo ny fidirambola ao an-tokantrano toy ny fiompiana sy ny fanodinana sakafo nefa tsy nentanin'ny mpiasam-panjakana.

F2. Mbola mazoto ve ny mpamokatra raha mifarana ny fanatanterahana ny fiofanana mahakasika ny SHEP? Ahoana no ahafahana mitazona ny risipony ho ambony na dia aorian'ny fampiharana ny SHEP aza?

V2. Ireo mpamokatra izay "nahazo diplaoma" tamin'ny fiofanana SHEP dia matetika manana fahavononana ambony. Marina fa taorian'ny fandraisana anjara mavitrika tamin'ny fiofanana mahakasika ny SHEP dia tsy dia mitsidika matetika ireo vondrona ireo ny mpampiofana. Na izany aza, matanjaka kokoa noho ny teo aloha ny fifandraisana misy eo amin'ny vondron'ny mpamokatra sy ny mpampiofana: afaka mifampiantso matetika amin'ny finday izy ireo ka lasa mifanakaiky kokoa. Nandritra ny fanatanterahana ny SHEP no nananganana tambajotra teo amin'ny varotra miaraka amin'ny mpividy, ny mpamatsy hanapamokarana, ny orinasa mpanodina sakafo, ny orinasa mpampindram-bola, ny, ivon-toeram-pikarohana, sy ny sisa. Mitohy ny fifandraisana sy ny fifampiraharahana na tsy misy aza ny



Sary:Takeshi Kuno/JICA, Kenya

fanampiana ho an’ny tsirairay avy amin'ny mpampiofana. Zavadehibe ho an'ny tomponandraikitry ny SHEP ny manazava amin'ireo mpamokatra kendrena eo am-piandohan'ny fiofanana fa ny tanjon’ny Fomba Fiasa SHEP dia hamorona sehapamokarana mahaleo tena.

F3. Inona no maha samy hafa ny SHEP amin'ny Fomba Fiasa hafa toy ny Sekolin’ny mpamokatra Mpandraharaha na STM na ny saha sekoly (CEP)? Tsy samy mampiroborobo ny famokarana mitodika amin’ny tsena ve izy ireo?

V3. Marina fa samy miezaka ny SHEP na Sekolin’ny mpamokatra Mpandraharaha na STM na ny saha sekoly (CEP) hampiroborobo ny “famokarana ho toy ny asa velontena amin’ny orinasa”. Matetika ny Sekolin’ny mpamokatra Mpandraharaha na STM na ny saha sekoly (CEP) dia manasa solontena avy amin'ny vondrona iray ary manolotra fiofanana mafonja ho azy ireo. Ny solontenan'ny mpamokatra dia andrasana hampiely sy hampita ny fahalalana amin'ny mpikambana hafa ao amin'ny vondrona aorian'ny fandraisany anjara amin'ny fiofanana saha sekoly. Ny SHEP kosa dia manolotra fiofanana ho an'ny mpikambana rehetra ao amin'ny vondrona ary manampy azy ireo hahatakatra sy hampihatra fahaizamanao vaovao manaraka fomba "fianarana amin’ny alalan’ny fampiharana". Mandroso haingana ny asa vokatr’izany. Misy amin’ireo tomponandraikitry ny SHEP ihany koa no nilaza fa ny Fomba Fiasa SHEP dia mampifanakaiky ny mpamokatra sy ny mpampiofana ary manomboka mifampatoky izy ireo, izay tombony fanampiny ho an’ny SHEP. Farany fa tsy kely indrindra, ny SHEP dia tsy mijanona fotsiny amin’ny fampiroboroboana ny famokarana mitodika amin’ny tsena ihany fa mampiakatra ny risipon’ny mpamokatra hampihatra azy ka mifototra amin'ny laminkevitry ny antony manosika avy ao anaty. Izay lafiny izay dia anisan’ny mampiavaka ny SHEP.

F4. Inona no maha samy hafa ny Fomba Fiasa SHEP sy ny Fomba Fiasa Fampiroboroboana ny Rojom-pihariana?

V4. Ireo fomba roa ireo dia samy mikendry hanatratra toekarena matanjaka mifantoka amin'ny fametrahana rohim-pifandraisana matanjaka kokoa amin'ireo mpiaramiombonantoka eo amin'ny rojom-piharian’ny vokatra sasany. Mifantoka kokoa amin'ny fanolorana sehatra ahafahan'ny mpiaramiombonantoka rehetra ao amin'ny rohim-pihariana mifanakalo hevitra ny Fomba Fiasa Fampiroboroboana ny Rohim-pihariana. Ny Fomba Fiasa SHEP kosa dia manome lanja manokana ny fampitomboana ny fahaizamanaon'ny mpamokatra. Ity Fomba Fiasa ity dia mivoy ny fahaleovantenan’ny mpamokatra mba ho afaka mijery ireo mpisehatra eo amin’ny tsena izay tena ilainy ary indrindra indrindra manangana fifandraisana eo amin’ny fandraharahana miaraka amin’ireo mpisehatra ireo. Raha fintinina, ny SHEP dia mivoy ny risipo sy ny fahaizan'ny mpamokatra hampitombo sy hampiasa ny rohim-pihariana samirery.

F5. Inona no tena tsy mampitovy ny fanadihadiana ny tsena sy ny fihaonan’ireo mpiaramiombonantoka raha samy mikendry ny tsy hanisy elanelana eo amin'ny mpamokatra sy ny mpisehatra amin'ny tsena ny hetsika roa tonta?

V5. Ireo hetsika roa ireo dia manana tanjona mitovy amin'ny tsy hisian’ny elanelana eo amin’ny mpamokatra sy ny mpisehatra



Sary:Senegal

amin'ny tsena. Na izany aza, ireo tomponandraikitra sy ny mpamokatra ao amin'ny firenena mampihatra ny SHEP dia nahita fahasamihafana vitsivitsy:

(1) Ny olona dia manana fotoana sy mifantoka bebe kokoa hifanakalo hevitra amin'ny antsipiriany ao anatin'ny tontolo milamina mandritra ny fihaonan'ireo mpiaramiombonantoka noho ny amin'ny fanadihadiana ny tsena, (2) Tontosain'ny mpamokatra samirery ny fanadihadiana ny tsena ka afaka manatanteraka izany matetika tsy tapaka araka izay tiany izy ireo ary tsy misy fanampiana andrasana avy amin'ny fanjakana. Noho izany, samy manana ny tombony sy ny lesoka ireo hetsika roa ireo.

## 1.2. Fanontaniana mahakasika ny fanamby eo amin'ny varotra

F1. Mba hahazoana tombombarotra bebe kokoa, tsy tsara kokoa ve ny mandroso sosokevitra ho an'ny mpamokatra mba "handingana" an'ireny mpanelanelana ireny ka hivarotra mivantana amin'ny mpivarotra ambongadiny na mpaninjara toy izay hamporisika azy hanana fifandraisana tsara amin'ny mpanelanelana?

V1. Marina fa betsaka ny tranga izay nahafahan'ny vondrona mpamokatra nampitombo ny tombombarotra tamin'ny alalan'ny fandinganana ny mpanelanelana. Na izany aza, ho an'ireo mpamokatra monina any amin'ny faritra saro-dalana dia olana lehibe ny fitaterana sy vitsy ny safidy hananany amin'ny toerana hivarotana. Ny hany safidy dia ny mivarotra amin'ny mpanelanelana. Amin'ny toejavatra toy izany dia toroana hevitra izy ireo hanangana fifandraisana tsara amin'ny mpanelanelana, fa tsy handingana azy ireo. Misy ihany koa ny endrika roa hafa izay hampitahan'ny vondron'ny mpamokatra ka nifototra tamin'ny fanazavana na hevitra voaangona nandritra ny fanadihadiana ny tsena: (1) mivarotra amin'ny mpanelanelana any an-tanimboly na (2) mitatitra sy mivarotra ny vokatra amin'ny mpivarotra ambongadiny eny an-tsena. Rehefa vita ny fampitahana ireo toejavatra roa ireo, dia manana safidy izy ireo hivarotra amin'ny mpanelanelana amin'ny farany satria ambony ny tombombarotra na satria ambany ny mety ho fahavoazana. Ny zavadehibe dia ny fahafantaran'ny mpamokatra hoe iza no mpiaramiombonantoka ao amin'ny tsena ary inona avy ireo safidy hananany.

F2. Anisan'ny fanamby lehibe ho an'ny mpamokatra madinika ny tsy fahafahany mamatsy vokatra tsy tapaka eny an-tsena. Ahoana no fomba hamahan'ny mpamokatra io olana io rehefa manatanteraka Fomba Fiasa SHEP?

V2. Koa satria miara-miasa amin'ny vondron'ny mpamokatra ny SHEP, dia miezaka mikendry vokatra tsara izy. Mikasika ny olan'ny famatsiana tsy tapaka, ireo vondrona mpamokatra mahomby dia manomana sy mandrindra ny fotoana fiakaran'ny vokatra eo anivon'ny mpikambana ao amin'ny vondrona mba hahafahan'izy ireo mamatsy ny vokatra eny an-tsena tsy tapaka. Ny SHEP dia manampy azy ireo amin'ity dingana ity amin'ny fampianarana azy ireo ny fomba fandrafetana ny tetiandrompamokarana.

F3. Ahoana no ahafahan'ny mpamokatra madinika manomboka mamatsy ny vokatra any amin'ny toeram-pivarotana lehibe?

V3. Tsy mora ho an'ny ankamaroan'ny mpamokatra madinika ny mamatsy eny amin'ny toeram-pivarotana lehibe nohon'ny fepetra hentitra mahakasika ny kalitao takian'ity farany. Manomboka mamatsy ny tsena eto an-toerana ny mpamokatra ary manatsara tsikelikely ny fahaizany mamokatra mifanaraka amin'ny

fepetra takian'ny toeram-pivarotana lehibe. Ny tsara indrindra dia ny manomboka manao dingana kely iray isaky ny mandeha.

### 1.3. Fanontaniana mahakasika ny endrika fanampiana

F1. Afaka mahatratra ny tahan'ny fandraisana anjara ambony tokoa ve ny SHEP na dia tsy manome fanampiana vola na fitaovana ho an'ny mpamokatra aza? Matahotra aho sao hihena hatrany ny fanatrehan'ny mpamokatra fiofanana.


Sary: Takeshi Kuno/JICA, Kenya

V1. Araka ny voalazan'ny laminkevitry ny antony manosika avy ao anaty, tsy fomba tsara ny miteny hoe "Tongava amin'ny fiofanana dia hisitraka famatsiana fitaovana ianao". Ny antony dia ho voasakana ny filàn'ny mpamokatra eo amin'ny ara-tsaina hahalelo tena ary ho tonga amin'ny fiofanana fotsiny izy ireo hiandry fanomezana. Tena zavadehibe ho an'ny tomponandraikitra, alohan'ny hanombohan'ny fiofanana mahakasika ny Fomba Fiasa SHEP, ny manazava tsara amin'ny mpamokatra fa ny SHEP dia fanofanana amin'ny fampandrosoana ny fahaizamanao fotsiny ihany ary tsy mamatsy ara-pitaovana. Ataovy azo antoka ny fisafidianana ireo mpamokatra tena vonona handray anjara amin'ny SHEP rehefa nazava taminy izany fanazavana izany. Tsy midika akory izany fa tsy manome fanohanana hamaha ny olan'ny tsy fahampian'ny volan'ny mpamokatra ny SHEP. Ny SHEP dia manampy ny mpamokatra hahazo fanampiana ara-bola na ara-pitaovana. Izany dia atao amin'ny alalan'ny fampifandraisana azy ireo amin'ireo mpiaramiombonantoka mifandraika amin'izany, toy ny fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana, ny orinasa mpampindram-bola ary ny sampandraharaham-panjakana, amin'ny alalan'ny fihaonan'ny mpiaramiombonantoka sy ny fanatanterahana fanadihadiana ny tsena. Ny zavadehibe dia tokony handray andraikitra ny mpamokatra amin'ny fametrahana fifandraisana amin'ireo mpiaramiombonantoka izay afaka manome fanampiana fitaovana isankarazany satria ny SHEP dia manohana ny filàn'ny mpamokatra ara-tsaina mba hananany fahaleovantena.

F2. Indraindray ny fanomezana fanampiana fitaovana dia zavadehibe amin'ny fahavelomàn'ny mponina. Saingy ny SHEP dia miezaka ny tsy hanome fanampiana vola na fitaovana ho an'ny mpamokatra. Mandà ny fanampiana eo amin'ny maha olona ve ny SHEP?

V2. Tena ilaina tokoa ny fanampiana eo amin'ny maha olona amin'ny toejavatra maika toy ny loza voajanahary sy fifanandrinana. Ny SHEP dia tsy hampiharina amin'ny hamehana toy izany fa amin'ny toejavatra mahazatra satria ny tanjon'ny SHEP dia ny hanampy ny fahaizamanaon'ny mpamokatra amin'ny fanatanterahana ny asa famokarana maharitra. Ny SHEP ihany koa dia mikendry ireo mpamokatra maniry hihoatra ny mahazatra ary hanao ny asa famokarana mihoatra ny asa fivelomana ka handeha lavitra kokoa. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia manana fahaizamanao eo amin'ny fitantanam-bola izy ireo mba hampiasa vola amin'ny fandraharahana famokarana legioma sy voankazo ary tsy mila fanampiana

ara-pitaovana avy amin’ny fanjakana hanombohana ny Fomba Fiasa SHEP. Ho an'ireo mpamokatra velontena dia mila tohanana amin'ny fomba hafa nohon'ny SHEP izy ireo.



Sary: Takeshi Kuno/JICA, Kenya

F3. Betsaka ny mpamokatra tsy ampy fotodrafitrasa fototra amin’ny asa famokarana ataony na mila vola iaingana amin’ny fanitarana ny asa famokarany. Mila fampindramam-bola izy ireo. Manome fampindramam-bola ho an'ny mpamokatra ve ny SHEP?

V3. Tsy mivantana. Na izany aza, ny mpamokatra dia afaka mifandray amin'ny banky, orinasa madinika mpampindram-bola na fikambanana tsy miankina amin’ny fanjakana. Ireto farany dia afaka manome fampindramam-bola ho an’ny mpamokatra amin'ny alalan'ny fihaonan’ny mpiaramiombonantoka na ny fanadihadiana ny tsena. mpamokatra maro nampihatra ny Fomba Fiasa SHEP tany Kenya no nahazo fampindramam-bola nanitarana ny fandraharahana mahakasika ny famokarana legioma sy voankazo.

F4. Tsy tokony hifantoka amin'ny fanondranana sy fanodinana vokatra ve ny fandaharanasa SHEP mba hanomezana lanja kokoa ny voly legioma sy voankazo?

V4. Ireo orinasa mpanondrana sy mpanodina vokatra dia azo hasaina hanatrika ny fihaonan’ny mpiaramiombonantoka na tsidihina ihany koa mandritra ny fanadihadiana ny tsena. Mpamokatra maro tany Kenya no nahavita nanondrana legioma tany Eoropa. Na izany aza, zavadehibe ny mitadidy fa ny tanjon'ny SHEP dia tsy voatery hahatonga ny mpamokatra hanondrana na hanome lanja kokoa ny voly legioma sy voankazo. Raha mbola manatsara ny asa famokarany ny mpamokatra dia tsy maninona na avy amin’ny fanondranana na avy amin’ny famarotana vokatra eny ifotony ny fidirambolany. Ny tena zavadehibe dia ny manampy ny mpamokatra hahita ny fomba fandraharahana mifanaraka tsara indrindra amin'ny toejavatra misy eo amin’izy ireo.

## 1.4. Fanontaniana mahakasika ireo kendren’ny Fomba Fiasa

F1. Afaka mampihatra ny SHEP ve isika raha tsy mahay mamaky teny sy manoratra ny ankamaroan'ny mpamokatra?

V1. Mazava ho azy fa azo tanterahina tsara izany. Raha ny marina, maro amin'ireo firenena/faritra mampihatra ny SHEP no manana mpamokatra tsy mahay mamaky teny sy manoratra nahazo tombotsoa avy aminy. Na izany aza, tokony hamolavola fomba maro hamahana ny olana ateraky ny tsy fahaiza-mamaky teny sy manoratra ny tomponandraikitra, toy ny famolavolana fitaovana enti-mampianatra manintona, mifandraika amin’ny faripahalalany ary indrindra azony ny tiana hampitaina. Asaina ireo mpamokatra mahay mamaky teny sy manoratra hanampy ireo mpikambana ao amin'ny vondrona tsy mahay mamaky teny sy manoratra amin’ny famakiana teny sy fanoratana.

F2. Afaka mikendry vondron'ny mpamokatra lehibe ve ny SHEP miaraka amin'ny mpikambana ao aminy mihoatra ny 100?

V2. Azo atao ny miara-miasa amin'ny vondrona manana mpikambana 100 no mihoatra ho vondrona kendrena. Na izany aza, mila mitandrina isika amin'ny olana toy ny fifampizarana amin'ny fomba mahomby ny vaovao tsara ho fantantra eo amin'ny mpikambana sy ny fiantohana ny fandraisana fanapahankevitra an-kalalahana. Noho izany antony izany dia azonao atao ny mangataka ny vondrona mba hizara ho zana-bondrona maromaro mandritra ny fotoam-piofanana hahamora ny fandaminana. Tazomina ny tsy hanimba ny fisian'ny firaisankina amin'ny maha vondrona azy.

F3. Ahoana ny tokony hataontsika raha tsy misy vondrona mpamokatra manana lamina ao amin'ny faritra kendrena?

V3. Tsy voatery ho vondrona ofisialy ny vondrona. Ny vondrona tsy ofisialy na vondrona tsy ara-dalàna dia mety ho kendren'ny SHEP ihany koa raha toa ka misy ny firaisankina marina eo amin'ireo mpikambana ao amin'ny vondrona. Azo atao ihany koa ny mampihatra ny Fomba Fiasa SHEP ho an'ny mpamokatra tsirairay raha toa ka miasa irery ihany ny mpamokatra ao amin'ny faritra kendrena fa tsy ao anatin'ny vondrona iray. Amin'ny toejavatra toy izany dia mety ho sarotra ny manomana hetsika amin'ny maha vondrona azy mandritra ny fandrafetana ny tetiandrompamokarana. Mila mampirisika ny mpamokatra hanao drafitrasa tsirairay ny tomponandraikitra.

## 1.5. Fanontaniana mahakasika ny mpampiofana sy ny rafitra fanapariahana

Sary: Etiopia



F1. Hampitombo ny asan'ny mpampiofana ve ny SHEP?

V1. Araka ny traikefa azo dia mety hisy fitomboana kely ny asan'ny mpampiofana indrindra rehefa manao hetsika vaovao eo amin'ny sehatry ny varotra izy ireo. Na izany aza, maro amin'ireo mpampiofana no milaza fa lasa mora kokoa ny asany. Tsy mahazo antso tamin'ny finday maro be intsony avy amin'ny mpamokatra izy ireo manontany hoe aiza no hivarotany ny vokatra amin'ny volana hiarakan'ny vokatra. Mahazo fahafahampo bebe kokoa noho ny teo aloha ihany koa ireo mpampiofana satria hitany fa manatsara ny fiveloman'ny mpamokatra sy ankasitrahan'ny mpamokatra ny asany. Ny SHEP dia tsy mandrisika ny mpamokatra fotsiny ihany fa mandrisika ihany koa ny mpampiofana.

F2. Azo ampiharina ve ny SHEP raha voafetra loatra ny isan'ny mpampiofana?

V2. Eny, raha mbola misy hevitra na paikady azo hanatsarana ny dingana fampiharana mahazatra. Nahavaha io olana io ohatra Roanda (Rwanda) tamin'ny fampiharana ny fomba fanapariahana ara-pamokarana eo amin'ny samy mpamokatra (saha sekoly) nanaparitahana ny teknika famokarana.

## 1.6. Fanontaniana mahakasika ny ho entimanana ara-bola

F1. Azo ampiharina ve ny SHEP raha toa ka voafetra na tena kely ny ho entimanana ara-bola avy amin'ny fanjakana?

V1. Eny. Ity Torolalana ity dia afaka hampiharina raha voafetra ny ho entimanana ara-bola. Raha manaraka ny

toromarika ao amin'ny Torolalana ianao, dia ho tsapanao fa tsotra sy mirindra ny Fomba Fiasa, ka tsy mitaky tetibola betsaka. Ny Fomba Fiasa SHEP, raha ny marina, dia azo ampiasaina amin'ny asa fanapariahana ara-pamokarana mahazatra tsy mila vola fanampiny betsaka.

## 1.7. Fanontaniana mahakasika ny maha lahy na maha vavy

F1. Lohahevitra saropady ny maha lahy na maha vavy. Vonona ny hiresaka mahakasika izany ve ny mpamokatra?

V1. Araka ny traikefa azon'i Kenya dia tena faly tamin'ny hetsika mifandraika amin'ny maha lahy na maha vavy ataon'ny SHEP ny mpamokatra lahy na vavy. Ny maha lahy na maha vavy dia iray amin'ireo lohahevitra fanofanana malaza indrindra teo amin'ny mpamokatra SHEP tany Kenya. Tian'ny mpamokatra ny lohahevitry ny maha lahy na maha vavy ao amin'ny SHEP satria mifantoka hatrany amin'ny fanatsarana ny fandraharahana mahakasika ny famokarana, fa tsy ny fifampitsikerana amin'ny olana mahakasika ny maha lahy na maha vavy.

## 2. Fitaovana nampiasaina

Ho fampiroboroboana ny Fomba Fiasa SHEP, JICA dia nanomana fitaovana fanovozan-kevitra/fanabeazana isankarazany. Indro ny lisitra vitsivitsy amin'ireo fitaovana, izay azonao jerena amin'ny Internet. Raha mila fanazavana fanampiny ianao dia mifandraisa amin'ny biraon'ny JICA ao amin'ny firenena misy anao.

- SHEP Website
  https://www.jica.go.jp/english/our_work/thematic_issues/agricultural/shep/index.html




- SHEP Facebook
  https://www.facebook.com/jicashep/




Mitondra fiovàna ny mpamokatra madinika mba hahomby amin’ny tsena Miparitaka manerana an'i Afrika ny Fomba Fiasa SHEP.
https://www.youtube.com/watch?v=idGw6xLljH8&feature=youtu.be





- JICA-Net multimedia-based Learning Material SHEP Approach(Short ver. 6min, Full ver.26min)
https://jica-net-library.jica.go.jp/jica-net/user/lib/contentDetail.php?item_id=10064



- SHEP Game App “Fun Fun Farming!”
  https://jica-net-library.jica.go.jp/jica-net/user/lib/contentDetail.php?item_id=10035




- livret “Psychologie approfondie de la coopération internationale”
  http://libopac.jica.go.jp/images/report/12092193.pdf





- Brochure SHEP Une APD estampillée Japon (Septembre 2016)
  https://www.jica.go.jp/french/publications/japan_brand/c8h0vm0000a4sxzz-att/japan_brand_08_fr.pdf




- SHEP Brochure “SHEP Brochure” (Mars 2013)

https://www.jica.go.jp/english/our_work/thematic_issues/agricultural/c8h0vm00009ul5bk-att/shep_04_fr.pdf




- Approche SHEP ~Les Agriculteurs de Petite Taille Créent un Changement pour le Succès auMarché.~ (Février 2014)”
  https://www.jica.go.jp/english/our_work/thematic_issues/agricultural/c8h0vm00009ul5bk-att/shep_05_fr.pdf


L'approche SHEP apporte un changement chez les petits exploitants horticoles.

Tout commence au marché.

- SHEP Brochure “Do-nou Technology – Improving Rural Access Roads”
  https://www.jica.go.jp/english/our_work/thematic_issues/agricultural/shep/c8h0vm0000bm5dqa-att/Do-Nou.pdf


**Successful cases of community "Do-nou" Technology projects in Kenya**

Githura Self Help Group in Kieni West Sub-County was struggling to transport their product, Bulb Onions, from their farm to the market through the rural access road. Because of the muddy conditions of the rural access road (Photo 1), the tractors carrying Bulb Onions (Photo 2) sometimes got stuck in the mud (Photo 3). Bulb Onions found thrown on the road as waste because they could not reach the market in time due to the bad rural access roads (Photo 4).

However, after Githura Self Help Group received the training and demonstration on road maintenance using "Do-nou" Technology (Photo 5), the group members were motivated and continued to repair road.

Photo 1: Road condition before repair

Photo 2: Tractor carrying Onion to market

Photo 3: Tractor getting stuck

Photo 4: Onions thrown on the road

Photo 5: Road after demo training

Photo 6: Road after repaired by CDF

The "Do-nou" Technology is easily adoptable. The application of the technology motivates and builds farmers confidence in initiating their own development.

After a while, Area Member of Parliament heard of farmers' efforts and used Constituency Development Fund to repair the road (Photo 6). Now the group members are enjoying free transportation cost, which used to be 300 Ksh. per bag of Bulb Onion, because vehicles of buyers are able to get to the farm.

The demo training on rural road maintenance using "Do-nou" Technology has triggered the rural development.

**Other application of "Do-nou" Technology**

. Construction of dykes
. Construction of water pans
. Construction of pathways in mushy or swampy areas
. Reinforcement of irrigation canal linings

Example of the Dykes

Dry

Rainy

Example of the Water pan

Embankment of water pan built with "Do-nou"

Water pan filled with water

**For More Information Contact:**
Smallholder Horticulture Empowerment & Promotion Project for Local & Up-scaling (SHEP PLUS)

SHEP PLUS Office
4th Floor, N.H.I.F. Building, Upper Hill, Nairobi
P.O. Box 19024-00100, NAIROBI
Tel: 0737-293867/0712-504095
E-mail: infoshep@shepunit.org

**Better Rural Access Roads, Better Farmers Life!**

**"Do-nou" Technology**

*"Mobilization community labor and use of local material for improving impassable rural access roads"*

Main target reader: Stakeholders in rural development, Extension staff, Group leaders and Community members

Smallholder Horticulture Empowerment & Promotion Project for Local & Up-scaling (SHEP PLUS)

## 2. SHEP **Canal YouTube**

“Tecnologie DO-NOU "Amélioration des pistes rurales" Kenya SHEP-UP（2012）“
https://www.youtube.com/watch?v=Dz3NHtjmgUg



ISBN978-4-86357-080-1